


FANONTANIANA SY VALINY

HEBREO FIZARANA III

 . . . ny tonga eto amin'ny tabernakla indray izao hariva izao, mba handray anjara amin'ity fiombonana mahafinaritra ity sy hanompo manodidina ny Tenin'Andriamanitra izay nomena antsika maimaim-poana. Ary isika dia . . . tia ny ho mpandray anjara amin'ity fitahiana ity.

⁵⁵⁴ Ary matoky fotsiny aho fa hitahy antsika Andriamanitra izao hariva izao tahaka ny Nataony aninkeo maraina, niaraka tamin'ny hafatry ny maraina. Ary niresaka fotsiny tamin'ny mpiara-monina amiko aho, Rtoa. Wood, vao teo, ary niresaka an'izany izahay, ary Atoa. Wood sy izy ireo. Koa mino aho fa izany no toriteny tsara indrindra an-dRahalahy Neville amin'ireo tsara rehetra izay efa notoriany, izany no anankiray izay tsaratsara kokoa ho ahy noho izay efa hany notoriany. Midera sy mankasitraka tokoa an'izany toriteny mahafinaritra izany aho. Ary nanome fankaherezana ho ahy izany, ary nandamina ahy. Noho izany aho—te-hanaiky ny fahamarinana aho, fantatrareo. Noho izany, saiky ireo ampahany mampahery, fantatrareo, mba hahery, ary ahoana no . . . Teo Davida, ary ahoana fa izy . . . Rehefa tao amin'io fizahan-toetra lehibe io, raha tokony nanao hoe “Eny, handeha hanao an'ity aho, Tompo, fa manampia ahy fotsiny Ianao,” dia niandry izy, nandeha ary nanontany ny Tompo an'izay hatao. Nentiny ilay efoda, fantatrareo, ka hoy izy, “Ankehitriny dia ndao isika hitsangana ary hanontany an'Andriamanitra hoe, ‘Inona no tokony hataonay ao amin'ity krizy ity?’” Oh, tena nanan-karena izany. Nanana vitamina betsaka noho izay ananan'ny fivarotam-panafody rehetra izay misy ao amin'ny firenena izany. Eny, tompoko, tena manao anareo ho tsara tokoa izany.

⁵⁵⁵ Ankehitriny, izao hariva izao, isika—tsy mikasa ny hijanona ela mihoatra ny misasakalina isika, raha vitantsika, eo amin'ireto fanontaniana ireto. Noho izany isika dia—hiditra avy hatrany ao amin'izy ireo isika, izao ankehitriny izao. Izao no famaranana an'ireto fanontaniana ireto, ary isaky ny manomboka mamarana azy ireo aho . . . Ankehitriny, Ranabavy Hattie, tsy hentitra amin'izany aho, fantatrao izany. Izaho—milaza fotsiny an'izany aho, hitanao; ary, eny àry. Fa manana an'ireo sasany tena manindrona aho eto avy amin'ny mpitoriteny iray, ary tena sarotra valiana izy ireo. Fantatrareo, ireo mpitory teny ireo, manodinkodina an'izany manerana ny Baiboly izy ireo ary miezaka hahita ny valiny manokana alohan'ny hanontaniany anareo, hitanareo. Ary amin'izay fotoana izay . . . ary raisim-poe

ity, handeha ho any Georgia ho an'ny sakaizako mpitoriteny iray izay manana fanontaniana ara-Baiboly lehibe izay tena, tena sarotra.

⁵⁵⁶ Ary ankehitriny, amin'io herinandro ho avy io, dia aza adino ka mivavaha ho anay.

⁵⁵⁷ Ary ny vadiko dia miha-tsaratsara kokoa; mitsangana izy ankehitriny, ary nanampy nahandro, androany. Ny sakaiza malalantsika avy any Canada, Rahalahy, Ranabavy Sothmann, dia eto mitsidika antsika, ary azo antoka fa mankasitraka ny famangian'izy ireo isika. Ary ny vadiko, nahafantatra fa tonga izy ireo, nahoana, dia nitsangana izy mba ahafahany hanana famalifaliana sy fiombonan'ireo olona Kristiana malala ireo. Faly isika manana an-dRahalahy Freddie miaraka amintsika izao hariva izao, ary izy dia nijanona...Teto izy aninkeo maraina, saingy mino aho fa izy dia nijanona niaraka...tsia, marina izany, miaraka amin'i Meda izy, mba hiaraka aminy fa izahay no tonga eto; satria fantatro fa ho tara kely ilay izy izao hariva izao, hisy fandraisana sy fanasan-tongotra. Noho izany dia faly isika manana azy ireo ary ireo mpitsidika miaraka amintsika.

⁵⁵⁸ Ankehitriny, alohan'ny hanombohantsika hanandrana hiasana hamaly an'ireo fanontaniana...Ary tsarovy fotsiny fa izaho—mety ho diso aho, hitanareo, izaho—tsy mihambo ho marina eo amin'ny zavatra rehetra izay ataoko aho. Izaho—miezaka ny ho marina aho, saingy angamba aho—diso aho. Ary—ary raha diso aho, amin'izay fotoana izay dia mamelà ahy ianareo; ary mivavaka aho mba Andriamanitra anie hamela, ihany koa, satria tsy fanahy iniako ny ho diso. Tsy miezaka ny mamaly azy ireo fotsiny aho sa-...na amin'ny fomba izay izaho fotsiny...ho an'ny hevitra mialoha, mamaly azy ireo amin'ny tena tsara indrindra amin'ny fahalalako aho, hitanareo. Ary raha tsy maintsy hanova ny hevitra eo amin'ny fanontaniana ara-Baiboly iray aho, dia heveriko fa izany mihitsy ilay zavatra hatao. Isika dia tokony hanova, amin'ny fotoana rehetra, rehefa miteny ny Tenin'Andriamanitra; satria Tenin'Andriamanitra izany.

⁵⁵⁹ Ary ankehitriny, dia heveriko fa hivavaka ho an'ny marary indray isika izao hariva izao, araka ny mahazatra. Ary indraindray dia manontany fotsiny ianareo; maka toy ny vondrona kely tahaka an'ity ianareo, latsaka noho ny, oh, ny tabernakla kely eto, ary indraindray dia tsy mahita ny vokatra izay tianareo ho hita ianareo. Saingy ilay zavatra, izay ataonareo, mahatarika olona eo amin'ny roanjato fotsiny ianareo. Ary ny iray amin'ireo fivoriana goavana, dia angamba mahatarika manomboka amin'ny telo arivo hatramin'ny iray alina hatraiza hatraiza ianareo, hitanareo, ary—ary mihoatra angamba. Koa izany ilay izy, afaka mahita mihoatra betsaka ianareo. Fa izao hariva izao, dia namaly fotsiny aho...Mazava

ho azy fa maneno isaky ny minitra vitsy ny telefoninay mandritry ny andro sy ampahan'ny alina.

560 Rtoa. Reiserit ve ity mipetraka eto ity, izay jereko? Ny Baibolinao, ranabavy, Ranabavy Wood no manana azy iry aoriana iry. Nentiko ho anao ilay izy aninkeo maraina, fa izaho—tsy afaka nanome azy anao aho. Ary—tsy nahita anao aho aninkeo maraina, ka Rtoa. Wood no manana azy.

561 Noho izany teo am-pamaliana ny telefona ary nahita an'ireo—ireo zavatra lehibe izay vita. Niantso ahy ny ramatoa iray, hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, tany amin'ny fivoriana *izao-sy-izao* aho ary nijaly tamin'ny aretina *izao-sy-izao* hatramin'izao fotoana. Ary, fantatrao, niteny fotsiny ianao tany, ary izao fotsiny. . . .” Hoy izy, “Saiky torana aho rehefa namoaka an'ilay fiainana efa lasa Izany.” Dia hoy izy, “Ary tsy nijaly intsony aho hatramin'io.”

562 Ary tonga ny ramatoa iray ka nanao hoe. . . Mino aho fa eto izy izao hariva izao, na namily fiara avy tany Bedford izy, mino aho, na tany ho any tany. Teto ny zananilahy, mino aho, izay tratry ny aretim-po, tao amin'ny toerana ratsy iray. Ary nipetraka tato amin'ny fivoriana izy, ka—ka nihetsika ny Tompo ary nikasika azy. . . nilaza tamin'ilay zazalahy mikasika ny aretiny, ary zara izy raha afaka nanangana ny sandriny, ary aretim-po iray, ka tsy nahahetsika ny sandriny rehetra, ary tahaka an'izany ny fony. Ary niditra avy hatrany tao anatin'ilay fiara izy ary namily fiara nody, tsy nanelingelina azy intsony izany hatramin'io. Tonga eto ve io ramatoa avy any Bedford io? Eto ve ianao, ramatoa? Io izy, ery aoriana. Eny, vao avy niantso ahy izy, vao teo.

563 Avy eo dia nisy ramatoa iray niantso ahy avy tany Evansville. Ary tsy afaka ho tonga eto izy satria lavitra loatra, tsy nahafantatra fa hanana asam-panasitranana isika izao hariva izao. Dia hoy izy hoe, “Ranadahy Branham, nipetraka tao amin'ilay fivoriana tany Evansville aho,” ary hoy izy, “nitodika nankany amin'ny vahoaka betsaka ianao ka nilaza. . . niteny tamiko hoe izy aho, ary inona no nataoko, ary izay nijaliako, sy ny sisa tahaka an'izany.” Dia hoy izy hoe, “Nanana an'io aretin'ny sohika io aho, ary tsy maintsy nandoro Asthmador sy ny sisa tao amin'ilay efitra hatramin'ny naha-zazavavy kely ahy.” Hoy izy, “Roa taona lasa izay, ary tsy nanana pentina anankiray an'izany intsony aho hatramin'io.” Hitanareo?

564 Ary ho an'ireo izay eto fotsiny izao hariva izao, izay tsy teto aninkeo maraina mba hankasitraka an'ilay fijoroana vavolombelona; tany amin'ny mpivarotra entana mora aho, nividy saribakoly iray, omaly. Ankehitriny, tsy ho an'ny tenako izany, hitanareo. Ho an'ny zanakovavy kely izany, Rebekah, itsy. Ary—ary Sarah nandeha tany amin'ny zavatra iray, hafa, androany. Nanao karazana fihaonana miaraka kely iray

ny sasany tamin'ireo namany any an-tsekoly, tsingerin-taona nahaterahana iray na zavatra iray, ary nitondra fanomezana kely iray ho azy izy; ary nividy saribakolin-jaza kely iray aho, saiky *izao* no halavany. Ary nisy ramatoa iray nanatona ahy, nanao hoe, "Tsaroanao ve aho?"

565 Dia hoy aho hoe, "Tsy mino aho fa mahatsiaro."

566 Ary hita fa, havan-dRahalahy Neville eto izany, izay teo... rehefa teo amin'ny lalako nankany Suède aho, izy ireo... Tonga teto izy, nanana zazalahy kely iray tao anatin'ny seza misy kodiara, tahaka an'i Edith kely etsy fotsiny, ary tratry ny homamiadana ilay zazalahy kely, fivontosana fetsy tao amin'ny ati-doha. Ary nilatsaka ny lohany kely, ary izy... ary nanome azy telo herinandro fotsiny hahavelomana ireo dokotera. Nendahan'izy ireo ilay izy ary nohadihadiany izany, ka hitany fa ilay izy dia... inona ilay izy, ary nanome azy telo herinandro fotsiny hahavelomana. Ary tsy maintsy nanosika azy tao anatin'ny seza iray izy ireo, ary avy eo dia nametraka azy teo amin'ny fitondra-marary iray rehefa nankao amin'ilay efitra izy ary nandinika azy, ary avy eo dia nampidina azy indray. Nandeha aho ary nivavaka ho an'io zazalahy kely io, ary nangataka tamin'ny Tompo mba hanasitrana azy. Ary ny ampitso mihitsy, rehefa nentin'izy ireo tany izy, dia hoy izy, "Tsy mila an'io seza misy kodiara io aho."

567 Niakatra tao anatin'ilay fiara ary nandeha teo, ary namelatratra ny fitondra-marary ny dokotera, hoy izy, "Tsy mila an'io fitondra-marary io aho."

568 Nihazakazaka teo ary nipetraka, nandinika azy ilay dokotera, nanao hoe, "Eny," hoy izy, "raha tokony ho telo herinandro, dia hanome anao valo amby zato taona hiainana aho izay hahavelona anao."

569 Ary, omaly, dia nihaona tamiko ilay reny. Ary mety ho eto izy, araka ny fantatro, izao hariva izao. Ary nilalao baolina kitra ilay zazalahy kely, lehilahy tanora iray ankehitriny. Fetsy, homamiadana ao amin'ny ati-doha, ary izany dia mba hanehoana fotsiny... .

570 Oh, ireo zavatra an'arivony, hitanareo. Tsy mety diso Andriamanitra. Izy—tsy mety diso fotsiny Izy.

571 Rahalahy John, efa tsaratsara kokoa ve ny masonao, rahalahy? Tratry ny loza izy, fa nandentika fantsika iray ary nahavao ny masony izany. Ary nivavaka ho an-dRahalahy John O'Bannon izahay rehetra, ny rahalahintsika avy any Louisville izay tratry ny loza niaraka tamin'ilay fantsika izay nahavao ny masony.

572 Ankehitriny, ireto fanontaniana ireto dia ny—ny halalin'ny fon'ny olona iray; fa namaky nanerana ny Soratra izy ireo ka nahita an'ireto zavatra ireto, ary izy ireo tsy... tsy afaka manome fahafaham-po ny tenany izy ireo, noho izany dia

natolony eto izy ireo mba hiezahantsika ho valiana. Ary hitanareo hoe fahasarotana iray toy ny inona no apetrak'izany amintsika; satria, izay ho lazainareo, dia hiankina amin'izany izy ireo. Noho izany dia tsy maintsy manana antoka ianareo fa marina ianareo, ary izaho dia . . . manana antoka arak'izay maha-izy anareo. Koa noho izany, ny zavatra hahazoana antoka fa marina ianareo, dia ndao isika hangataka ny Fanahy Masina fotsiny ankehitriny handika an'ity ho antsika, raha manondrika ny lohantsika isika.

⁵⁷³ Ankehitriny, Ray any An-danitra, oh, tombontsoa iray toy ny inona ny milaza hoe “Ray” amin'ilay Mpamorona lehibe ny lanitra sy ny tany. Ary mangataka fotsiny izahay mba Handraisanao an'ireto fanontaniana ireto ao amin'ny Fiahiana Manokana ankehitriny. Natolotra eto izy ireo niaraka tamin'ny halalin'ny fahatsoram-po. Andriamanitra, aoka mba ho avy amin'ny fonay, ilay halalin'ny fahatsoram-po, no hamaliana azy ireo amin'ny tsara indrindra izay fantatray hoe ahoana; ekeo izany.

⁵⁷⁴ Ary enga anie ireo Famindramponao hitoetra eo amin'ny tsirairay avy. Ary enga anie hisy zavatra ho voalaza eto izao hariva izao izay hanampy fotsiny ny tsirairay izay eto. Ary rehefa miala izahay, aorian'ny vavaka ho an'ny marary sy mandray ny fandraisana sy ny sisa, dia enga anie izahay hilaza tahaka an'ireo izay avy tany Emaosy hoe, “Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fonsika raha niresaka tamintsika Izy teny an-dàlana?” Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

⁵⁷⁵ Ankehitriny, araka ny efa nolazaiko imbetsaka, fa ireto—ireto eto ireto dia—dia izay tsara indrindra amin'ny hevitra ny amin'izy ireo, ary noho izany matetika dia manangana adihevitra kely izany. Ny voalohany eto, dia hitako fa zavatra izay efa voalazako teo aloha ilay izy, izay natolotra indray. Izaho tsy . . . te-hamaky an'izany aho ankehitriny, raha sitrakareo.

65. Rehefa nanana an'ireo zanany i Adama sy Eva tao Edena, dia efa nisy olona hafa ve teto an-tany tamin'io fotoana io? Ao amin'ny Genesisy ny toka faha-5 ary ny andininy faha-16, dia nonina tany amin'ny tanin'i Noda i Kaina ka nahalala ny vadiny.

⁵⁷⁶ Ankehitriny, izany dia fa—fanontaniana mahafinaritra iray. Ankehitriny, isika dia nampianarina ao amin'ny Baiboly. . . Ary imbetsaka ireo. . . matetika isika dia manao ampahamaivanana. . . Nametraka teo amin'ny silan-taratasy iray aho taloha, ka nanao hoe, “Manontania. Valin'ny fanontaniana rehetra mikasika ny Baiboly.”

⁵⁷⁷ Dia hoy ny olona iray hoe, “Eny, iza no vadin'i Kaina?”

⁵⁷⁸ Oh, nanao vazivazy kely aho tamin'izay na tahaka an'izany, hoy aho hoe, “Oh, ny zanakavavin'ny renikeliny izany,” na

zavatra tahaka an'izany, fantatrarao, na—na “Izy no Rtoa. Kaina.” Saingy tsy mamaly an'ilay fanontaniana izany. Misy . . .

579 Nanana vady iray i Kaina tany, satria ny Baiboly no nilaza fa nanana izy. Ary raha nanana vady iray i Kaina, dia tsy maintsy ho naka azy tany ho any izy. Ary hilahatra avy hatrany ao anatin'izany ity eto:

Nisy olona hafa ve teto an-tany rehefa nanana an'ireo zanany i Adama sy Eva tao amin'ny sahan'i Edena?

580 Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, ao amin'ny Baiboly dia tena mahalana no mba voasoratra ny mikasika ny vehivavy iray izay nateraka. Ny zanakalahy foana no anankiray izay nosoratan'izy ireo ao amin'ny Baiboly, fa tsy ny vehivavy. Mahalana no mba ilazana ny fahaterahan'ny zazakely vavy iray, ao amin'ny Baiboly. Na, am-pahatsorana, dia tsy fantatro raha afaka mahatadidy anankiray aho izao ankehitriny izao, ao antsaiko, hoe aiza no mba nanoratana ny fahaterahan'ny zazakely iray; voalaza hoe, “Niteraka zanakalahy sy zanakavavy izy ireo.”

581 Ankehitriny, zanaka telo ihany no anaovan'ny Baiboly filazana fa naterak'i Adama sy Eva, ary izany dia Kaina, Abela, ary Seta. Ankehitriny, raha lehilahy ireo telo rehetra ireo, raha tsy nisy vavy nateraka mihitsy, ary raha maty ilay vavy tokana (Eva) tamin'izay fotoana izay, dia ho nitsahatra tsy nisy teo no ho eo ny taranak'olombelona, satria tsy ho nisy fomba ho azy ireo mba—mba hanana mihitsy . . . tsy maintsy hampaharita ny taranak'olombelona, satria tsy ho nisy vavy tavela. Eva irery ihany no ho anankiray nisy. Fa, hitanareo, izy ireo dia tsy milaza an'ireo—ireo fahaterahan'ny zazakely vavy, ao amin'ny Baiboly, koa noho izany dia tsy maintsy nanana zazavavy sy zazalahy izy ireo.

582 Ankehitriny, ilay mpanoratra fahiny, iray amin'ireo mpanoratra tranainy indrindra izay ananantsika, Josephus, dia manambara fa nanana zanaka fitopolo izy ireo, ary Adama sy Eva; iray amin'ireo mpanoratra tranainy indrindra, “zanaka fitopolo, ary izy ireo dia sady zanakalahy no zanakavavy.”

583 Ankehitriny, raha . . . Ary noho izany raha nandeha tany amin'ny tanin'i Noda i Kaina . . . Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, ilay mpanoratra dia tena, tena mpanoratra mampiratra eto. Efa voamarikareo ve hoe ahoana no nanononany an'izany?

Tao Edena, rehefa nanana an'ireo zanany izy ireo tao Edena . . . Ankehitriny, tsy tao amin'ny sahan'i Edena, fantatr'ilay mpanoratra izany. Na iza na iza no nanoratra an'ilay naoty eto, nanao hoe: **Rehefa nanana an'ireo zanany i Adama sy Eva tao Edena . . .**

584 Tsy tao amin'ny sahan'i Edena, satria voaroaka tao amin'ny sahan'i Edena izy ireo. Fa mbola tao Edena foana izy ireo, ary ny sahan'i Edena dia nipetraka tany atsinanana tao Edena. Fa Edena dia tahaka ny faritra iray na—na inona . . . na fanjakana

iray, ka noho izany i Noda dia fanjakana iray hafa na faritra eo akaikin'izany.

⁵⁸⁵ Ankehitriny, ny olona tokana izay azon'i Kaina nalaina, na novadiana, dia tsy maintsy ho ny anabaviny manokana. Tsy maintsy izy. Satria lahy iray sy vavy iray ihany no azon'izy ireo nihaviana, hitanareo, ka tsy maintsy nanambady ny anabaviny manokana izy. Ankehitriny, ara-dàlana izany tamin'ireo andro ireo.

⁵⁸⁶ Ary Isaka dia nanambady ny zanaky ny rahalahin-drainy iray rà, Rebeka, izay voalahatr'Andriamanitra. Saraha dia anabavin'i Abrahama, anabaviny iray rà; tsy avy tamin'ny reniny, fa avy tamin'ny rainy. Hitanareo, anabavy iray rà izay—izay novadian'i Abrahama; reny hafa iray, saingy iray ray.

⁵⁸⁷ Noho izany, hitanareo, ny manambady havana tamin'izany, talohan'ny—ny nampahalemy ny fikorian-drà teo amin'ny taranak'olombelona, dia ara-dalàna ary mety tsara. Ankehitriny dia tsy izany ilay izy. Raha manambady ny anabavinareo ianareo amin'izao andro izao, ka hanan-janaka, izy ireo dia mety ho . . . eny, ho sampona fotsiny sy ny sisa izy ireo. Na dia amin'ny zanaky ny rahalahin-drainy voalohany sy faharoa aza dia tsy tokony ho vadiana mihitsy, hitanareo, satria lasa malemy sy tonga malemy ilay fikorian-drà.

⁵⁸⁸ Fa ny zavatra tokana izay azon'i Kaina natao tamin'izany, dia ny, nanambady ny anabaviny manokana. Ary teo no nisy an'ireo zanaka izay. . . Naka ny vadiny izy, nandeha nankany amin'ny tanin'i Noda ary nahalala azy, ary avy teo no tonga ireo—ireo zanaka. Hitanareo, ny. . .

⁵⁸⁹ Ary raha mahamarika ianareo, dia avy tao amin'ny taranak'i Kaina no tonga ireo lehilahy manan-tsaina. Avy tamin'ny taranak'i Seta no tonga ireo lehilahy mpivavaka, ny tiako lazaina dia, ilay—ilay voaloboky ny fahamarinana. Eo mihitsy, ireo anankiroa ireo, no namokatra an'ilay tena taranaka izay iainantsika ankehitriny.

⁵⁹⁰ Raha hanamarika ianareo androany ankehitriny (eo ampamitana mihitsy an'ity fanontaniana ity): fa mbola misy foana io laharan-taranak'i Kaina io, ary mbola misy foana ny laharan-taranak'i Seta. Samy tonga tahaka an'izany fotsiny izy ireo. Eto Jeffersonville ireo zanak'i Kaina izao hariva izao, ary eto Jeffersonville ireo zanak'i Seta izao hariva izao. Satria malemy ilay fikorian-drà ka lasa, saingy mbola mifikitra foana io laharan-taranaka io.

⁵⁹¹ Ankehitriny, diniho. Ireo zanak'i Kaina isan'andro dia . . . ary talohan'ilay fandravàna talohan'ny safo-drano, dia olona nanan-tsaina izy ireo: ny siantifika, ireo mpanabe; ary tena mpivavaka, saingy izany ilay andiany voaheloka. Hitanareo? Diniho ankehitriny, nitovy tamin'i Kaina rainy mihitsy izy ireo. Kaina, lehilahy mpivavaka iray izy. Nanorina alitara iray tsara

tarehy izy, ary nanao fiangonana iray tsara tarehy, ka niezaka ny hanao an'izany ho tsara tarehy kokoa noho io misiona kely izay nananan'i Seta tany io. Efa fantatrareo ve izany? Azo antoka fa izy. . . Nandravaka an'ilay alitara tamin'ny voninkazo izy, ary nikarakara azy ho tsara tarehy, ka nanao azy ho tsara; ary nanao fiangonana iray lehibe, goavana, malalaka be, satria nihevitra izy fa afaka hahita fitia tamin'Andriamanitra tamin'ny fanaovana an'izany.

⁵⁹² Ary nandeha i Abela ka naka zanak'ondry kely iray, ary nanomboka nisintona azy nankeo amin'ny alitara, ka nametraka azy teo ambonin'ny vatolampy iray ary namono azy.

⁵⁹³ Ary ankehitriny, raha marina Andriamanitra, raha fanompoana ihany no Notakiany, Kaina dia nanompo an'Andriamanitra tamin'ny fahatsoram-po betsaka mihitsy tahaka an'i Abela. Samy tso-po izy roa ireo. Samy niezaka ny hahita fitia tamin'Andriamanitra izy roa ireo. Tsy nisy tsi-nahatoky na ny iray tamin'izy ireo aza. Izy roa dia, tanteraka tokoa, mpino an'i Jehovah. Ankehitriny, eo, manome antsika zavatra ho eritreretina izany.

⁵⁹⁴ Misy sasany eto izay tsy mbola hitako mihitsy izao hariva izao, ireo olona; tsy mbola nahita anareo mihitsy aho tany aloha. Fa tokony ho fantatrareo izao, ary hazòny ao an-tsainareo izao. Hitanareo? Tsy mampaninona na mpivavaka toy ny ahoana aza ianareo, tsy misy idiran'izany amin'io. Mety mipetraka ao ampiangonana ianareo, mety ho tena tso-po mihitsy ianareo, nefa mbola very foana! Hitanareo?

⁵⁹⁵ Dia hoy ianareo hoe, “Eny,” hoy ianareo, “ireo pasiteranay no manan-tsaina indrindra, nandalo tao amin'ireo seminera izy ireo mba hahazo an'ilay fampianarana tsara indrindra. Teolojiana izy ireo, fantatr'izy ireo ny—ny teolojia rehetra sy ny sisa. Ary manan-tsaina izy ireo, niofana, ireo tena. . . ilay tsara indrindra voafidy izay fantatray.” Fa mety mbola ho very foana izy ireo! Hitanareo?

⁵⁹⁶ Ankehitriny i Kaina, eo amin'ny taranany: izy ireo dia, ny tsirairay avy, tena mpivavaka; vahoaka iray tena malaza; ary siantifika izy ireo, sy dokotera, sy mpanorina, sy mpiasa, ary lehilahy manan-tsaina. Fa io laharan-taranaka rehetra io dia nolavina, nanomboka tamin'i Kaina sy ny midina rehetra.

⁵⁹⁷ Ary teo amin'ny lafiny an'i Abela: tsy mpanorina izy ireo na mpanabe na lehilahy nanan-tsaina; izy ireo dia, eo ho eo, manetry tena, karazana mpiompy ondry, ary tantsaha, izay nandeha araka ny Fanahy fotsiny.

⁵⁹⁸ Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, “Tsy misy fanamelohana ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy, izay tsy mandeha araka ny nofo fa araka ny Fanahy.” Ny olona ara-panahy dia manana aina ara-panahy iray izay tsy mety maty mihitsy. Ary ny olona ara-nofo dia manana hafanam-pivavahana iray manodidina azy (ary

te-hanompo sy ny sisa) saingy ara-nofy; tsy hoe tsi-mpino iray, fa mpino iray ara-nofy; ary izany ilay karazana izay nolavina.

⁵⁹⁹ Ankehitriny, nanomboka teo, dia lasa i Kaina ka nanambady ny vadiny tany amin'ny tanin'i Noda. Ankehitriny, ilay izy dia tsy nilaza hoe iza no novadian'i Seta, na iza no novadian'ireo hafa. Ary ilay tena zavatra tsara tarehy ny amin'izany dia ny mahafantatra fa—fa, nanambady i Kaina, manana ny valiny ho an'izany isika. Satria tsy maintsy nanambady ny anabaviny izy, fa raha tsy izany izy . . . fa raha tsy izany dia tsy ho nisy ny . . .

⁶⁰⁰ Tsy nisy vehivavy intsony teto an-tany, fa tsy maintsy avy tamin'i Eva fotsiny. Izy no renin'ny olombelona rehetra. Izany hoe, ny olona rehetra izay velona, dia izy no renin'izany. Izany no antony hoe izy dia . . . Ny teny hoe *Eva* dia midika hoe “ny renin'ny olombelona.” Noho izany dia tonga izy ary niteraka an'io zaza io. Ary nanambady ny anabaviny manokana i Kaina, izany no fomba tokana izay mety hahitako an'izany. Noho izany dia nisy olona velona tamin'izany andro izany, marina tokoa. Hitanareo? Eny, ary . . .

Rehefa nanana an'ireo zanany i Adama sy Eva tao Edena . . .
 Diniho ankehitriny, izany ilay fanontaniana: **Rehefa nanana an'ireo zanany izy ireo tao Edena, dia nisy olona hafa ve teto an-tany tamin'io fotoana io? Tsia! Avy eo ao amin'ny Genesisy 5:16, hitanareo, Kaina dia nonina tany amin'ny tanin'i Noda ka nahalala ny vadiny.** Azo antoka. Hitanareo?

⁶⁰¹ Izany dia ny Genesisy 1, izay Namoronany ny olona tamin'ny Endriny Manokana, izay tao amin'ilay teofania. Ary ao amin'ny Genesisy 2, dia nanao ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany Izy, dia ny olombelona izay ananantsika ankehitriny. Ary avy eo, ao amin'ny 3 dia ny fahalavoana, ka noroahina avy tao amin'ny sahan'i Edena; ary avy eo ireo zanaka dia niteraka zanaka. Ary naka ny vadiny i Kaina ka nonina niaraka taminy tao amin'ny tanin'i Noda, tany ivelany, satria nanasaraka azy niala tamin'ny fiombonana tamin'ny rahalahiny manokana Andriamanitra (nohon'ny fahafatesan'i—i Abela). Ary izany no nalainy, ny anabaviny manokana, ary nanambady azy; izany no fomba tokana izay ahafahako, ny tenako, ahafahako mahita hoe ahoana no—no nanambadiany.

⁶⁰² Ankehitriny, izao no voalaza . . . Ary manantena aho fa ny sakaizako mainty hoditra izay ato dia hamela an'ity fanamarihana ity, satria tena tsy marina tanteraka tokoa ilay izy. Ny fotoana voalohany hany nihaonako tamin'ny olona iray teo amin'ny fiainako, rehefa avy niova fo aho . . . Izaho dia . . . nihaona tamin-dRahalahy George DeArk sy izy ireo tany. Ary nandeha aho, ka nitarika ahy teo amin'ny toerana kely iray ny Tompo. Ary niady hevitra izy ireo hoe avy taiza no nihavian'ilay olona mainty hoditra. Ary niezaka izy ireo nilaza fa ny olona mainty hoditra . . . Hoe Kaina dia nanambady biby iray mitovy

amin'ny jako iray, ary avy teo no nivoahan'ny taranaka mainty hoditra. Ankehitriny, diso izany! Tanteraka tokoa, diso izany! Ary aza manohana an'izany mihitsy. Satria tsy nisy ny mainty hoditra na fotsy, na hafa sasany, taranak'olona anankiray fotsiny no nisy hatramin'ny safo-drano. Avy eo taorian'ny safo-drano sy ny tilikambon'i Babela, rehefa nanomboka niparitaka izy ireo, dia tamin'izany no nahazoan'izy ireo ny lokony sy ny sisa. Avy tamin'ilay hazo iray ihany izy rehetra. Tena marina tokoa izany. Adama sy Eva no ray sy reny, teto an-tany, an'ny zavamanan'aina rehetra avy amin'ny olombelona izay hany nisy teto an-tany. Marina izany. Mainty, fotsy, hatsatra, volontany, mavo, na mety ho inona ny lokonareo, dia izany tanteraka tokoa no toerana izay itoeranareo, ary ny fomba izay—izay ny . . . Mitovy fotsiny . . .

⁶⁰³ Heveriko fa mety haneho an'ity aho raha mbola eo amin'izany. Ny olona eto ankehitriny dia ao anatin'ny fanavakavahana sy lalàna sy ny sisa izay andalovan'izy ireo, heveriko fa mahatsikaiky izany. Tena mahatsikaiky ahy tokoa. Henoy, avelao hipetraka tsara fotsiny ireo olona ireo, fantany izay ilainy. Andriamanitra no nanao olona iray ho olona mainty hoditra, ary faly izy mikasika an'izany. Tanteraka tokoa! Raha nanao ahy ho olona mainty hoditra iray Andriamanitra, dia ho faly aho mikasika an'izany; raha nanao ahy ho olona volontany iray Izy, dia ho faly aho; raha nanao ahy ho olona fotsy iray Izy, dia ho faly aho; raha nanao ahy ho olona mavo iray Izy, dia ho faly aho. Andriamanitra no nanao antsika ao amin'ny lokontsika, ary Izy no nanao antsika arak'izay Nilàny antsika, ary Zanany isika rehetra. Tanteraka tokoa! Ary tsy tokony hifamaly sy hanohy tahaka an'izany izy ireo. Ratsy ny manao an'izany. Tsy tokony hanao an'izany izy ireo. Andriamanitra no nanao antsika . . . arak'izay ilantsika azy.

⁶⁰⁴ Ary ilay olona mainty hoditra, tsy te-hivoaka eo izy ka hanimba ny—ny taranany na ny lokony, ka hampifangaro an'izany amin'ny fotsy sy ny sisa tahaka an'izany. Tsy manome tsiny azy aho. Tsy manome tsiny aho. Ilay olona mainty hoditra dia manana zavatra izay tsy ananan'ilay olona fotsy akory mihitsy aza. Tanteraka tokoa! Tena marina tokoa izany. Ary tsy nikasa azy ireo ho tahaka an'izany mihitsy Andriamanitra.

⁶⁰⁵ Eny, jereo. Ilay olona mainty hoditra dia . . . izy dia—izy dia ny . . . izy dia manana ny—manana toe-panahy mikasika azy izay tsy ananan'ilay olona fotsy mihitsy izy. Izy dia manana ny fanekena am-pifaliana an'izay mitranga rehetra, ny “matokia an'Andriamanitra, ka avelao handeha fotsiny ny sisa amin'izany”; na azony ilay izy na tsy azony, dia faly izy na ahoana na ahoana. Tiako ny hanana iray manontolo an'izany, izao hariva izao, azoko antoka fa ho tiako. Eny, manana an'izany izy, ary fananany izany; tsy te-hampifangaro an'izany amin'ny

taranaka hafa iray izy ka hanimba an'izany, mihitsy koa. Tena marina tokoa izany.

606 Heveriko fa ilay ramatoa tany Shreveport tany no nanao ny fanamarihana tsara indrindra—tsara indrindra izay hany reko teo amin'ny fiainako. Nanao fanamarihana iray izy, ka napetrak'izy ireo tao amin'ny gazety izany. Nanatona izy, hoy izy hoe, “Araka ny fomba izay isehoan'ireo zavatra ireo eto, ao amin'ity fanavakavahana ity, dia tsy tiako handeha any amin'io sekolin'ny fotsy io ireo zanako.” Hoy izy, “Tsy hanana fifantohana izay tokony hananany izy ireo raha manana mpampianatra mainty hoditra iray.” Vehivavy manantsaina iray io vehivavy io. Fantany izay resahany, manana fampianarana iray tsaratsara kokoa izy ireo. Tena marina tokoa izany. Noho izany dia heveriko fa manao ratsy ireo olona amin'ny fanaovana an'izany.

607 Ary avy eo dia hoy izy ireo hoe, “Kaina sy Abela...” sy ny sisa tahaka an'izany. Tsia, tompoko! Tsy misy idiran'ny loko amin'izany. Ilay fanahy ao anaty no manana zavatra atao amin'izany. Tena marina tokoa izany.

608 Noho izany dia nahalala ny vadiny i Kaina, ary anabaviny izany. Ary izy ireo... nitondra azy nankany amin'ny tanin'i Noda izy, ary tao no nivoahan'ireo foko malaza an'ny tany: ireo mpanaraka fivavahana sy mpivavaka.

609 Ary eritrereto fotsiny androany, ry sakaiza, mijanona fotsiny ka eritrereto vetivety fotsiny. Fa misy an'aliny sy an'aliny ary an'arivorivony, an'ireo olona mpandeha any am-piangonana tanteraka tokoa, no tena tso-po sy manokan-tena ho an'io fiangonana io arak'izay maha-izy azy ireo, izay very lavitra mihitsy tahaka an'i Kaina. Hitanareo? Andriamanitra No misafidy! Andriamanitra No mifidy! Hitanareo? Andriamanitra No manome famindrampo! Tsy afaka milaza amin'ny mpanefy ilay tanimanga, ny mpanefy no mifehy an'ilay tanimanga. Marina izany.

610 Ankehitriny dia ity ny anankiray tsara tarehy, ilay anankiray manaraka eto:

Ao amin'ny Petera Faharoa 2:4—2:4 . . .

611 Raha misy olona manana Baiboly iray, ka te-hamadika ao amin'ireo soratra ireo haingana mihitsy raha mamaky azy ireo aho, raha tianareo. Ary hanampy ahy kely eto, raha mamaly an'ity fanontaniana ity isika.

612 Ankehitriny, mikasika an'io Kaina io sy—sy ny sisa, raha tsy mahafa-po ilay izy ankehitriny, dia ampahafantaro anay fotsiny izany. Ho faly izahay . . .

613 Ankehitriny Petera Faharoa 2:4. Eny àry, tompoko, eto isika izao:

66. Petera Faharoa 2:4, “Fa raha Andriamanitra no...Fa raha tsy navelan’Andriamanitra ireo anjely izay nanota, fa noroahiny ho any amin’ny helo izy ireo,” koa nahoana àry Kristy no nitory teny tamin’ireo fanahy tao an-tranomaizina, ao amin’ny Petera Voalohany 3:19?

614 Ankehitriny, dia maka ny Petera 2:4 isika, aloha. Eny àry:

Fa raha tsy navelan’Andriamanitra ireo anjely izay nanota, fa noroahiny ho any—any amin’ny helo izy ireo, ka—ka natolony ho ao amin’ny gadran’ny fahamaizinana izy ireo, mba hotehirizina ho amin’ny fitsarana;

615 Ankehitriny, ndao isika hijery ao amin’ny Petera Voalohany ankehitriny (izany no Petera Faharoa), Petera Voalohany 3:19, henoy ity. Eto isika izao, eto mihitsy. Vao tonga mihitsy izy ireto, izany no antony tsy nahavoasoratro azy ireo.

...izay ihany koa...nandeha ka nitory teny tamin’ireo fanahy tao an-tranomaizina;

616 Oh, eny, eto isika izao. Ndao isika hanomboka aloha kelin’io, ny andininy faha-18:

Fa Kristy koa aza...dia efa nijaly indray mandeha nohon’ny fahotana, ny marina ho an’ny tsi-marina, mba ahafahany hitondra antsika ho amin’Andriamanitra, ka novonoina tamin’ny nofo, fa novelomina tamin’ny Fanahy:

Izay Nandehany ihany koa sy nitoriany teny tamin’ireo fanahy tao an-tranomaizina;

Dia izay tsy nankatò fahiny,...

617 Ry sakaiza malalako, raha namaky fotsiny an’ilay andininy manaraka ianareo, dia eo Izy no nanazava an’izany. Hitanareo?

Dia izay tsy nankatò fahiny, fony niandry ny fahari-pon’Andriamanitra tamin’ny andron’i Noa, raha mbola namboarina ny sambofiara, izay nisy vitsy, izany hoe, fanahy valo no novonjena tamin’ny rano. (Hitanareo?)

618 Ankehitriny, raha hanamarika ianareo eto, heveriko fa manana iray hafa ity mpitory teny ity eo amin’ny...zavatra iray eo amin’ilay laharana iray ihany, izay ho valiana aoriana kely.

619 Petera Voalohany 4...na 2:4, raha manamarika ianareo, “fa raha tsy navelan’Andriamanitra ireo anjely,” ahoana no fanoratana an’ilay *anjely*? “a” kely. Hitanareo? Ankehitriny, ny eto, “ireo fanahy izay tao an-tranomaizina izay tsy nibebaka tamin’ny fahari-po tamin’ny andron’i Noa,” ireo anjely iray ihany. Lehilahy izany: ireo iraka, mpitory teny; “tsy namela an’ireo anjely.” Efa fantatrareo ve fa ny...ny teny hoe *anjely* dia avy amin’ny teny hoe “iraka iray”? Firy no mahafantatra fa ny

anjely dia “iraka”? Tanteraka tokoa, anjely dia iraka iray, “ary tsy Navelany ireo anjely.” Hitanareo?

⁶²⁰ Ary eto amin’ny Hebreo, tsaroanareo ve fa efa nandalovantsika izany herinandro vitsy lasa izay, “ireo anjely”?

⁶²¹ Ary ao amin’ny He- . . . ao amin’ny Apokalypsy, “Ho amin’ny anjelin’ny fiangonan’i Sardisy soraty ireto zavatra ireto. Ho amin’ny anjelin’ny fiangonan’i Efesosy soraty ireto zavatra ireto. Ho amin’ny anjelin’ny fiangonana . . .” Tsaroanareo ve izany? Ary nikaroka an’ily teny hoe *anjely* isika, ary avy tao amin’ny diksionera, ka nahita fa izany dia midika hoe “iraka iray.” Izany dia mety ho “iraka iray eto an-tany, iraka ivelan’ny voajanahary iray,” ny teny hoe *anjely*.

⁶²² Noho izany ao amin’io toerana io, raha haka ny leksika isika ka hikaroka an’izany, dia ho hitanareo fa izany dia manomboka amin’ny “ireo iraka, ireo iraka voalohany.” Hitanareo, “Raha ny . . . Raha tsy navelany . . . Fa raha tsy navelan’Andriamanitra ireo anjely izay nanota,” (Hitanareo?) “sy ireo vatana ivelan’ny voajanahary,” (Hitanareo?) “rehefa avy niandry . . .”

Diniho ankehitriny, hoy izy hoe:

. . . raha . . . tsy namela an’ireo anjely izay nanota, fa noroahiny ho any amin’ny helo izy ireo, ka natolony ho ao amin’ny gadran’ny fahamaizinana izy ireo, mba ho tehirizina ho amin’ny fitsarana;

⁶²³ Avy eo dia jereo indray eto ao amin’ny Petera Voalohany, 3:19, diniho hoe ahoana no vakin’ity ankehitriny:

Fa izay nandehanany ihany koa sy nitoriany teny tamin’ireo fanahy tao an-tranomaizina;

Izay tsy nankatò fahiny, fony niandry ny fahari-pon’Andriamanitra tamin’ny andron’i Noa, . . . (hitanareo, izany dia ireo iraka tamin’io andro io, ireo iraka) . . . raha mbola namboarina ny sambofiara, izay nisy . . . izany hoe, fanahy valo no novonjena tamin’ny rano.

⁶²⁴ Ankehitriny raha hanamarika ianareo rehefa tany Andanitra ireo vatana ireo. Ankehitriny, any amin’ny Apokalypsy 11 . . . na ny toko faha-7, mino aho . . . na tsia, tsia, ny toko faha-12 ilay izy. Izy dia manome sary iray an’ily vehivavy izay nitsangana; ny volana teo amin’ny lohany ary ny masoandro . . . na, ny masoandro teo amin’ny lohany ary ny volana teo ambanin’ny tongony. Ary nitsangana ilay dragona mena mba handrapaka an’ily Zaza vantany vao teraka Izy, ary nalainy ny rambony ka nosintoniny ny ampahatelon’ireo kintan’ny Lanitra ary natsipiny tety an-tany izy ireo. Efa voamarikareo ve izany? Ankehitriny, izany dia tsy midika fa Satana dia manana rambo lava iray izay nafaraingony tamin’ny olona, fa “ilay

angano izay *tantarainy*,” ary nosintoniny ny ampahatelon’ireo kintana ireo. Ireo kintana ireo dia taranak’i Abrahama.

625 Hoy i Abrahama hoe, “Oh . . .”

626 Niteny tamin’i Abrahama Andriamanitra hoe, “Miandrandrà mankany amin’ny lanitra, ka isao ireo kintana raha vitanao.”

627 Hoy izy hoe, “Tsy afaka manao an’izany aho.”

628 Hoy Izy hoe, “Tsy hahavita manisa ny taranakao koa ianao,” ireo kintana.

629 Iza ilay Kintan’ny Maraina sy mampiratra? Jesosy avy any Nazareta, ilay mampiratra indrindra izay hany velona tao anatin’ny nofon’olombelona. Izy no Kintan’ny Maraina sy mampiratra. Ary Izy no Taranak’i Abrahama, tonga tamin’ny alàlan’i Isaka. Ary isika, satria maty ao amin’i Kristy, dia lasa Taranak’i Abrahama ary mpandova araka ny teny fikasana.

630 Noho izany ireo kintan’ny lanitra dia naneho an’ireo fanahin’ny olona eto. Ary rehefa ilay dragona mena (Roma, teo ambanin’ny fanenjehany) no nisambotra an’ireo roa ampahatelon’ny . . . na ny ampahatelon’ireo kintana, ka nanipy azy ireo, izany dia tamin’ny fanohomboana an’i Jesosy Tompontsika rehefa nandà Azy izy ireo ary Izy dia . . . ary nandroaka Azy ka tsy nanana na inona na inona natao Taminy; teo no nisy an’io ampahatelon’ireo kintana anjely io, ireo vatana anjely.

631 Hitanareo, ao amin’ny vatanareo, ao anatinareo . . . (manana fanontaniana iray hafa isika eo amin’izany, avy hatrany, mba hamaliana an’izany tsaratsara kokoa). Noho izany rehefa . . . Ao anatinareo dia misy fanahy iray, olona iray hafa. Ny ivelanareo dia olona anankiray, ny ao anatinareo dia olona iray hafa. Noho izany ny ao anatinareo dia ilay ivelan’ny voajanahary, ny ivelanareo dia ilay ara-batana. Hitanareo? Ary ity vatana ity, raha tarihin’ny Fanahy ianareo, amin’ny alàlan’Andriamanitra, dia lasa irak’Andriamanitra iray ianareo, na anjely iray. *Irak’Andriamanitra, anjelin’Andriamanitra*, dia teny iray ihany mihitsy; tsy azo sarahina izany: irak’Andriamanitra, na, anjelin’Andriamanitra.

632 Ary iza no manana ny fahefana lehibe indrindra? Anjely iray avy any An-danitra sa anjely iray eo amin’ny polipitra? Iza no manana an’izany? Ilay anjely eo amin’ny polipitra! Hoy i Paoly hoe, “Raha misy Anjely iray avy any An-danitra tonga ka mitory filazantsara hafa aminareo noho ity efa notoriako ity, dia aoka izy ho voaozona.” Noho izany ilay anjely voahosotry ny Fanahy Masina sy ny Teny no mitsangana eo akaikin’Andriamanitra. Marina izany. Any An-danitra, ny fahefany . . .

633 “Ny fahefana rehetra any An-danitra sy eto an-tany dia nomena eto an-Tanako. Mandehana, fa handeha hiaraka

aminareo Aho. Na inona na inona fatoranareo eto an-tany, dia Hofatorako any An-danitra. Na inona vahanareo eto an-tany, dia Hovahako any An-danitra.”

⁶³⁴ Oh, raha mba mahalala ny fahefany hanao an’ireo zavatra ireo fotsiny mantsy ilay Fiangonana masina lehibe. Saingy misy fisalasalana betsaka sy tahotra ary fangovitana eo, manontany raha hisy izany, “Mety hitranga ve izany?” Raha mbola misy foana izany, dia tsy afaka hijoro tsara mihitsy ilay Fiangonana. Ary rehefa manjavona ny resaka tahotra rehetra ka ny Fanahy Masina no ao amin’ny fifehezana manontolo an’ily Fiangonana, amin’izay fotoana izay dia lasa ireo tahotra, ary manana ny fahefana io Fiangonana io. Hitanareo? Nahoana, manana ny zavatra rehetra izay ananan’ny Lanitra izy ireo aorian’izy ireo. Ambasadaoron’ny Seza fiandrianana izy ireo. Tanteraka tokoa! Ny ambasadaoron’i Kristy iray dia manana ny fahefana, ary ny zavatra rehetra izay ananan’i Kristy dia an’io ambasadaoro io. Ary hoy Izy hoe, “Mandehana ianareo any amin’izao tontolo rehetra izao, ianareo no Vavolombeloko rehefa tonga eo aminareo ny Fanahy Masina.” Ary inona ny vavolombelona iray? Ambasadaoro iray izany; tsy maintsy tonga izy ka mijoro vavolombelona amin’ny zavatra iray. Ireo fahefan’ny Lanitra manontolo dia eo an-tananareo mihitsy! Oh, nahoana isika no mipetraka? Ary momba ilay fiangonana, nefa isika mipetraka renoka. Izany dia satria tsy mahalala an’ireo zavatra ireo isika.

⁶³⁵ Ankehitriny, ireo aina izay tao an-tranomaizina (izay tsy nibekaka), dia tsy vatana Anjely izay efa—efa nidina tao amin’ny endrika Anjely, fa izany dia ireo fanahin’ireo vatana anjely izay lavo talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, tany aoriana tany rehefa nandeha ilay ady tany An-danitra. Ary Satana sy—sy ilay dragona dia niady, ary avy eo...na Mikaela sy—sy ilay—ilay dragona dia niady (sy Losifera). Ary Losifera dia noroahina niaraka tamin’ireo zanany rehetra (ireo anjely rehetra izay nofitahiny), ary tonga teto an-tany ireo anjely ireo ka natao ho lasa olombelona avy eo. Ary rehefa nanao izy ireo, dia tamin’izany ilay hoe “hitan’ireo zanakalahin’Andriamanitra fa tsara tarehy ireo zanakavavin’ny olona, ka nalainy ho vady izy ireo.”

⁶³⁶ Zanakalahin’Andriamanitra izy ireo. Ny lehilahy rehetra izay nateraka teto amin’ity tany ity dia zanakalahin’Andriamanitra. Tsy mampaninona na mpanota izy na inona izy, zanakalahin’Andriamanitra izy. Noforonina araka ny endrik’Andriamanitra ho an’ny fiderana an’Andriamanitra, tahaka an’izany no namoronana azy. Fa Andriamanitra tany amin’ny voalohany dia efa nahafantatra hoe iza no handray Azy ary iza no tsy handray Azy. Noho izany dia afaka nifidy mialoha Izy, na, tsy nifidy mialoha, fa nohon’ny fahalalana mialoha dia afaka niteny Izy hoe iza no ho voavonjy ary iza no

tsy ho voavonjy, satria Fantany hoe olona iza no handray fanahy inona.

637 Ary ireo fanahy izay avy teo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra ireo, sy mitsangana eo anoloan'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, ary velona... ary fotoana lavitrisa sy lavitrisa tsy voarefy talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao, teo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, mihevitra ve ianareo fa tsy mahafantatra zavatra iray mikasika ny fanompoana izy ireo? Ary nidina izy ireo ka niditra avy hatrany tao anatin'ny olona, ary manompo an'Andriamanitra izy ireo! Tanteraka tokoa, manompo an'Andriamanitra izy ireo; ary manana fahalalana an'Andriamanitra izy ireo, sy manan-tsaina, sy lalin-tsaina, ary nampianarina, isan'andro. Saingy Andriamanitra dia efa nandà azy ireo hatrany amin'ny voalohany!

638 Koa noho izany, ry sakaiza, ny maha-mpikambana amin'ny fiangonana iray, na—na ny fahalalana teolojia iray na tahaka an'izany, dia tsy misy idiran'io amin'Izany. Tsy maintsy ny Ràn'i Jesosy Kristy sy fahateraham-baovao iray no mampikambana anareo Aminy ho olona anankiray. Eo ianareo izao.

639 Andriamanitra, tany amin'ny voalohany rehefa Fantany fa... Ireo lehilahy sy vehivavy dia natao anankiray, fa tsy roa, natao anankiray izy ireo. Nosarahina izy ireo, ny anankiray natao tao anatin'ny nofo ary ny anankiray natao tao anatin'ny teofania iray. Fantany izany. Noho izany mba hanaporofoina an'izany aminareo: rehefa nanao ny vehivavy Andriamanitra, dia tsy naka vovoka iray mihitsy Izy ka nanamboatra azy tahaka ny Nanaovany ny lehilahy; Nesoriny ny taolana iray avy tao amin'ny tehezan'i Adama, ary lasa vokatra notsoahina iray avy tamin'ny lehilahy iray izy (satria ampahany izy). Azonareo ve Izany ankehitriny? Hitanareo? Eo ianareo izao.

640 Izany ireo anjely. Ary Andriamanitra sy ilay fanahy izay nikambana tamin'Andriamanitra dia Fanahy anankiray. Marina izany. Ankehitriny, ilay Fanahin'Andriamanitra izay monina ao amin'ny Fiangonana, dia ilay Fanahy izay tonga avy tany Andanitra, izay efa fantatr'Andriamanitra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, izay nandà ny laingan'ny devoly. Ary io fanahy io dia tsy maintsy naka vatan'ny nofo iray mba ho... mba hahazo ny fitsapany. Tsy maintsy tonga nofo Izy tahaka an'ireo hafa, ary izy rehetra dia napetraka teo amin'ny zioga mitovy. Ary Andriamanitra, hatrany amin'ny voalohany, dia nahafantatra an'ireo fanahy izay hanaiky, sy izay tsy hanaiky. Eo ianareo izao. Io devoly io dia tena mahay ka hamitaka fotsiny an'ilay tena voafidy izy, raha azo atao.

641 Noho izany ireo fanahy ireo, ireo anjely izay nitovy teny ireo, dia tao an-tranomaizina; *anjely*, raha hanamarika an'izany ianareo eto, ilay izy dia “a” kely izay midika hoe “olona”; anjely,

iraka eto an-tany eto. Nanota izy ireo, ary ny fomba tokana izay nahafahan'izy ireo nanota dia ny tsy mino! Ary ny fomba... Nanana ny fivavahany manokana izy ireo, ka tsy nino ny hafatr'i Noa. Tsy nino ny hafatr'i Enoka izy ireo. Ary nandà ny Hafany hoe, “dia voaheloka,” ny Baiboly no nilaza fa izany izy ireo.

642 Naminany teo amin'izy ireo i Enoka, nanao hoe, “Ho avy miaraka amin'ny Masiny an'aliny ny Tompo.”

643 Dia naminany izy ireo. Ary nanorina sambofiara iray i Noa, ka hoy izy ireo hoe, “Holy-roller iray izy! Fanatika iray izy! Tsy misy izany karazana orana ho avy izany.” Dia lasa ny roapolo amby zato taona, ary nanana fivavahana iray izy izay nisy ny famonjena tao anatiny, tao no nanamboarana làlana fandosirana iray, saingy afa-po izy ireo tao amin'ny toerany.

644 Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao, hoe afa-po ao amin'ny toerany ny olona. Saingy misy làlana fandosirana iray, ary io làlana io dia amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Amena. Eo ianareo izao: ilay foko iray ihany, ireo fanahy iray ihany.

645 Ary tena lehilahy mpivavaka tanteraka tokoa izy ireo, tena mpivavaka, saingy diso an'ilay voadim-panekena.

646 Toy izany koa amin'izao andro izao. Mandeha any ampiangonana ny olona, ary mikambana amin'ireo fiangonana goavana, ka miezaka ny ho olona malaza indrindra ao amin'ny tanàna. Raha te-hikambana amin'ny fiangonana iray izy ireo, dia mifidy an'ilay goavana indrindra ao amin'ny tanàna, ilay tsara indrindra sy voahaja tsara ao amin'ny tanàna. Lavitra toy ny ahoana no mahadiso azy ireo an'ilay antso! Lavitra toy ny ahoana no mahadiso azy ireo an'Izany!

647 Ny fomba tokana hany hahafantaranareo an'i Jesosy Kristy dia amin'ny alàlan'ny fanambarana ara-panahy, fa tsy amin'ny alàlan'ny teolojia sy hoe impiry no ianaranareo ny Baiboly. Na Siansa Kristiana ianareo, Metodista, Vavolombelon'i Jehovah, na inona ianareo; tsy mampaninona izay maha-izy anareo, tsy hahafantatra an'Izany amin'ny alàlan'ny Teny mihitsy ianareo, ny Fanahin'Andriamanitra no manambara Azy aminareo. Fanambarana ara-panahy iray izany!

648 Rehefa i Adama, tao amin'ny sahan'i Edena, sy Eva, rehefa voaroaka ireo zanaka ireo, dia indro tonga i Kaina niaraka tamin'ny teolojia tsara. Hoy izy hoe, “Tokony ho fantatr'Andriamanitra fa izahay dia manao an'izao avy amin'ny tsara indrindra—tsara indrindra avy amin'ny foko. Hanorina alitara tsara tarehy iray aho, hasiako voninkazo eo amboniny, hasiako voankazo eo amboniny, hataoko tsara tarehy izy. Azo antoka fa afaka mampitony an'Andriamanitra miaraka amin'ity aho ka hampahafantatra Azy fa tso-po aho ao ampoko.” Marina izy raha araka ny Teny; nila fanompoana Andriamanitra, nandeha nanompo izy. Nanao toerana tsara tarehy iray hanompoana izy, katedraly lehibe, tsara (araka

ny iantsoan'izy ireo azy amin'izao andro izao). Ary nataony tsara izany, naoriny tsara izany ary nametraka alitara iray tao anatin'izany izy; tsy tsi-mahatoky iray izy.

⁶⁴⁹ Fa i Abela, teo amin'ny Tenin'Andriamanitra...Tsy nisy Baiboly voasoratra tamin'izany, fa Andriamanitra no *nanambara* taminy fa tsy voankazo no namoaka antsika tao amin'ny sahan'i Edena, tsy paoma no nohanin'i Adama sy Eva, ireo zavatra ara-pananahana tanteraka tokoa no nanasaraka azy ireo sy nampizara azy ireo. Ary eo am-pahafantarana fa lasa mety maty izy ireo, ka tamin'ny alàlan'ny rà'n'i Adama, sy tamin'ny alàlan'ny rà'n'ny menarana no nanombohan'io, Abela, tamin'ny alàlan'ny fanambarana Masina, dia nandeha ary naka zanak'ondry iray ka nanolotra an'izany. Ary hoy Andriamanitra hoe, "Izao no Izy!" Azo antoka.

⁶⁵⁰ Rehefa nidina avy teny amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy izy ireo, dia hoy Jesosy hoe, "Ataon'ny olona ho Iza moa Aho ilay Zanak'olona?"

⁶⁵¹ "Ny sasany milaza fa Ianao no 'Mosesy,' ary ny sasany milaza fa Ianao no 'Elias,' ary ny sasany milaza fa Ianao no 'Jeremia,' ary ny sasany milaza fa Ianao no 'ilay Mpaminany.'"

⁶⁵² Hoy Izy hoe, "Fa ataonareo ho Iza kosa Aho?"

⁶⁵³ Hoy i Petera hoe, "Ianao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra Velona."

⁶⁵⁴ Hoy Izy hoe, "Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona, fa tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao." (Diniho!) "Tsy tamin'ny alàlan'ny taratasy intsony, tsy tamin'ny alàlan'ny sekoly intsony; tsy nianatra an'izany tao amin'ny semina iray mihitsy ianao, na nisy olona iray koa niteny taminao. Tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao, fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an'izany taminao. Ary eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ka ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy." Eo ianareo izao. Io ilay Fiangonan'Andriamanitra velona. Izay ilay izy. Eo ambonin'io fiangonana io...Eo ambonin'io *fanambarana* io, no miorina ity Fiangonana ity. Fanambarana Masina iray no nanambaran'Andriamanitra, fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary nanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana ianareo, efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana ianareo.

⁶⁵⁵ Ary ny Fanahy Masina no mihetsika sy miasa ao amin'ireo mambran'io Vatana io. Io ilay Fiangonana! Tsy mampaninona na mahantra izy, ary ao amin'ny misiona iray, ka mitsangana eo ambanin'ny hazo kesika iray ianareo any ho any, na aiza na aiza ilay izy, raha ao an-tranon'ny olona iray izany ao amin'ny fivoriana manokana iray, tsy mampaninona na mety ho aiza izany. Tsy mahababo an'Andriamanitra ny hatsarana sy ny sisa. Ilay izy dia ny fahatsoran'ny fo amin'ny alàlan'ny fanambarana

iray hoe Jesosy Kristy dia voaseho ho ny Zanak'Andriamanitra, ny Mpanonjintsika manokana. Amena!

656 Oadray, isika . . . tsy ho vitanareo mihitsy ireto, raha handeha tahaka an'izany, sa tsy izany?

657 Io ireo izay . . . izay Nandehany; ireo anjely: ireo iraka, ireo mpitory teny ireo, ireo mahay ireo, ireo iraka izay tsy nino ireo rehefa nandeha nitory teny tamin'izy ireo i Noa ka niteny tamin'izy ireo hoe, “Nahoana, midira ao anatin'ity sambofiara ity.”

658 Hoy izy ireo hoe, “Henoy io holy-roller io. Henoy io fanatika io. Nahoana, tsy misy ny orana. Iza no mba efa nandre zavatra tahaka an'izany? Nahoana, oadray, tsy manana fiangonana ve izahay? Tsy mpivavaka ve izahay?” Nahoana, mpivavaka izy ireo!

659 Nilaza Jesosy fa io taranaka izay nandalo tamin'izany fotoana izany io mihitsy, no ho taranaka hiverina indray mialohan'Ny Fihaviany mihitsy, “Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona. Fa nihinana izy ireo, nisotro, nanambady, ary navoaka hanambady.” Nanana Reno iray izy ireo, Nevada tamin'izany, tany ho any. Nanana an'ireo karazana hadalana rehetra izay ananany amin'izao andro izao izy ireo; mitangorona, sy misangiangy, sy maneso, mpamingavinga sy ny sisa; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà an'ilay tena Fahamarinana: ilay fanekena, ilay Hafatry ny fahasoavana. Manao ny Lâlany Andriamanitra, ary manome ho an'ny olona Ny—Ny fanekeny, hoe ahoana no ahafahan'izy ireo handositra; nanana ny famonjena Izany tao anatiny, ny famonjena no toerana iray handosirana.

660 “Inona no ilantsika famonjena?” Hoy ny olona amin'izao andro izao hoe, “Tsy miaina eo ambanin'ny endrika demokratika tsaran'ny governemanta ve isika? Inona no ilaintsika?”

661 Tsy ahoako na endrika demokratikan'ny governemanta firy no iainantsika, mila ny Ràn'i Jesosy Kristy isika. Marina! Mila an'i Kristy isika. Mankasitraka ny endrika demokratikan'ny governemanta aho; izany tsy misy, idirany amin'ny famonjena ny fanahy. Tanteraka tokoa! Handalo ireo governemanta ireo, ary handalo ny firenena tsirairay. Ary izaho efa nitsangana teo akaikin'ny . . . izay nitsanganan'ireo farao, ary tsy maintsy mangady roapolo dian-tongotra any ambanin'ny tany ianareo mba hahita an'izay nipetrahan'ny seza fiandrianan'izy ireo. Ireo farao rehetra sy ny fanjakany teto amin'ity tany ity, ary ireo zavany mandalo rehetra dia ho levona sy ho lasa, fa Jehovah no hanjaka mandrakizay, satria Izy no Andriamanitra tsy mety maty. Eo amin'i Kristy Jesosy Vatolampy no ijoroantsika mafy, fa ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

662 Tsy maninona ilay izy raha... hitsangana ireo fanjakana ka ho levona, fa oh, tsy misy na inona na inona... tsy ahoako ilay izy raha... ny zavatra rehetra; tsy misy na inona na inona ankehitriny, na inona na inona ho avy, na inona na inona (hanoanana na loza na ny zavatra rehetra) dia tsy afaka mba hampisaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy. Rehefa nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ny olona iray, dia tsy famoronan'ny fotoana intsony izy, fa famoronan'ny Mandrakizay. Amena. Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy. Efa tafafindra avy amin'ny... Efa nandalo tao amin'ny singan'ny fotoana izy, ho amin'ny Mandrakizay. Tsy mety ho levona mihitsy izy! Ary Andriamanitra efa nianiana fa Izy no hanangana azy amin'ny andro farany.

663 Noho izany dia afaka mahazo an'ireo fiangonanareo goavana rehetra izy ireo, sy ireo fotoanareo goavana rehetra, sy izay rehetra irianareo, ary miteny an'ireo vazivazinareo maloto sy manana an'ireo lalaonareo Lôtô, sy ireo lasopy sakafo hariva sy ny zavatra hafa rehetra izay tianareo; ary manana mpitory teny nampianarina iray mitsangana eo. Angamba afaka manao asa iray tsaratsara kokoa amin'izany izy noho ny sasany amin'ireo zazalahy antitra kely zara raha mahafantatra ny ABD-ny. Fa miteny aminareo ny fahamarinana aho, aleoko manana zazalahy iray izay tsy mahafantatra ny ABD-ny mitory teny amiko (izay nahafantatra an'i Kristy) toy izay ireo teolojiana malaza rehetra izay misy miaraka amin'ireo fianaranareo izay azo eritretina. Tanteraka tokoa!

664 Teto tany Kentucky, vao tsy ela akory izay, nisy zazalahy iray izay tsy afaka namaky ny anarany manokana akory aza, nilaza fa ny Tompo no niantso azy hitory teny ary nila trano fianarana iray izy. Nahoana, tsy namela azy hahazo an'izany ireo manam-pahefana. Nandalo teo ny mpitory teny goavana be iray niaraka tamin'ny fanalavana teo amin'ny anarany tahaka an'izao, mpampianatra malaza iray momba an'Andriamanitra, nahoana, izy no navelan'izy ireo hahazo an'ilay sekoly. Azo antoka. Nanao fifohazana roa herinandro, fa tsy nisy fanahy anankiray. Dia niverina ny rainy, nanao hoe, "Ankehitriny namela azy hahazo an'izany ianareo, mpandoa hetra iray aho, manana zô aho hahazoan'ny zanakolahy azy. Ka tokony hahazo azy ihany koa ny zanakolahy."

665 Noho izany dia niverina izy mba hahita, ka nangataka tamin'izy ireo, hoy izy ireo hoe, "Eny, havelanay hahazo azy fara-fahakeliny hariva roa izy." Dia nandeha izy ireo ka namela azy hahazo an'ilay izy hariva roa.

666 Ary tamin'io hariva io dia niakatra teo ilay zazalahy antitra nefa tsy afaka namaky ny Baiboly akory aza, naka olona iray hamaky ny lahateniny. Fa rehefa nanatona teo amin'ny lampihazo izy, dia voahosotry ny Fanahy Masina. Ary rehefa

nitory teny izy, dia teo amin'ny roapolo teo no nanatona ny alitara; ary nanao ny làlany hatrany Kalvary io nanao ny tenany ho mpitory teny io, teo amin'ny alitara.

⁶⁶⁷ Azo antoka, rahalahy, ilay izy dia tsy—tsy izay fantatrareo, ilay izy dia Iza no fantatrareo. Izany ilay hevitra, izany no ilain'izany, mila mahafantatra an'i Kristy izany. Ny mahafantatra Azy, no Fiainana; ny mandà Azy, dia fahafatesana.

⁶⁶⁸ Haingana mihitsy eo amin'ny fanontaniansika hafa, ireo fanontaniana izay handeha any Georgia ankehitriny:

67. Inona no ataon'ireo vato ao amin'ny . . . asehony ao amin'ny Apokalypsy 21:19 sy 20?

⁶⁶⁹ Raha maniry ny haka ny fotoana hanokafana ny Baibolinareo ianareo, fa tsy manana fotoana be loatra isika ankehitriny, fa hiezaka aho ny hamaly azy ireo haingana mihitsy. Apokalypsy roapolo- . . . mino aho fa 21:19 sy 20 izany. Eny.

⁶⁷⁰ Eny àry, ao no hahitanareo an'izay iresahany ny amin'ireo vato izay tao amin'ilay tranobe. Ary ireo vato ireo no fanorenana. Raha hanamarika ianareo . . . Tena mino aho fa manana an'izany ianao eo, Rahalahy Neville. Ary ny vato tsirairay dia fanorenana iray. Tsy vato anankiray no fanorenana iray, ary ireo hafa . . . Fa ny vato tsirairay no fanorenana iray. Ny vato tsirairay dia fanorenana iray maharitra. Ary nisy vato roa ambin'ny folo teo. Ary raha manamarika an'ireo vato roa ambin'ny folo ireo ianareo, manome ny tsirairay . . . Voalohany dia manomboka amin'ny jasy, sy karnelia, sy ny sisa tahaka an'izany, maneho ny vato tsirairay.

⁶⁷¹ Ao amin'ny Baiboly ao dia ho hitanareo fa nantsoina ho vato anankiray izany. Ny sasany amin'izy ireo dia samihafa kely, izay tsy mbola renareo mihitsy ny aminy. Raha mijery ao amin'ny diksionera ianareo dia hahita fa vato iray ihany ilay izy, anarana samihafa fotsiny; novaina.

⁶⁷² Fa izany dia manomboka amin'ny—amin'ny jasy. Jasy dia vaton'i—i Benjamina, na, ny vaton'i . . . oh, ilay zanakalahy voalohany, Robena. Ny vato voalohany dia Robena, izay jasy. Ny vato farany dia Benjamina, ilay vato farany eo amin'ny tampony.

⁶⁷³ Ankehitriny, ireo vato roa ambin'ny folo izay nipetrahan'ny fanorenana ireo, ireo—ireo vato roa ambin'ny folo ireo dia nihantona teo amin'ny aron-tratran'i Arona. Ary izy ireo—izy ireo dia naneho, fa izy no mpisoronabe an'ireo—ireo foko ireo. Ny vatom-pahaterahan'izy ireo tsirairay dia tao anatiny tao, tao amin'io—io aron-tratra io. Ary rehefa nahita an'io aron-tratra io ny olona, dia fantatr'izy ireo fa i Arona no mpisoronabe an'io foko manontolo io, rehefa nahita an'ireo vatom-pahaterahana tao amin'io aron-tratra io izy ireo.

⁶⁷⁴ Ankehitriny, rehefa nandre an'io hafatr'i Rahalahy Neville aninkeo maraina io isika. Ary matetika no nitondran'izy ireo ny Orima Tomima. Hitanareo voalaza ao amin'ny Baiboly izany ho fomba iray nahafantaran'izy ireo na Fahamarinana ny hafatr'izy ireo na tsia. Ireo vato ireo, rehefa handeha hiteny an'izay nolazain'ilay lehilahy izy ireo, izay naminanian'ilay mpaminany, dia miaraka mitaratra ireo vato rehetra ireo. Nanao fitambarana hazavana iray izany izay nitondra ny safira, sy jaspy, sy karbonkolo, ary ireo vato hafa izay nampitaratra ny hazavany ireo, nanao lokon'avana goavana be tsara tarehy iray izany izay namatotra an'ilay zavatra manontolo niaraka.

⁶⁷⁵ Ankehitriny, ankehitriny, amin'izao andro izao, rehefa nesorina niaraka tamin'io asam-pisoronana io ilay Orima Tomima, ankehitriny dia ity Baiboly ity no Orima Tomiman'Andriamanitra amin'izao andro izao. Ary rehefa mitory teny ny mpitory teny iray, dia tsy tokony ho toerana kely anankiray eto fotsiny izany, ka eo amin'izany ihany no ametrahany ny fanantenany; ilay izy dia tsy maintsy ny Baiboly manontolo no nampitaratra an'ilay hafatra izay torian'ilay lehilahy. Izany ilay zavatra. Tsy toerana anankiray fotsiny, ka manao hoe, “Eny, ny Baiboly no miteny an'ity.” Oh, azo antoka, milaza zavatra betsaka izy. Saingy tsy maintsy manao azy rehetra ho voapetraka miaraka ianareo. Ary rehefa tonga ny Fanahin'Andriamanitra ka miditra ao amin'ny—ny Teny, dia Izany no mametraka ny rehetra miaraka ka nampitaratra Hazavana goavana be anankiray, ary io Hazavana io dia Jesosy Kristy. Amena.

⁶⁷⁶ Ankehitriny, ireo vato roa ambin'ny folo ireo dia fanorenana roa ambin'ny folo izay nanomboka tamin'i Robena, sy Gada, ary mitohy midina hatrany amin'i Benjamina; foko roa ambin'ny folo, vato roa ambin'ny folo. Ary ireo vato ao amin'ny Tempoly ireo, ao amin'ilay Jerosalema vaovao any An-danitra, ny fanorenana tsirairay dia hipetraka eo ambonin'ny iray amin'ireo patriarka.

⁶⁷⁷ Diniho ankehitriny, mariho ireo vato, ankehitriny dia handinika an'ireo patriarka ireo nampitaratra tao amin'ny zavatra iray hafa ianareo, ao amin'ny fanontaniana hafa iray mihitsy.

68. Azavao—azavao ny fahefatra...ireo biby efatra an'ny Apokalypsy 5.

⁶⁷⁸ Rahalahy Neville, raha manana an'izany eo akaiky eo ianao, na ny sasany aminareo, ny Apokalypsy 5, dia hamaky an'izany mandritry ny iray minitra fotsiny isika. Izany dia sa—izany dia sary iray tsara tarehy eto an'ireo...Indro, manana azy ny tenako, Apokalypsy ny toko faha-5:

Ary hitako teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny—ambonin'ny seza fiandrianana ny boky

iray voasoratra tao anatin'ny sy ivelany ary—ary—ary teo ivohony, voaisy tombokase fito.

Ary izaho . . .

⁶⁷⁹ Ankehitriny, tsy izany ilay toerana. Tiako ny handray lavidavitra kely fotsiny, ireo biby efatra. Ndao jerentsika, ny andininy faha-14. Eny àry, tompoko. Ankehitriny ndao àry isika, marina izany. Ankehitriny dia ndao isika hanomboka eto amin'ny—amin'ny andininy faha-12, tsia, ataoko fa ny . . . “Ary hoy ireo biby efatra hoe, ‘Amena.’” Tsia, misy toerana kely iray aorian'io, Rahalahy Neville. “Indro, nandre an'ilay feo aho . . .”

⁶⁸⁰ Ndao jerentsika, iray minitra fotsiny, namaky an'izany aho vao teo. Oh, eo isika izao, ndao isika hanomboka amin'ny andininy faha-6. Ny andininy faha-5:

Ary ny anankiray tamin'ireo loholona nanao tamiko hoe, Aza mitomany: indro, ny Lionan'ny fokon'i Joda, ny Solofon'i Davida, efa naharesy ka hanokatra ny boky, sy hamaha an'ireo . . . tombokaseny.

Ary hitako, ary, . . . teo afovoan'ny seza fiandrianana sy . . . ireo biby efatra, ary, teo afovoan'ireo loholona, nisy Zanak'ondry iray nitsangana toy ny, efa voavono, nanana loha fito sy maso fito, dia ireo Fanahy fito . . . izay nirahina avy . . . hankany amin'ny tany.

⁶⁸¹ Tiako ianareo hihazona an'ilay fanontaniana, ka raha tsy tratrako ilay izy eto afaka iray minitra, dia tiako ianareo hampahatsiahy indray, tiako ny hiresaka eo amin'io, “ireo Fanahy fiton'ireo maso fito izay teo amin'ilay Zanak'ondry.” Oh, tena zavatra tsara tarehy iray izany. (Eny, te-haka ny fanontanian'ity rahalahy ity isika ankehitriny.) Eny àry, aza adino izany ankehitriny.

Ary tonga izy ka nandray ny boky teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana.

Ary rehefa nalainy izany, ireo biby efatra sy ireo loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anatrehan'ny zanak'ondry, . . . ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia nanana harpa, . . .

⁶⁸² Ankehitriny, izany dia ireo—ireo efatra—ireo biby efatra eto, raha hanamarika ianareo. Ankehitriny dia ndao isika handroso ka hamaky lavidavitra kely fotsiny:

. . . harpa volamena, . . . feno lovia sy hanitra, . . . ary ireo vavaky ny olo-masina.

Ary nihira hira vaovao izy ireo, . . . Ianao no mendrika . . . (ary nandroso ka nanao ny . . . ny fanompoany rehetra ho an'ny Tompo)

683 Ankehitriny, ireto biby efatra an'ny Apokalypsy ireto, raha manamarika azy ireo ianareo, ny toerana tsirairay . . . (Ianareo mpamaky Baiboly, ary na iza ilay olona izay hihaino an'ity horonam-peo ity). Ireo biby efatra ireo, nanana endrika efatra izy ireo: ny anankiray nanana endrika tahaka ny olona, ny iray hafa nanana endrika tahaka ny omby, ary ilay endrika hafa dia tahaka ny voromahery, ary ilay endrika hafa dia tahaka ny liona. Ary tsy nandeha nankany aoriana mihitsy izy ireo, tsy afaka nandeha nankany aoriana izy ireo.

684 Firy no mahatsiaro an'ilay boky tranain'ny Apokalypsy rehefa nampianatra an'izany izy ireo taona maro lasa izay, rehefa naka teo amin'ny roa taona teo aho teto amin'ny Bokin'ny Apokalypsy? Maro amin'ireo tamin'ny andro fahiny no mahatsiaro.

685 Jereo, tsy afaka nandeha nankany aoriana izy ireo, satria ny làlana rehetra izay nandehanan'izy ireo dia nandeha nankany aloha. Raha nandeha tamin'ity làlana ity izy ireo, dia nandeha tahaka ny olona iray; raha nandeha tamin'ity làlana ity izy ireo, dia nandeha tahaka ny liona iray; nandeha tamin'ity làlana ity, dia nandeha tahaka ny voromahery iray; raha nandeha tamin'ity làlana ity izy ireo, dia nandeha tahaka ny omby iray. Hitanareo, tsy afaka nandeha nankany aoriana izy ireo, nandeha nankany aloha foana izy ireo.

686 Ankehitriny ireo biby efatra ireo. Ankehitriny mba hanaovana an'ity haingana, satria tsy te-hijanona ela loatra eo amin'ity aho. Fa ireo biby efatra . . . Ny *biby*, ao amin'ny Baiboly, dia maneho “hery.” Ary mariho fa ireto biby ireto dia tsy tao anatin'ny farihy tany na tao anatin'ny ranomasina tany ho any no niakatra, fa teo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra izy ireo, ary nanompo an'Andriamanitra. Ireo biby efatra ireo dia midika hery efatra izay niakatra avy tamin'ny tany, ary ireo hery efatra ireo dia ireo Filazantsara efatra: Matio, Marka, Lioka, ary Jaona; ny anankiray tsy mifanohitra amin'ilay iray hafa.

687 Ary ny iray tamin'izy ireo, ny . . . Raha nandroso tahaka ny liona iray ny Filazantsara, dia henjana izany, sahy izany; ny Filazantsara dia sahy tahaka ny liona iray, ary mpanjaka tahaka ny liona iray izy. Raha nandroso tamin'ny endrik'olona iray izy, dia fetsy sy kinga tahaka ny olona iray. Raha lasa voromahery izy, dia manana elatra haingana sy haavo ambony. Izany . . . Hitanareo ve izay tiako lazaina? Raha mandeha tahaka ny omby izy, izany dia ilay soavaly miasa izay afaka misintona, ilay omby miasa izay misintona ny—ny—ny enta-mavesatry ny Filazantsara. Ireo biby efatra dia ireo hery efatra, izay: Matio, Marka, Lioka, ary Jaona; ireo Filazantsara efatra izay maneno ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Izany dia . . .

688 Raha nanamarika ianareo, dia nanana maso izy ireo teo aloha sy tao aoriana. Izy ireo—izy ireo . . . Na taiza na taiza

nalehany, dia nampitaratra izany. Nahita izy ireo na taiza na taiza nalehany. Ary izany no herin'ireo Filazantsara raha mivoaka izy, izy dia afaka... Manana ny hakingan'ny olona izy; manana ny hafaingan'ny voromahery iray izy; izy dia manana ny—ny—ny—ny hery, ny hery misintona, mpitondra enta-mavesatra tahaka ny omby iray; izy dia manana ny—ny fahenjanana sy ny fahasahian'ny liona iray. Hitanareo, izany ireo Filazantsara efatra, dia ireo hery efatry ny Apokalypsy, ny toko faha-4.

Eny àry, ilay manaraka ankehitriny:

69. Iza ireo loholona efatra amby roapolo? Eny àry, mino aho fa izany dia ho eo amin'ny—ny... **Iza ireo loholona efatra amby roapolo?**

⁶⁸⁹ Ankehitriny dia tsotra fotsiny izany, afaka maka an'izany isika. Ireo loholona efatra amby roapolo dia nipetraka teo anoloan'ny Seza fiandrianana. Izany dia ao amin'ny... mino aho fa ao amin'ny andininy 4 izany, ao no ahitana an'izany. “Ary nivoaka ny iray hafa...” Izaho tsy maintsy... Ndao jerentsika, izaho dia... 4:10.

⁶⁹⁰ Eny àry, ny Apokalypsy, ny toko faha-4, ary ny andininy faha-10. Marina izany. Ho raisintsika izany.

Ary ireo loholona efatra amby roapolo dia niankohoka teo anoloan'izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, ka nivavaka tamin'izay velona mandrakizay sy mandrakizay, ka nanipy ny satroboninahiny teo anoloan'ny seza fiandrianana nanao hoe,

Ianao no mendrika, O Tompo, handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery: fa ianao no nahary ny zavatra rehetra, ary nohon'ny sitraponao no maha-misy azy sy nahary azy ireo.

⁶⁹¹ Ankehitriny ireo loholona efatra amby roapolo. Ny loholona iray dia mpanara-maso ambony iray. Mariho ankehitriny, izy ireo dia patriarka roa ambin'ny folo sy apostoly roa ambin'ny folo. Ary nipetraka izy ireo, roa ambin'ny folo teo amin'ny ilany iray ary roa ambin'ny folo teo amin'ilay hafa. Teo ireo loholona efatra amby roapolo, dia ireo patriarka roa ambin'ny folo teo amin'ny ilany iray, ny Testamenta Taloha; ireo apostoly roa ambin'ny folo teo amin'ilay ilany hafa, an'ny Testamenta Vaovao. Tsy nilaza ve Jesosy hoe, “Hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo ianareo, hitsara an'ireo foko roa ambin'ny folo an'ny Isiraely?”

⁶⁹² Ankehitriny, ireo fanorenana. Jereo, misy hazo iray mihitsy aza ao anatin'ny ao. Ary ilay hazo teo amin'ny ilany avy dia mamokatra voa roa ambin'ny folo karazana. Ary mahavokatra ny voany indray mandeha isam-bolana izy ireo, satria misy volana roa ambin'ny folo ao anatin'ny taona. Manolotra voa roa

ambin'ny folo karazana izy ireo isan-taona araka ny andalovany. *Roa ambin'ny folo*, ao amin'ny isa “fanompoana”, hitanareo. Ary misy ny roapolo sy efatra, izay ho efatra amby roapolo, ireo apostoly roa ambin'ny folo sy ireo patriarka roa ambin'ny folo. Mipetraka eo amin'ny Seza fiandrianana izy ireo.

⁶⁹³ Eny àry, ankehitriny ny andininy faha-4, na, ny fanontaniana fahefatra:

70. Inona no nasehon'ilay kofehy jaky ao amin'ny Genesisy 38?

⁶⁹⁴ Ilay kofehy jaky, raha hanamarika ianareo, dia i Joda. Ary nanana zanakalahy izy, ka ny iray tamin'ireo zananilahy dia nanambady vehivavy Kananita iray. Ary io vehivavy Kananita io dia tsy nanan-janaka mihitsy, ary maty ny zananilahy. Noho izany, ny lalàna tamin'izany dia hoe tsy maintsy maka... ilay zanakalahy manaraka no tsy maintsy maka ny vadin'ilay rahalahy, ary manangana taranaka ho an'ilay maty. Fa tsy nanaiky ilay lehilahy hafa ary tsy nanao arak'izay tokony nataony, dia namono azy ny Tompo. Avy eo dia nanana zanakalahy tanora iray izy; noho izany dia hoy i Joda hoe, “Miandrasa mandra-pahatongan'io zanakalahy io... hitombo mandra-pahatongany eo amin'ny toerana izay ahafahanao manambady azy.”

⁶⁹⁵ Ary rehefa nitombo hatreo amin'ny toerana iray izay tokony hanambadiany ny vadin'ireo rahalahiny anankiroa teo aloha izy, eny, tokony naka azy izy tamin'izany, mba hanangana taranaka ho an'ireo rahalahiny izay efa... izay maty talohany. Tsy nomen'i Joda ho an'ilay vehivavy (ilay vehivavy Kananita) ny zananilahy, ilay zazalahy, fa namela azy nandeha fotsiny. Noho izany dia hitany fa nanao ratsy izy, koa dia nivoaka izy ary nisaronana voaly iray teo amin'ny tavany, ka nipetraka teo amin'ny toerana iray an'ny be sy ny maro izay ipetrahan'ny mpivarotena.

⁶⁹⁶ Nandalo i Joda ka naka an'ilay vehivavy ho vadiny, ary mpivarotena iray izy, ka niaina niaraka taminy. Dia hoy izy hoe, hoy izy hoe, “Eny, inona no fifanaraham-barotra hataonao amiko?” Ary izy... hoy izy hoe... .

⁶⁹⁷ Hoy izy hoe, “Omeko za-zanak'osy iray ianao.” Hoy izy hoe, “Eny, omeo antoka iray aho fa hataonao izany.” Noho izany dia nalainy ny tehiny sy ny fanombohany sy ny sisa, ary notehiriziny izany.

⁶⁹⁸ Ary rehefa nentin'izy ireo ilay zanak'osy, dia tsy nety nahita an'ilay mpivarotena izy ireo, satria tsy mpivarotena iray izy.

⁶⁹⁹ Afaka kelikely, dia nasehony fa ho reny iray izy. Ary rehefa nasehony fa ho reny iray izy, dia tonga izy ireo niteny tamin'i Joda hoe, “Nanao ny anjaran'ny mpivarotena iray ny vinantovavinao.” Hoy izy, “Satria izy—ho reny iray izy, ary ny zanakalahinao anankiroa dia maty.”

⁷⁰⁰ Hoy izy hoe, “Eny, hantsoina hivoaka izy, ary dory.”

701 Ary noho izany dia nandefa teny tany amin'i Joda izy, ka hoy izy hoe, "Ny lehilahy izay nanao an'ity, dia ny tompon'ity tehina sy fanombohana ity." Eny àry, ny rafozan-dahiny izany.

702 Dia hoy izy hoe, "Marina noho izaho izy."

703 Ankehitriny, rehefa fantany fa ho teraka ireo zanany, dia kambana izy ireo. Ary rehefa ny kambana... Ny zazakely voalohany izay ho teraka, ny fomba Jiosy fahiny, ny zaza voalohany no manana ny fizokiana, ny zaza voalohany izay hivoaka. Ary izany, tsarovy, no zanany voalohany. Tsy nisy anankiray tamin'ny sisa tamin'ireo zazalahy nahazo zaza iray avy tamin'ny. Tsy nanana zanaka iray mihitsy izy raha tsy tamin'io fotoana io.

704 Ary rehefa nivoaka ny zanany voalohany, dia tànana iray fotsiny ilay izy. Dia nametraka tady jaky iray nanodidina an'izany ilay mpampivelona, satria ny tady jaky iray dia miresaka ny amin'ny fanavotana hoe ilay zanakalahy voalohany avy amin'i Maria virijiny dia ho... no hanana an'ilay tady jaky an'ny fanavotana.

705 Ary rehefa nisintona ny tànany niverina izy, dia ilay anankiray hafa no nivoaka voalohany. Ary rehefa nivoaka izy, dia hoy izy, "Nahoana ianao no nanao an'izao? Ilay anankiray hafa no manana ny fizokiana."

706 Koa izany no dikan'ny Genesisy 38, hitanareo. Hoe ilay zaza voalohany dia mbola naharitra hatramin'ny fihavian'i Jesosy Kristy Tompo. Hoe ilay voalohany dia teo ambanin'ny lalàn'ny fanavotana.

707 Fantatrareo fa nilaza aho... ilay ramole kely, fantatrareo, izay noresahako, hoe ny masony dia... na mety ho inona koa, nikolepaka ny sofiny, saingy, raha teraka niaraka tamin'ny fizokiana iray izy, dia ny zanak'ondry iray tsy manan-tsiny, tanteraka no maty teo amin'ny toerany. Izany ilay izy.

708 Koa izany ny amin'ny fizokiana. Ny zazakely voalohany izay nivoaka avy tao amin'ilay reny, ary hitan'izy ireo io tànana io (ary fantany fa mety hiverina indray izany). Ary rehefa namoaka ny tànany izy mba haneho fa izy no nanana an'ilay izy, hoe izy no ilay voalohany, dia nafatotr'ilay mpampivelona nanodidina an'izany ilay kofehy jaky ka nisintona ny tànany niverina izy. Hitanareo? Fa, tanteraka tokoa, izy no voalohany. Izany ilay tady jaky, ilay tady jaky dia manana... manerana ny Baiboly rehetra, izany dia midika fanavotana; izay manondro mankany amin'ny fihavian'ilay zanaka voalohany.

709 Ny soavaly voalohany izay teraka, ny ombivavy voalohany izay teraka, na inona na inona ilay izy, ny zavatra rehetra izay teraka voalohany (izay nivoaka) dia teo ambanin'ny fanavotana, tsy maintsy navotana; ny zavatra rehetra dia tsy maintsy navotana! Haleloia! Oh, mampientam-po ahy fotsiny izany.

Azonareo ve ilay izy? Ilay *voalohany* dia tsy maintsy navotana. Lalàna iray izany. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

⁷¹⁰ Ary rehefa teraka Jesosy Kristy, dia nanavotra an'izao tontolo rehetra izao Izy. Izany tokoa, nanavotra Izy. Izy no Mpanavotra ny zava-manan'aina rehetra izay hany noforonina teto an-tany. Izy no Mpanavotra. Ary tamin'ny... ny fanavotana rehetra dia mitoetra ao Aminy, ka tsy misy fomba hafa mihitsy hany ahafahanareo ho tonga amin'ny alàlan'ny asa soa, amin'ny fikambanana amin'ny fiangonana, na inona na inona ilay izy; tsy maintsy tonga amin'ny alàlan'io tady jaky io ianareo, io Mpanavotra io, io havana Mpanavotra io.

Eny àry, ankehitriny ny manaraka dia:

71. Aiza ireo fanomezana... Ho inona ireo fanomezana halefa raha ny momba ny fahafatesan'ireo vavolombelona roa an'ny Apokalypsy 11?

Oh, Rahalahy Palmer, raha tsy afaka mametraka fanontaniana vitsivitsy ianao!

⁷¹¹ Ankehitriny, ny fanavotana, ireto tady eto ireto, io tady jaky io, hitantsika fa nidika fanavotana izany.

⁷¹² Ankehitriny ny fanontaniana manaraka dia:

Inona ireo fanomezana ao amin'ny Apokalypsy 11?

⁷¹³ Ho avy ny fotoana iray... Ankehitriny dia hamaly fanontaniana iray izay efa voavaly indray hariva isika, izay nosoratan'ny sakaizako mpitory teny iray mikasika an'ireo Jiosy, hoe ho toy ny ahoana izany.

⁷¹⁴ Ankehitriny ireo Jiosy ireo dia manana telo taona sy tapany nampanantenaina azy ireo. Firy no mahafantatra an'izany? Fitopolo herinandro no nampanantenaina. Voalaza hoe, "Ho tonga ny Mesia ka ho esorina eo amin'ny antsasany." Telo taona sy tapany no nitorian'i Kristy, novonoina afaka telo taona sy tapany marina tokoa, telo taona sy enim-bolana no Nitoriany.

⁷¹⁵ Ary tamin'izay fotoana izay ilay fahavetavetana izay niteraka faharavàna, ny—ny môske an'i Omar no napetraka teo amin'ny Tany Masina; araka ny nolazain'Andriamanitra, dimanjato sy roa arivo taona talohan'ny nitrangany, hoe hitsangana eo izany. Nahita an'izany ilay mpaminany, ary hitany izany, ka hoy izy, "Izy ireo dia... Ireo Jentilisa no hanana an'izany any mandra-pahatapitry ny andron'ny Jentilisa."

⁷¹⁶ Ankehitriny dia mbola misy telo taona sy tapany nampanantenaina. Raha manamarika ianareo, ireo vavolombelon'ny Apokalypsy 11 ireo dia naminany arivo, enimpolo amby roanjato andro; telo taona sy tapany marina tokoa. Ankehitriny... ary tao anaty lamba fisaonana izy ireo. Ankehitriny, diniho ny asam-panompoan'izy ireo, izay maha-izy azy ireo. Ankehitriny, novonoina ireo vavolombelona roa ireo.

717 Ankehitriny, ireo...Niverina nankany amin'ireo Jiosy izy ireo taorian'ny Fampakarana ny Fiangonana Jentilisa. Mandeha mody any an-Trano ilay Fiangonana Jentilisa ho an'ny Sakafon'ny Mpanambady, ary tahaka ny nitondrana andRebeka nankao amin'ny fonenan'i Abrahama niaraka tamin'i Isaka ary nivady tao. Ary Rebeka sy Isaka dia nandroso niaraka tamin'ny fananana feno ny zavatra rehetra izay nananan'i Abrahama, nankany amin'i Isaka daholo izany. Tanteraka tokoa! Ary tsy afaka ny ho tonga tamin'i Isaka izany raha tsy efa nanambady aloha i Isaka. Oh Haleloia! Eo ianareo izao.

718 Ary Kristy dia lasa...Andriamanitra dia monina manontolo ao amin'io vatana tanteraka, nopotehina io mandrakizay [forever—Mpand.] sy mandritry ny Mandrakizay [Eternity]. Rehefa mivady ilay Zanak'ondry sy ny Ampakarina any Andanitra, dia mandroso ao amin'ny fananana feno izy. Tanteraka tokoa! Nandroso tao amin'ny fananana feno Isaka sy Rebeka.

719 Ary raha mbola miseho io fankalazana io any Andanitra, an'ny Ampakarina, ilay Ampakarina Jentilisa izay manambady an'ilay Andriana (Zanak'Andriamanitra), any amin'ny Voninahitra; raha mbola mivady izy ireo, dia misy telo taona sy tapany izay miseho raha mbola ireo...Mosesy sy Elia...

720 Fa, tsy hoe tsy teo mihitsy i Mosesy...tsia, nentina ny vatany. Ireo Anjely no nitondra azy, tsy nihintsana izy, tsy lò izy. Tandindona tanteraka iray an'i Kristy izy. Maty izy ary ireo Anjely no nitondra azy, ary na dia ny devoly aza dia tsy mahafantatra akory hoe taiza izy no nalevina, ka niezaka nifamaly tamin'i Mikaela ilay Arkanjely mikasika ny fandevenany. Izany no nolazain'ny Baiboly. Andriamanitra no naka azy tao amin'ny Fampakarana.

721 Ary Elia, rehefa nandeha izy tany, mpaminanin'Andriamanitra iray, nidina nankao Jordana, nanala ny kapôtiny ary nikapoka ny rano, dia nisaraka nankany amin'ny havanana sy havia izy. Niakatra teny antendrombohitra izy. Hoy Elisa hoe...Hoy izy, "Inona no anarahanao ahy?"

722 Hoy izy hoe, "Mila ny ampahan-droa amin'ny Fanahinao aho."

723 Hoy izy, "Zavatra sarotra no nangatahanao, fa raha mahita ahy ianao rehefa mandeha aho." Nampifantoka ny masonry teo aminy izy.

724 Ary afaka kelikely, dia nidina avy tany Andanitra ny kalesy afo iray sy Anjely afo, soavaly afo, dia niakatra i Elia ary lasa nankany amin'ny Voninahitra. Tsy nanandrana fahafatesana mihitsy izy, nakarina izy, tsy maintsy maty izy!

725 Ary raha handinika an'ireo mpaminany roa an'ny Apokalypsy 11 ireo ianareo, dia manao an'ilay zavatra iray

ihany izay nataon'i Mosesy sy Elia izy ireo. Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, ny tianao ho tenenina amiko ve dia hoe mbola velona foana i Elia sy Mosesy?" Tanteraka tokoa!

⁷²⁶ Nahoana, talohan'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy... Teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, talohan'ny nandehanan'i Jesosy teo Kalvary, dia samy nijoro teo i Mosesy sy Elia nitsangana niresaka Taminy teo. Izany tokoa, nitsangana izy ireo, tsy maty izy ireo. Ary tsy maty mihitsy izy ireo; mety maty izy ireo, tsy maintsy maty izy ireo. Noho izany dia ao amin'ny toerana iray nomem-boninahitra fotsiny izy ireo miandry an'io fotoana io.

⁷²⁷ Ary amin'izay fotoana izay rehefa miverina izy ireo ka mitory teny telo taona sy tapany marina tokoa eo ambanin'ny hosotry ny Batisan'ny Fanahy Masina, raha nesorina tamin'ireo Jentilisa ireo fitahiana (ary nakarina ilay Fiangonana); ary ilay fiangonana mangatsiaka, mpanara-pototra dia henjehina tahaka ny alika, amin'ny alàlan'ilay antoko kominista sy Romana, ary rehefa henjehina izy ireo dia vonoina. Izy ireo—vonoina izy ireo amin'izay fotoana izay; ireo mpaminany ireo dia mitory teny mandritry ny telo taona sy tapany, ary nilaza ny Baiboly fa izy ireo dia novonoina tao amin'ilay lehibe... teny an-dàlambe, nantsoina ara-panahy hoe, Sodoma sy Egipta, izay nanohomboana ny Tompontsika. Izany dia any Jerosalema; hitanareo, any Jerosalema, nantsoina ara-panahy.

⁷²⁸ Ary nandry teo an-dàlambe nandritry ny telo andro sy alina izy ireo. Ary avy eo tamin'ny fiafaran'ireo telo andro sy tapany ireo, dia niditra tao amin'izy ireo ny fanahin'aina ka nitsangana izy ireo. Tsy maintsy maty tahaka an'ireo mety maty hafa izy ireo, tsy maintsy nanao an'izany izy ireo. Ary rehefa namono an'ireo mpitory teny roa ireo izy ireo... .

⁷²⁹ Nitory nanohitra ny ratsy izy ireo, ary namoaka afo avy tany an-danitra. Iza no nanao an'izany? Hitanareo? Namoaka loza avy tany an-danitra izy ireo, ary namely ny tany haingana araky... . ary tamin'ny fotoana rehetra izay tian'izy ireo. Ary namoaka afo avy tany an-danitra izy ireo. Ary nampitsahatra ny lanitra tsy hanorana izy ireo, ela arak'izay tian'izy ireo. Iza izany? Mosesy sy Elia marina tokoa. Ary izany ireo vavolombelona roa ireo.

⁷³⁰ Ary rehefa nampijaly ny fiangonana izy ireo, na izao tontolo izao, tamin'ny toriteniny; ka nandray an'ireo Jiosy indray, ary namerina ho amin'ny fibebahana, namerina azy ireo mba hino ny... . Rehefa mahita an'i Jesosy tonga ho an'ny Ampakarina izy ireo, dia hilaza izy ireo hoe, "Indro, io ilay Andriamanitsika Izay nandrasantsika. Io Izy!" Saingy tsy tonga ho azy ireo Izy; Izy dia tonga ho an'Ny Ampakariny. Ary Ny Ampakariny... .

⁷³¹ Rehefa nandeha nankany Egipta i Josefa, dia tsy nitondra an'ireo rahalahiny niaraka taminy izy, fa naka ny ampakariny tany. Tanteraka tokoa! Fa rehefa nampahafantatra ny tenany

tamin'ireo rahalahiny izy, dia tsy nisy olona nanatrika teo. Tena marina tokoa izany. Ary rehefa mampahafantatra ny Tenany amin'ireo Jiosy Izy, dia tsy hisy olona afa-tsy ireo Jiosy eo. Ireo izay namono an'i Josefa no teo, nitsangana teo; dia hoy izy hoe, "Eny, izaho no Josefa, rahalahinareo." Ary nitomany izy.

⁷³² Dia hoy izy ireo hoe, "Fantatsika ankehitriny fa vita ny amintsika, satria novonointsika izy."

⁷³³ Ilay zavatra iray ihany, hanana an'ilay fotoan'ny olona lehibe ireo Jiosy ireo mialohan'ny fihaviana mihitsy ankehitriny, an'ilay fanenjehana hamerina azy ireo ao an-tanindrazana. Hihaza azy ireo tahaka ny andian'ondry hiverina eo amin'ny Tendrombohitra Karmela any izany.

⁷³⁴ Rehefa ho tonga ho an'Ny Ampakariny ny Tompo Jesosy, ka hahita Azy izy ireo, dia hilaza izy ireo hoe, "Io ilay Anankiray izay nandrasantsika, io Izy io!" Hitsangana miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany Izy. Marina izany.

⁷³⁵ Ary ny fiangonana, ireo sisa nanamborana amin'ireo Jiosy, rehefa mamono an'ireo mpaminany roa ireo izy ireo amin'ny farany, ary hametraka azy ireo eo amin'ilay lalambe antsoina ara-panahy hoe Sodoma sy Egypta, izay nanohomboana ny Tompontsika, dia mifandefa fanomezana izy ireo (mifandefa izao tontolo izao).

⁷³⁶ Ankehitriny, Rahalahy Palmer, eo ianao izao. Jereo indray ny tantara Romana dia ho hitanao fa firenena tokana ihany eto amin'izao tontolo rehetra izao no hany mandefa fanomezana aorian'ny ady, ny Fanapahana Romana izany.

⁷³⁷ Izany no antony ilazako fa mivoaka avy ao Roma ny antikristy. Mivoaka avy ao Roma ilay bibidia, tsy mety hivoaka avy ao Moscou izany. Avy ao Roma izany, ilay dragona mena izay nitsangana teo amin'ilay vehivavy mba handrapaka ny Zanany vantany vao teraka Izy. Io devoly io, taiza io devoly io? Iza izy? Cesar Auguste izay nandefa ary namono an'ireo ankizy rehetra nanomboka tamin'ny roa taona no midina. Ilay dragona mena, ilay dragona, *biby* dia midika "hery." Ny hery Romana no nananjika sy niezaka hahita an'io Kristy Zaza io.

⁷³⁸ Ary izany ilay zavatra iray ihany! Ireo Romana isaky ny, ireo Romana mpanompo sampy fahiny rehefa nahazo fandresena lehibe taloha, dia nifandefa vato fotsy sy ny sisa izy ireo, ho fanomezana tahaka an'izany, ho fahatsiarovana. Noho izany ireo vato izay. . . Inona izany, izany dia ireo fanomezana kely izay nalefa teo amin'ny fiangonana Romana. Tanteraka tokoa! Marina tokoa. Tsy maintsy ho izany ilay izy.

⁷³⁹ Nitsangana tany amin'ny Tanànan'i Vatican mihitsy aho ary nanamarina an'izany tamin'ny Baiboly. Ilay papa izay mitondra satroboninahitra telo sosona, *Vicarivs Filiù Dei*, ireo zavatra rehetra izay efa reko sy ny sisa ireo, izany tanteraka tokoa no fahamarinana; vondrona mpivavaka iray izay manapaka ny

firenena rehetra eto ambanin'ny Lanitra, ary izany no ataony. Izay ilay izy, tahaka an'izany ilay izy.

⁷⁴⁰ Tsy misy na inona na inona anoherana ny vahoaka Katolika (tsia, tompoko), tsara tahaka ny olon-kafa rehetra izy ireo, saingy ny fivavahan'izy ireo no diso arak'ity Baiboly ity. Raha marina ity Baiboly ity, dia diso izy ireo. Milaza izy ireo fa izy ireo dia tsy. . . “Tsy mampaninona izay lazain'ny Baiboly, ilay izy dia izay lazain'ny fiangonana.” Isika dia mino fa ny Baiboly dia miteny amin'ny fahefana faratampony! Tanteraka tokoa, Tenin'Andriamanitra izany.

⁷⁴¹ Noho izany dia hitanareo eto, ireo vato izay nalefan'izy ireo tamin'izany, an'ny Apokalypsy eto, dia ireo—ireo vato izay fanomezana nifandefasana. Izay maneho fotsiny ihany. . . Ny Baiboly no nilaza, ny Apokalypsy eto, nanao hoe, “Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibidia. Aoka izay manan-tsaina hanao an'izao-sy-izao. Aoka izay manana ny fanahin'ireo fanomezana hafa hanao an'izao-sy-izao.” Hitanareo ve hoe tsy ampy toy ny ahoana ilay fiangonana?

⁷⁴² Nanontany ahy ny lehilahy tanora iray aninkeo maraina mikasika an'ireo fanomezana ara-panahy, mikasika ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Lehilahy tanora iray, tena tso-po, mino aho fa ho mpitoriteny iray izy indray andro any. Ary mikasika ny fiangonana, hoy aho hoe, “Misy betsaka amin'izany no ara-nofa. Tsy mila an'izany isika, fa ilay tena zavatra no ilaintsika. Maniry mafy ny hahazo an'izany isika.”

⁷⁴³ Tsy afaka mandeha hampianatra an'izany ao amin'ny fiangonana ianareo; ny zavatra voalohany fantatrareo, ianareo dia manana, ny anankiray manana ny fiteny tsy fantatra iray, ny anankiray manana salamo iray, avy eo dia tsy maintsy hiady hanala an'ilay zavatra ianareo. Fa rehefa nanome fanomezana iray tamin'ny fahamasi-mandidy Andriamanitra, dia haneho ny tenany izany. Marina izany. Hitanareo, izany no fanomezan'Andriamanitra, izany no Alefany ho an'ny Fiangonana mba handresena.

⁷⁴⁴ Ankehitriny, ny antikristy dia manana zavatra tahaka ny ekena sy tsy ekena, izy dia manana ny—ny—ny fomba nosimbaina iray amin'ny fanaovana an'izany. Ary izany ilay fanapahana Romana izay mifandefa an'ireo fanomezana, ireo fanomezana ara-boajanahary. Andriamanitra dia mandefa an'ireo fanomezana ivelan'ny voajanahary ho an'ireo mpandresy; ny Romana dia mifandefa an'ireo fanomezana ara-boajanahary.

⁷⁴⁵ Mino isika fa ny Fanahy Masina dia Fanahy iray, mandray Azy amin'ny alàlan'ny batisa iray izay avy any amin'ny Avo isika.

⁷⁴⁶ Ny fiangonana Katolika dia mampianatra hoe, “Ny eokaristia masina izay vatan'i Kristy; izany dia rehefa mandray

an'io mofo sy hostia io ianareo, izany *dia* ny Fanahy Masina, ny Fanahy Masina, ny eokaristia masina.” Hitanareo?

⁷⁴⁷ Isika dia mino fa sila-mofo iray izany, isika dia tsy mino fa ny vatan'i Kristy izany, (vonona ny handray an'izany isika afaka minitra vitsy). Mino isika fa izany dia maneho ny vatan'i Kristy. Fa izany dia tsy . . .

⁷⁴⁸ Izany ilay fahasamihafana eo amin'ny foto-pampianarana Katolika sy Protestanta. Hitanareo? Ny fiangonana Katolika dia milaza hoe, “Ny vatana dia. . . Ny mofo *dia* ilay vatana ara-bakiteny. Manana fahefana hanova an'io ny fiangonana.” Efa mba nahita Katolika iray nandalo teo amin'ny fiangonana iray ve ianareo, manondrika ny lohany, manao mariky ny lakroa? Dia satria misy an'io jiro kely io mirehitra ao anatin'ilay fiangonana eo ambanin'io tabernakla kely io. Misy jiro kely iray ao anatin'ny ao, ary mipetraka ao anatin'ny ao io mofo hostia io. “Ary izany no vatan'i Kristy. Ka rehefa mandray an'izany ianareo, dia tena mandray tanteraka tokoa ny vatan'i Kristy ara-bakiteny amin'ny kôminionareo voalohany sy ny kônfesinareo sy ny sisa. Ianareo dia mandray, ara-bakiteny, ny vatan'i Kristy.”

⁷⁴⁹ Isika dia milaza fa *maneho* ny vatan'i Kristy izany, hitanareo, izay tsy inona mihitsy fa sila-mofo iray. Ary tsy mampaninona na tsy mofo aza ilay izy, raha zavatra hafa ilay izy, izany dia tokony haneho an'ilay izy foana. Tena—tena marina tokoa. Izy ireo na . . .

⁷⁵⁰ Tahaka an'ireo olona izay milaza hoe, “Tsy te-hatao batisa ao anaty dobo iray aho, te-hatao batisa ao anaty renirano aho.”

⁷⁵¹ Inona no fahasamihafana ataon'izany, raha mbola atao batisa foana ianareo? Raha ao anaty dobo iray izany, ary. . . Nahoana, Filipino dia natao batisa tao anatin'ny dobo iray. . . rehefa natao batisa ilay ionoka. Rehefa nanao batisa an'ilay ionoka tao anatin'ny dobo i Filipino, dia nampakatra azy ny Fanahy Masina hany ka nitondra an'i Filipino Izy, tsy hita izy raha tsy tany amin'ny roanjato mailly. Nitondra Azy tao amin'ny Fanahy, nanome azy ka—kalesy iray avy tany An-danitra mihitsy ho any amin'ny roanjato mailly. Amena. Mahafinaritra!

Ankehitriny:

Ho aiza ireo olo-masina aorian'ny fanjakana arivo taona? Ary karazana vatana inona no ho azon'izy ireo? Hiverenako io afaka fotoana fohy. [Mamaly an'io Rahalahy Branham manomboka amin'ny andalana 820, araka ny fanontaniana 74—Mpand.] Hiaraka amin'i Jesosy izy ireo.

⁷⁵² Eny àry, ny—ny fanontaniana fahafito:

72. Ahoana no hitsarantsika anjely?

⁷⁵³ Izany dia hita ao amin'ny . . . Ahoana no hitsarantsika anjely? Amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Ireo anjely dia mpanompo; isika dia zanakalahy sy

zanakavavin'Andriamanitra. Ary ny Baiboly no nilaza fa hitsara anjely isika. Marina izany. Ankehitriny, ankehitriny raha ianareo . . .

Ny fanontaniana faha-8:

73. Nahoana no hoe ny volo nohon'ny amin'ireo anjely an'ny Korintiana Voalohany?

⁷⁵⁴ Ankehitriny dia aoka ny olona iray hitady ho ahy ny Korintiana Voalohany, ny—ny toko faha-11, dia hahita isika eo, mba hahitanareo fa ny—ny . . . Ao amin'ny Korintiana Voalohany, ny—ny faha-11, hitantsika fa i Paoly no miteny. Mamelà ahy haka an'izany fotsiny iray minitra, ary avy eo dia hamaky an'izany haingana mihitsy isika ary amin'izay fotoana izay isika dia—ho azontsika izany.

⁷⁵⁵ Manana zavatra iray ho lazaina aho eo amin'ity andininy hafa eto ity, izay antenaiko fa ny Tompo no manome azy ho antsika amin'ny fomba izay tokony hahazoantsika azy. Raha misy olona iray mahita azy . . . Heveriko fa izany dia ny toko faha-11, hia, eny àry. Henoy tsara ankehitriny, tena tsara ankehitriny, mba hahazoanareo. Ankehitriny dia raiso ny fieritretanareo rehetra ka apetraho ao amin'ny paosin'ny palitaonareo izany mandra-pahavakiko an'ity, hitanareo, hiresahako eo amin'izany. Henoy tsara mihitsy, ity no HOY NY TOMPO HOE:

Aoka ho mpanaraka ahy ianareo, tahaka ahy mihitsy. . . an'i Kristy. (Nilaza i Paoly hoe, “Manaraha ahy ianareo, tahaka ny anarahako mihitsy an'i Kristy.”)

Midera anareo aho ankehitriny, ry rahalahy, fa mahatsiaro ahy amin'ny zavatra rehetra ianareo, ary mitandrina an'ireo fitsipika, araka ny natolotro. . . ho anareo.

Fa tiako ho fantatrareo, fa ny lohan'ny lehilahy rehetra dia Kristy; ary ny lehilahy no lohan'ny vehivavy; ary Andriamanitra no lohan'i Kristy.

⁷⁵⁶ Hitanareo ve hoe ahoana ilay izy? Andriamanitra, Kristy, lehilahy, vehivavy. Ankehitriny:

Ny lehilahy rehetra izay mivavaka na maminany, ka manana ny lohany misarona, dia mahafa-boninahitra an'i Kristy.

Fa ny vehivavy rehetra izay mivavaka na maminany miaraka amin'ny lohany tsy misarona dia mahafa-boninahitra ny lohany: . . .

⁷⁵⁷ Ankehitriny dia alaintsika iray minitra fotsiny izany, ka haneho aminareo fa ny volo no fisaronany ho an'ny vehivavy:

. . . satria dia. . . dia toy ny efa voaharatra mihitsy aza izy. (Izany dia midika fa raha—raha hanapaka ny volony izy, amin'izay fotoana izay dia aoka hanaratra azy.)

Fa raha tsy misarona ny vehivavy, dia aoka hohetezana izy: (manety dia midika hoe manaratra, hitanareo). . .fa raha mahamenatra ho an'ny vehivavy ny hohetezana na haratana, dia aoka izy hisarona.

758 Ankehitriny dia ho tonga avy hatrany eo amin'ilay fanontaniana izay napetrakareo eto isika. Hitanareo? Eny àry, ankehitriny dia ratsy ho an'ny—ny ramatoa iray ny manapaka ny volony, araka ny Baiboly. Ankehitriny dia henoy mihitsy eto ary jereo raha tsy manome zò ara-dalàna ho an'ny lehilahy iray ny Baiboly mba handroaka ny vadiny raha manaratra ny volony izy, jereo raha marina izany na tsia.

Raha ny lehilahy iray. . .Fa ny lehilahy dia tsy tokony hanarana ny lohany tokoa (izany hoe, manana volo lava), satria izy dia ao amin'ny endrika sy ny voninahitr'Andriamanitra: fa ny vehivavy dia ao amin'ny voninahitry ny lehilahy. (Efa mba noeritretinareo ve izany?)

759 Te-hijanona eto aho ankehitriny, satria tiako hilentika tena tsara ity, hitanareo. Ary tsarovy ankehitriny, efa nahita vehivavy maha-te-ho tia an'aliny aho (mahafantatra azy ireo amin'izao fotoana izao, ary maro amin'izy ireo no mipetraka ato amin'ity fiangonana ity) izay manana volo fohy, izay Kristiana. Ary ny ametrahako an'izany dia tsy ianareo, ilay izy dia ny fomba nampianarana anareo. Hitanareo? Izay ilay izy. Ny mpitory teninareo no tsy niteny taminareo mihitsy an'ity. Fa raha tahaka an'izany ireo vehivavy eto amin'ny tabernakla amin'izay fotoana izay, dia meloka izy ireo. Hitanareo, satria azo antoka fa niteny tamin'izy ireo mikasika an'izany isika.

760 Ankehitriny, diniho ity ankehitriny:

. . .ny lehilahy. . .Fa . . .(andiny faha-7). . .Fa ny lehilahy. . .

761 Ankehitriny, iza no miteny eto? Ankehitriny, indray andro dia hoy ny ramatoa iray hoe, “Oh, Paoly dia antitra iray mpankahala vehivavy.”

762 Eny, ankehitriny raha mbola eo amin'io isika, dia ndao isika hamadika eto ao amin'ny Galatiana 1:8, ka hahita an'izay lazain'i Paoly mikasika an'ity, hitanareo, ao amin'ny Galatiana 1:8. Ho hitanareo fa i Paoly no niteny eto ao amin'ny Galatiana 1:8:

. . .na izahay aza, na anjely iray avy any an-danitra, no mitory filazantsara hafa noho izay efa norenesinareo, dia aoka izy ho voaozona.

763 Ankehitriny dia aza manome tsiny ahy, Izy omena tsiny, hitanareo.

Fa ny lehilahy dia tsy tokony hanarana ny lohany tokoa, satria izy dia ao amin'ny voninahitra sy ny

endrik'Andriamanitra: *fa ny vehivavy dia fa amin'ny voninahitra sy ny endriky ny lehilahy.*

764 Diniho ankehitriny ilay andininy manaraka:

Fa tsy ny vehivavy no nihavian'ny lehilahy; fa ny lehilahy no nihavian'ny vehivavy.

Tsy ny lehilahy koa no natao ho an'ny vehivavy; fa ny vehivavy no natao ho an'ny lehilahy.

765 Ankehitriny, tiako ny hilaza an'ity ankehitriny amin'ny tena fitiavana sy fahamoram-panahy, ary manantena aho fa azonareo ilay izy amin'ny fomba iray ihany izay ilazako an'ity. Fa Amerika . . . Satria mpandeha iraisam-pirenena iray aho, Amerika no manana ny iray amin'ireo fitsipika ambany indrindra, miety ho an'ireo vehivaviny amin'ny firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao. Paris, France dia afaka ny ho trano avo be iray eo ankilan'ny fomba izay hamelan'i Amerika an'ireo vehivaviny hanao. Fahafaham-baraka iray izany!

766 Efa fantatrareo ve fa ny andriamanitr'i Amerika dia vehivavy? Afaka manaporofa aminareo an'izany amin'ny alàlan'ity Baiboly ity aho. Marina izany. Fantatrareo ve fa tsy maintsy ho tahaka an'izany izy mba ahafahan'ny fiangonana Katolika mampiditra ny foto-pampianarany ny amin'i Maria virijiny?

767 Ankehitriny, raha tsy natao ho an'ny lehilahy ny vehivavy, tsy . . . Raha tsy natao ho an'ny vehivavy ny lehilahy, fa ny vehivavy no natao ho an'ny lehilahy, amin'izay fotoana izay dia ahoana no hanompoanareo vehivavy iray? Hitanareo? Ankehitriny, inona no nanao an'izany, izany dia nanomboka tao Paris ary nipetraka tao Hollywood. Ankehitriny dia Paris no tsy maintsy mankany Hollywood mba haka an'ireo modeliny sy haka an'ireo lamaodiny sy ny sisa, izany no fietren'ireo vehivavintsika Amerikana.

768 Inona izany? Tonga tena ambany ny firenentsika hany ka nanaisotra an'ireo asa tamin'ny lehilahy mihitsy aza izy ireo, ka nametraka vehivavy eto ao amin'ireo toerana ireo, hany ka ny sivifolo isan-jaton'izy ireo, saiky, dia mpivarotena. Ary miresaka mikasika an'ireo lehilahy izay vita ny aminy, azo antoka, izany dia satria nametraka vehivavy izy ireo eo amin'ny asan'izy ireo. Ary lasa tena ambany izy ireo hany ka nametraka vehivavy ho mpiasan'ny fandaminana eny an-dàlambe. Fahafaham-baraka ho an'ny firenena rehetra izany! Eny, tompoko. Inona no hataonareo mikasika an'izany?

769 “Inona no ataonao mikasika an'izany, Rahalahy Branham?” Tsy maintsy manaja an'izany aho, teratany Amerikana aho, manao an'izay lazain'ilay sefo be hatao aho. Raha izaho no mba . . . Raha ny—raha ny fianakaviana iray no mba manary ny fanajany an'ily fianakaviana (ireo ankizy manary ny fanajany ny raiamandreny), dia ho potika torotoro izany fianakaviana

izany. Raha ny—raha mba manary ny fanajany ny pasiterany ny fiangonana iray, ahoana fa vita ny amin'izany fiangonana izany. Ary raha manary ny fanajany ny fitsarana tampony sy ny fanapahan-keviny ny firenena iray, dia ho vita potipotika ny amin'izany firenena izany. Tena marina tokoa izany. Tsy maintsy manaja an'ireo zavatra ireo isika satria izy ireo no sefo be, hitanareo. Fa tsy tsara ilay izy tany am-piandohana. Tanteraka tokoa!

⁷⁷⁰ Efa fantatrearo ve fa ny lehilahy ao amin'ny Baiboly . . . an'ny Genesisy, ny toko faha-1, rehefa namorona ny vehivavy sy—sy ny lehilahy Andriamanitra, ka nanao ny lehilahy sy ny vehivavy, dia niteny tamin'i Eva Andriamanitra fa “ny vadinao no hanapaka anao, ho mpanapaka anao”? Teneno eto Amerika izany dia jereo hoe ho tonga aiza ianareo! Ry tovolahy, tsy izany ilay izy, ny vehivavy no manapaka ny lehilahy; tsy maintsy manao an'izany izy ireo, ireo toeram-panjakana dia voalamina . . .

⁷⁷¹ Afaka mitondra vehivavy aho, raha tsy maintsy, ao amin'ny efitro any, eo amin'ny roa ambin'ny folo, an'ireo vehivavy maotina . . . Tsy milaza aho hoe tsy tokony hiasa ny vehivavy rehetra indraindray; angamba manana vady iray marary izy ireo na tahaka an'izany, ka voatery hiasa izy ireo. Fa raha tsy voatery izy ireo, dia tsy tokony hanao an'izany. Ny toeran'izy ireo dia ao an-trano, ny lapa kelin'izy ireo, ao marina tokoa no tokony hisy azy ireo.

⁷⁷² Fa ny vehivavintsika Amerikana dia nomena tombontsoa handeha ka hihinana kisoa raha tsy izany dia maty. Na dia amin'ny biby rehetra sy ny sisa aza, rehefa mandresy io zavatra io, dia miseho izany ary mampietry an'ilay taranany manontolo.

⁷⁷³ Misy vorona kely iray any Afrika, ary vorona marani-doha kely iray izy.

⁷⁷⁴ Ankehitriny, mazàna, dia ilay vavy foana no ratsy tarehy indrindra amin'izy roa. Ilay lahy foana no tsara tarehy indrindra, ny diera lahy, ny ombimanga lahy, ny vorombola lahy, ny—ny akoho lahy, ary isan'andro dia ilay tena . . . Satria, ny vavy dia vorona an-trano. Mipetraka eo ambonin'ny akany izy, mitaiza an'ireo madinika keliny. Manova endrika ialàna amin'ny papango izy, ny bibilava, ny amboadia, inona koa, hitanareo, mitaiza an'ireo madinika keliny.

⁷⁷⁵ Fa ao amin'ny taranaka izay misy an'ilay . . . na ao amin'ny fananahana izay—izay—izay ny vehivavy, na ny vavy, no mandresy ao amin'ny hatsaran-tarehy, dia karazana fietrena iray foana izany. Any Afrika, alaivo ny vorona iray . . . Misy vorona kely iray any, ary hany tokana ao amin'ireo kontinanta izay fantatro, dia ny vavy no tsara tarehy kokoa noho ny lahy. Ary rehefa izany ilay izy . . . Io—io vorona io dia mpivarotena iray tsy ankitsahatra. Handeha eo izy ary hahita namana iray, ary mivoaka ka mametraka an'ilay andian'atody rehefa avy

miray amin'ilay anankiray, ary mamela an'ilay lahy hipetraka eo ambonin'ireo atody raha mbola mandeha sy mitady namana hafa iray izy. Tena marina tokoa izany. Hitanareo? Hitanareo ve izay tiako lazaina?

776 Eto, jereo ankehitriny, eto Amerika amin'izao andro izao, ireo vehivavintsika. Niteny tamiko ny lehilahy tanora iray avy any Kentucky, andro vitsy lasa izay, fa nisy vehivavy valonjato niasa tao amin'ny ozinina iray teto tany Kentucky. Dia hoy izy hoe, "Mety mahatsapa hianiana am-pahatokiana tokoa aho fa ny efajato amin'izy ireo dia mpivarotena an-dàlambe tanteraka tokoa, ary vehivavy manambady miaraka amin'ny zanaka." Zalahy anankiray no nitondra ny vadiny hivoaka tany ka nikapoka azy tamin'ny kesika iray, ary avy eo dia saika novonoiny izy. Ary nandeha ny anankiray hafa mba hitifitra lehilahy iray. Ary anankiray hafa nanindrona antsy sy niady. Tsy tokony hisy izany. Tsy tsara izany.

777 Avereno ao an-dakozia izay misy azy ny vehivavy, amin'izay fotoana izay dia hety tsara ny zavatra rehetra. Fa raha apetrakareo any amin'ny asam-panjakana any izy, dia vita ny aminy. Tante- . . . Tsy milaza aho fa . . .

778 Hampiakatra ny orony ireo vehivavy Amerikana ka hanao hoe, "Tsy misy na inona na inona ny amin'Izany." Ary, "Asehoy ahy." Izany tokoa, tsy maintsy manao an'izany ianareo, satria ny Baiboly no efa nilaza mialoha fa hanao an'izany ianareo. Tsy maintsy manao an'izany ianareo.

779 Ary teto rehefa . . . Nisy taloha, fotoana ela lasa izay, tao amin'ny fiangonana Metodista iray, raha nanapaka ny volony ny vehivavy iray, dia noroahina avy tao amin'ny fiangonana izy. Izany tokoa, nataon'izy ireo izany. Eny, tokoa. Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Pentekotista, izy rehetra ireo dia nanao an'izany taloha. Inona no nitranga?

780 Fantatrareo ve hoe nahoana? Manana an'ireo sarimbavy ianareo ao ambadik'ilay polipitra. Tena marina tokoa izany. Matahotra ny tapakilan-tsakafony ny olona iray. . . matahotra sao hanala azy ireo ianareo, handroaka azy ireo avy ao amin'ny fiangonana. Tsy nanana ny tena fahasahiana hijoro izy ireo, hijoro eo amin'ny Tenin'Andriamanitra na mandratra Izany na tsy nandratra Izany. Tena marina tokoa izany.

781 Henoy eto, ny lehilahy no mpanapaka. Aza mihevitra fa ianareo no hanapaka ny ankohonana. Tsy ianareo no mpanapaka ny ankohonana. Ianareo dia tanteraka tokoa. . . Tsy andevo iray ianareo ankehitriny, fa mpanampy iray. Ary Adama. . . Ny lehilahy no manana ny fanapahana ny vadiny, ary izy irery no tompon'andraikitra amin'ny vadiny. Hanao ny lehilahy hamaly nohon'ny vadiny Andriamanitra. Ankehitriny, vakio dia jereo raha milaza an'izany Andriamanitra ankehitriny.

Fa ny lehilahy dia tsy tokony hanarona ny lohany tokoa, satria izy dia ao amin'ny endrika sy ny voninahitr'Andriamanitra: . . .

782 Tsy vehivavy iray Andriamanitra, Andriamanitra dia Lehilahy iray. Fantatrareo ve rehefa manao an'i Maria viijiny sy io rehetra io izy ireo, ary ireo fanelan- . . . na ireo fanelanelanana sy ny sisa tahaka an'izany, ka mivavaka amin'i Maria virijiny, fantatrareo ve hoe mampahatsiahy ahy inona izany? Ilay andriamanibavy Diana malaza, izay nanarin'i Paoly ary noroahiny. Marina izany. Hoy izy hoe, "Nahoana, tsy vehivavy Andriamanitra!"

783 Vatolampy iray no latsaka teo amin'ny saha, dia nilaza izy ireo fa ilay andriamanibavy no nandatsaka ny sarivongany, izany no antony nahatonga ny vehivavy tao Korinto, sy ny tany, ilay . . . izay nanompo an'i Diana, te-ho lasa mpitory teny izy ireo.

784 Hoy izy ireo hoe, "Nahoana, ny fanahy no niteny taminay fa afaka mitory teny izahay."

785 Hoy izy hoe, "Inona? Avy taminareo ve no nihavian'ny Tenin'Andriamanitra, ary avy taminareo irery ihany? Raha misy olona mihevitra ny tenany ho ara-panahy na mpaminany iray, dia aoka ho fantany fa izay lazaiko dia didin'ny Tompo: aoka hangina ny vehivavy ary ho eo ambanin'ny fanekena ao ampiangonana, tsy hampianatra na hanana fahefana mihitsy." Marina tokoa izany! Izany no nolazain'ny Soratra. Hitanareo? Ary hanao andiana mpitory teny hamaly ny amin'izany Andriamanitra amin'ny Andron'ny Fitsarana.

786 Eny, henoy! Hoy ianareo hoe, "Eny, teneniko aminao, izany no nampianarina ahy." Mahafantatra tsaratsara kokoa ianareo! Marina izany. Raha ianareo na olona iray no manomboka maka daozi-panafody iray, ka misy olona iray miteny aminareo fa arsenika ilay izy, nefa ianareo—nefa mandroso ianareo ka mandray an'izany na ahoana na ahoana, dia fahadisoanareo manokana izany aorian'io. Hitanareo?

787 Henoy ity ankehitriny:

Fa tsy ny vehivavy no nihavian'ny lehilahy; fa ny lehilahy no nihavian'ny vehivavy.

Fa izany no mahamety ny vehivavy hanana fahefana eo amin'ny lohany nohon'ny amin'ny anjely.

788 Mamaky an'izany ve ny iray aminareo? Korintiana Voalohany, ny toko faha-11, ary ny andininy faha-10. Raha manamarika ianareo, "fahefana," (Nahoana?) "nohon'ny amin'ny anjely," Korintiana Voalohany, satria ny anjely dia lehilahy, ny iraka. Jereo, ilay izy dia "a" kely indray. Raha ny momba an'ireo Anjely, an'ireo Anjelin'ny Lanitra, dia "A" lehibe ilay izy, sora-baventy "A." Raha "a" kely ilay izy, dia anjely lehilahy izany.

Kanefa tsy misy lehilahy. . . na vehivavy, . . . tsy misy vehivavy raha tsy misy ny lehilahy—ny lehilahy, ao amin'ny Tompo.

Fa toy ny nihavian'ny vehivavy avy tamin'ny lehilahy, dia toy izany koa no nihavian'ny lehilahy avy tamin'ny vehivavy; . . . ny zavatra rehetra dia avy amin'Andriamanitra.

Tsarao . . . amin'ny tenanareo: mendrika ho an'ny vehivavy ve ny mivavaka amin'Andriamanitra (miaraka amin'ny volo fohy) tsy misarona? (eritrereto izany ankehitriny)

789 Diniho ankehitriny:

Tsy mampianatra anareo ve na dia ny natiora izy tenany aza, fa, raha manana volo lava ny lehilahy, . . .

790 Hoy ianareo, “Mikasika ny inona izany?” Volo. Tsy hitanareo ve izay resahan'i Paoly? Volo, volo lava! Raha . . . Tokony hanana volo lava ny vehivavy. Andininy faha-14 ankehitriny:

Tsy mampianatra anareo ve na dia ny natiora izy tenany aza, fa, raha manana volo lava ny lehilahy, izany dia henatra ho azy?

791 Azonareo ve ilay izy? Henatra ho an'ny lehilahy ny manana volo lava, fa ny veh- . . . toeran'ny vehivavy izany. Andriamanitra dia nanao ny lehilahy ho samihafa amin'ny vehivavy, ny fananahana na ao amin'ny endrika, ary ao amin'ny zavatra hafa. Tsy tokony hanao akanjo iray izy. . . Ny Baiboly no nilaza fa “Raha hanao pataloha fohy na fitafiana iray izay an'ny lehilahy ny vehivavy iray, dia fampisehoana vetaveta sy maloto ary fahalotoana eo anatrehan'Andriamanitra izany.” Ary hanao azy handoa ny amin'izany Andriamanitra. Iza no henoinareo? Fa ity ny Baiboly!

792 Ary mandeha eny ianareo ka manao hoe, “Nahoana, heveriko fa tsara ho . . . ny mahita vehivavy manao pataloha fohy.” Fa Andriamanitra dia nanao azy ireny ho hafa, mila azy ireny miakanjo hafa Izy.

793 Ary hoy ny Baiboly hoe, “Raha mba hanao fitafiana iray izay an'ny lehilahy ny vehivavy iray, dia fahavetavetana iray izany.” Fantatrareo ve hoe inona ny *fahavetavetana?* Izany dia “zavatra iray izay fahalotoana eo imason'Andriamanitra.” Ary ilay Jehovah Lehibe Izay mijery anareo ho toy ny zavatra maloto iray. . . Ary ny Baiboly no nilaza . . .

794 Ary ianareo izay milaza . . . Ny sasany aminareo ramatoa ankehitriny, ho anareo zazavavy tanora manodidina ny adolantsento, valo ambin'ny folo, roapolo taona, mamela azy ireo hivoaka eto miakanjo tahaka ny iakanjoany!

795 Ary ianareo, ihany koa, ry mama! Hitanareo? Rehefa mivoaka ianareo ka manao an'ireny pataloha fohy sy ny sisa

ireny ka miaina . . . ka mandeha eny an-dàlambe, ary—ary manao an'ireny akanjo ratsy izay amboarin'izy ireo amin'izao andro ankehitriny izao ireny, ary manao anareo ho zavatra iray tsy maha-izy anareo. Hitanareo? Ary mivoaka eo an-dàlambe eo ianareo toy ny tena manara-batana tanteraka, mety ho tsy manan-tsiny sy madio mihitsy ianareo eo anatrehan'ny vadinareo sy ny sisa, saingy raha mivoka eny an-dàlambe ianareo ka mijery anareo ny lehilahy iray satria mampiseho ny tenanareo tahaka an'izany ianareo, dia meloka ianareo, ary hamaly amin'ny Andron'ny Fitsarana nohon'ny fijangajangana tamin'ny lehilahy rehetra izay nijery anareo tahaka an'izany. Izany no nolazain'ny Baiboly.

796 Hoy ny Baiboly hoe, “Na iza na iza mijery vehivavy ka mitsiriritra azy, dia efa nijangajanga taminy sahady tao ampony,” ary meloka ianareo ka ho . . .

797 Tonga eo amin'ny fitsarana ianareo ka hanao hoe, “Tompo, Fantatrao ny foko; tsy nijangajanga mihitsy aho, niaina mahatoky tamin'ny vadiko aho.”

798 Fa hisy lehilahy iray eto, hisy anankiray hafa eto, anankiray hafa eto, iray hafa, iray hafa, dimy ambin'ny folo, roapolo, telopolo, efapolo amin'izy ireo no hitsangana eo hanao hoe, “Meloka amin'ny fijangajangana!” Nahoana? Nisy lehilahy vitsivitsy nijery anareo.

799 “Eny, tsy nisy nidirako tamin'izany.” Eny, nahoana ianareo no nampiseho ny tenanareo tahaka an'izany? Rehefa niteny taminareo Andriamanitra tsy hanao azy ireny, fahavetavetana iray ny manao an'izany, nefa mandeha ianareo ka mihaino ny *Iza No Tia An'I Susie*? Na inona ilay . . .

800 Efa hitanareo ve izay niseho tamin'ny vadin'io *Iza No Tia An'I Susie*? io? Ianareo rehetra dia nahita an'izany teto vao tsy ela akory izay tao amin'ny gazety. Rehefa tany Casper izahay, Wyoming, no nivoaka izany. Ary iza no anarany? Io zalahy izay . . . teo amin'io *Tianay I Susie* io, na inona—inona marina moa izany? Ilay . . . Oh, izay ijanonanareo rehetra any an-trano mba ho jerena ny Alarobia hariva ka tsy tonga amin'ny fivoriam-bavaka. Inona izany ankehitriny? *Tianay* . . . Inona ilay anaran'izany? [Hoy ny anabavy iray hoe, “*Tiako I Lucy*.”—Mpand.] *Tiako I Lucy*, ny vadiny dia natao ho . . . mihodinkodina, tratra tany Reno tany, Nevada, niaraka tamin'ny zazavavy iray mainty hoditra, niaina niaraka taminy nandritry ny taona maro. Nefa izany no ijanonanareo any an-trano mba ho jerena raha tokony handeha, hihaino ny Filazantsara. Niaiky an'izany ilay vehivavy. Oh, mamindrà fo! Tsy misy na inona na inona madio ankoatran'i Jesusy Kristy!

801 Ho tahiana ny fonareo, rahalahy, izaho—hiteny aminareo aho—ianareo zalahy, ny sasany amin'ireo . . . Hoy ianareo hoe, “Oh, oadray, jereo ilay kilasy.” Ny sasany amin'ireo—ireo voltora

tena ratsy indrindra izay ananantsika, ireo mpitsindroka, dia vorona tsara tarehy. Tsy afaka mitsara vorona iray amin'ny alàlan'ny volony ianareo, hitanareo. Noho izany dia tsarovy fotsiny izany. Oh, oadray!

802 Diniho ankehitriny:

Tsy *ny natiora mihitsy aza ve...* (izany io andininy faha-14 io) . . . *no mampianatra anareo, fa*, henatra ho an'ny lehilahy ny manana volo lava? (An'ny vehivavy izany.)

Fa raha manana volo lava ny vehivavy, dia voninahitra ho azy izany: . . .

803 Ankehitriny dia inona no resahany? Satroka iray izay anaovanareo vahoaka Katolika ao am-piangonana ve? Tsia tokoa! Saron-doha kely iray eo an-tampon'ny lohanareo, miaraka amin'ny mosara iray ve? Miresaka ny amin'ny volonareo izy!

804 Ankehitriny! Ary raha manapaka ny volony ny vehivavy, dia manapaka ny voninahiny izy, ary tsy avela hankeo amin'ny alitara mba hivavaka. Hitanareo, izany mihitsy no voalaza eto, “Zavatra mety amin'ny vehivavy ve ny mandeha mivavaka miaraka amin'ny loha tsy misarona?” Milaza izy eto, manao hoe, “Eny, tsy maintsy manapaka ny volony izy.” Noho izany dia aoka izy haratana halama raha izany. “Ary raha haratana halama izy,” hoy izy, “dia fahafaham-baraka iray izany, henatra ho an'ny vehivavy ny manao an'izany.” Noho izany dia hoy izy, “Tokony hisarona izy.” Ankehitriny, izaho fotsiny dia—mamaky fotsiny ny taratazin'i Paoly aho. Ianareo rehetra, miankina aminareo izany, hitanareo.

Fa raha manana volo lava ny vehivavy, dia voninahitra ho azy izany: fa ny volony no nomena ho azy ho fisaronana.

805 Nilaza ve izany fa nomena satroka iray izy? Ianareo vahoaka Katolika na ianareo Protestanta, ny iray aminareo, izay mandeha any am-piangonana ka te-hanao satroka, manao hoe, “Eny, mandeha any am-piangonana aho, tokony hanao satroka iray.” Tsia, tokony hamela ny volonareo haniry ianareo. Izany ilay fahasamihafana. Hitanareo?

. . . *fa ny volo no nomena ho azy ho fisaronana.* (Ary henatra ho azy ny ho tonga ao am-piangonana tsy misarona, ny mandeha eny amin'ny alitara hivavaka.)

Fa raha misy olona izay toy ny—toy ny... (Tsy mino aho fa afaka hanonona an'ilay teny, m-i-f-a-n- . . .) . . . *Mifanditra—mifanditra* (fantatrareo hoe inona ny mifanditra), *dia tsy manana an'izany fanao izany isika, na ny Fiangonan'Andriamanitra koa aza.*

⁸⁰⁶ Ankehitriny raha te-hiady hevitra mikasika an'izany ianareo, dia miadia hevitra amin'Ity. Eny àry, raha te-hifanditra mikasika an'izany ianareo hoe, "Oh, tsy manao fahasamihafana izany. Ndao isika hamela azy ireo handroso. Nahoana, heveriko fa tsinontsinona izany. Izaho... Ilay izy dia tsy ny volo, na ahoana na ahoana, ilay izy dia ny fo." Marina izany; raha tsara ny fo, dia ho tsara ny volo (Ah-hah).

⁸⁰⁷ Mandrosoa, raha te-hifanditra ianareo, hoy i Paoly hoe, "Tsy manana an'izany fanao izany isika, na ny Fiangonan'Andriamanitra koa aza." Hoy izy, "Raha te-ho isan'ny lafin'i Kaina ianareo, eny, mandrosoa fotsiny." Fa Ity no nolazain'i Paoly.

⁸⁰⁸ Oh, ary tsy te-hihomehy aho, satria tsy zavatra ihomehezana izany. Fa miteny aminareo sakaiza aho, henatra ny mahita ny fomba namelàna hanao an'ireo zavatra ireo. Izaho . . .

⁸⁰⁹ Henoy! Ho anareo, ry anabavy malalako, tiako ianareo ho lasa ny tsara indrindranareo ary ho ny tsara indrindranareo, izany no tokony haha-izy anareo. Izany no tokony haha-izy anareo. Ary tokony ho mamy sy madio sy ny sisa arak'izay vitanareo ianareo rehefa tonga ny vadinareo, mitovy mihitsy amin'ny hoe malalan'ny fonareo io. Ary tokony hitsena azy eo am-baravarana ianareo miaraka mihitsy—miaraka mihitsy miaraka amin'ny oroka mamy ho azy tahaka ny tamin'ny andro izay nanorohanareo azy teo amin'ny alitara mba ho vadinareo. Marina izany. Tsy manome tsiny anareo ny amin'ny fahalasanana ny tsara indrindranareo sy mahatsara indrindranareo aho. Ary tiako ho tahaka an'izany ianareo, Andriamanitra no mahafantatra fa tiako.

⁸¹⁰ Teto fotoana vitsy lasa izay, niresaka tamin'i Jack Shuler aho. Iza no efa mba nandre ny amin'i Jack Shuler? Ilay mpitory teny malaza indrindra izay nananan'ny Metodista. Hoy izy hoe, "Tonga ny vehivavy iray ka nilaza . . . naloto tanteraka ny volo, ary nitsako siligaoma, ary teny amin'ny tapany ny akanjony, nanao hoe, 'Fantatrao, tsy mahazaka ahy intsony ny vadiko.'"

⁸¹¹ Hoy izy hoe, "Tsy manome tsiny azy aho."

⁸¹² Marina izany. Ankehitriny, fa ny tokony hataonareo, dia tokony ho ao amin'ny fanao tsara ianareo. Aza maka ny fahadiovana sy ny hatsaran-tarehinareo avy amin'ny Hollywood, alaivo avy ao amin'ny Baiboly izany, eo anatrehan'Andriamanitra. Aoka ho ramatoa iray, mihetseha tahaka ny ramatoa iray, miankanjoa tahaka ny ramatoa iray, aoka hadio. Mihetseha tahaka ny ramatoa iray, aza manao an'ireny . . .

⁸¹³ Ny lehilahy rehetra izay mamela ny vadiny hivoaka ka hanao an'ireny zavatra kely ireny eo anatrehan'ny lehilahy, ary ireny zavatra ratsy kely ireny . . . mivoaka eny amin'ny zaridaina ka manapaka ahi-maitso, sy ireo zavatra tahaka an'izany,

andriamatoa, miteny aminareo aho, rahalahy! Izaho tsy—tsy te-hasiaka aho, izaho . . . Andriamanitra no mahafantatra fa ny foko izany. Fa izaho tsy maintsy . . . tsy maintsy manova betsaka aho alohan'ny hamelako ny vadiko hanao an'izany. Izaho dia ho sefo any amin'ilay havoana any ela arak'izay vitako, hitanareo; ary rehefa tsy vitako, dia handeha hiala ao aho. Marina izany.

814 Oh, rahalahy, henatra sy fahafaham-baraka ho an'ny vehivavy ny manao an'izany. Ary izaho—izaho tsy te-hilaza, ranabavy . . . izaho—tsy manambany anareo aho, miezaka milaza fotsiny aho . . . Ny fiangonanay eto dia tsy manana mambra, tonga eto fotsiny ny olona. Fa ity dia tranon'Andriamanitra iray, ary miteny amin'ny olona tanteraka tokoa izahay mba tsy hanao an'ireny zavatra ireny. Hoe izany dia . . . hamaly ny amin'izany ianareo amin'ny Andron'ny Fitsarana. Diniho eto ankehitriny. Ary avelao haniry ny volonareo, hitanareo, ary aoka ho ramatoa iray.

815 Ankehitriny:

Ankehitriny ao amin'izany dia . . . milaza aminareo aho fa tsy midera anareo aho, satria tonga miaraka ianareo ho . . . tsy ho an'ny tsaratsara kokoa, fa ho an'ny ratsy kokoa.

Fa voalohany indrindra, rehefa tonga miaraka ao am-piangonana ianareo, dia reko fa misy fitokoana eo anivonareo; sy ny sisa . . . (mandeha eo amin'ny latabatra fandraisana izany ankehitriny)

816 Henoy Izany ankehitriny. Izany no antony mahatonga an'ireo anjely . . .

817 Ankehitriny, Rahalahy Palmer, tsy miteny aminao eo amin'ity horonam-peo ity aho hoe torio any ilay zavatra iray ihany izay ataoko eto. Fa fantatrao marimarina, ary satria mpitory teny iray ianao, dia fantatrao fa izany no Fahamarinana, rahalahy. Eny àry.

818 Noho izany ireo *anjely* eto dia ireo “lehilahy.” Raha manamarika an'izany ianao, Rahalahy Palmer, izany dia ao amin'ny litera kely, ireo “anjely.” Ary mandroso ny Baiboly . . . Miresaka ny amin'ny lehilahy sy ny vadiny izy, hitanareo, izany ilay lohahevitra.

819 Izany no mahatonga ny olona ho tena mikorontana amin'ny Baiboly, hoy izy ireo hoe, “Eny, milaza zavatra iray Andriamanitra *eto*, ary ny anankiray . . .” Tsia, ianareo—ianareo no mivoaka amin'ilay lohahevitra. Mijanòna tsara ao amin'ilay lohahevitra, izay ihany. Miresaka mikasika ny lehilahy sy ny vadiny izy.

820 Ankehitriny ny zavatra iray amboniny izay tiako raisina eto alohan'ny hamaranantsika mihitsy, hila eo amin'ny roa minitra eo izany ho ahy:

**74. Ho aiza ireo olo-masina aorian'ny fanjakana arivo taona?
Ary karazana vatana inona no ho azon'izy ireo?**

⁸²¹ Heveriko fa izany no fanontaniana mamy indrindra, tiako mihitsy izany. Ankehitriny ndao isika hijery ao amin'izany avy hatrany.

⁸²² Tamin'ny voalohany, Andriamanitra... Hiverina amin'ny fampianarantsika ny Hebreo mandritry ny minitra vitsy fotsiny isika. Andriamanitra dia io loharano lehibe, goavana an'ireo loko fito ireo. Firy no mahafantatra an'izany? Hitanareo? Ary firy no mahafantatra fa manana Fanahy fito Andriamanitra? Tanteraka tokoa, Fanahy fito. Ary nisy maso fito tao amin'ilay zanak'ondry, sy ny sisa, tonga miaraka io rehetra io ankehitriny. Hitanareo? Ankehitriny, Andriamanitra izany.

⁸²³ Ankehitriny rehefa Izy (ilay Logos) no nivoaka avy tao amin'Andriamanitra, izany dia Andriamanitra izay avy tao amin'io loharano anankiray goavana io nankao amin'ny vatana iray tamin'ny endriky ny—ny olona iray; ary izany no nanao an'ilay Logos, izay antsointsika hoe teofania.

⁸²⁴ Ankehitriny, raha raisinareo ilay teofania rehefa mijery an'izany ianareo, izany dia olona iray. Ankehitriny satria isika... Ankehitriny, tao no nisy antsika tany amin'ny voalohany. Ankehitriny, tsy azonareo ilay izy ankehitriny, fa tahaka an'izany ianareo tany amin'ny voalohany. Rehefa nanao ny olona... Rehefa nanao ny olona araka ny Endriny Andriamanitra, dia nanao azy ho teofania iray Izy. Ary nametraka azy fotsiny tao anatin'ny nofo Izy... Rehefa nanao ny olona araka ny Endriny Andriamanitra, tao amin'ny fitoviana Aminy, izy ireo dia... Ao amin'ny Genesisy 2, dia nisy... na Genesisy 1:28, mino aho fa izay ilay izy, “Tsy mbola nisy olona hiasa ny tany,” nefa Andriamanitra efa nanao lahy sy vavy. Marina izany, “Tsy nisy olona hiasa ny tany.”

⁸²⁵ Noho izany dia nampidin'Andriamanitra ambanimbany kely ny olona ary napetrany tao amin'ny fiainam-biby izy, izany dia ity vatana ity, tahaka ny biby fotsiny mba ahafahany miasa ny tany, ahafahany mikasika. Tsy mikasika io teofania io, tsy mahita izy, manandrana, manimbolo, mandre; ireto taovam-panamboloana izay ananantsika ireto. Noho izany dia napetrak'Andriamanitra teo ny olona mba—mba hikasika sy hahatsapa.

⁸²⁶ Ary—ary raha nandeha tao amin'ny sahan'i Edena izy, amin'ny maha-teofania iray aloha (tahaka ny Fanahy Masina ato ankehitriny izay mandeha ato), dia nitarika ny fiainam-biby izy. Nifehy ny zavatra rehetra izy, saingy tsy afaka niasa ny tany, hitanareo. Noho izany dia nametraka azy tao anatin'ny nofo Andriamanitra mba ahafahany miasa ny tany. Nanome azy an'ireo taovam-panamboloany dimy, mba hiasa ny tany sy hikarakara an'ireo—ireo tanim-boaloboka sy—sy ny sisa, ary

tamin'izany fotoana izany dia toy ny irery ny lehilahy. Oh, sary iray tsara tarehy izany.

⁸²⁷ Jereo, satria rehefa natao voalohany izy, dia natao olona roa miaraka. Natao lahy sy vavy izy, izany ny lehilahy. Ny Baiboly no nilaza fa izany izy. Andriamanitra dia nanao ny olona ho lahy sy vavy, “no Namoronany azy.” Mariho ankehitriny, rehefa nosarahina avy tamin'ilay teofania ny olona ka napetraka tao anatin'ny nofo, izy dia—tsy mbola feno izy teo; ilay ampahan'ny maha-izy azy dia mbola teofania iray, noho izany dia tsy nety tsara izy.

⁸²⁸ Nandeha teo ilay lahy sy vavy tao amin'ny ombivavy, nandeha teo ny soavaly, ary nandeha teo ny omby, ary nandeha teo ny zavatra hafa rehetra, tsiroaroa. Saingy i Adama, izy . . . izany dia . . . Hitanareo, nisy zavatra banga teo. Io tena faniriana mafy io mihitsy no naneho fa nisy namana iray niandry azy. Azonareo ve ilay izy? Ary ireo tena eritreritra mihitsy hoe tsy maintsy maty isika eto, hoe sahirana sy very hevitra isika, ary maniry mafy Fiainana iray izay tsy misy fahafatesana, no maneho fa izany no miandry antsika. Hitanareo?

⁸²⁹ Ary irery i Adama. Ary Andriamanitra, mba haneho fa tsy azo sarahina izy ireo . . . Ankehitriny dia hiverina amin'io zavatra iray io ihany aho, iray segondra fotsiny.

⁸³⁰ Jereo, tsy nandeha mihitsy Izy ka naka vovoka ary nanao Eva iray, fa Nataony avy tamin'ilay vovoka tany am-boalohany, i Adama. Naka taolana iray avy tao amin'ny tehezany Izy ka nanao mpanampy iray ho azy, ary i Eva izany. Natao ho an'ny lehilahy izy, ary ampahan'ilay lehilahy. Ampahany izy tany amin'ny voalohany, tao amin'ny famoronana, tao amin'ny teofania iray. Ampahany izy eto ao amin'ity famoronana ity. Tsy mety ho voasaraka ao amin'ny famoronana hafa iray izy, tsy maintsy natao tao amin'ilay famoronana iray ihany izy.

⁸³¹ Izany marina tokoa no tsy maintsy naha-tena ilay Olona iray ihany an'i Kristy sy Andriamanitra, tsy mety ho zavatra samihafa izany. Raha olona tsara iray na mpaminany iray Izy, dia tsy ho Mpanavotra iray Izy; Izy dia tsy maintsy ho ny Mpamorona Izy tenany. Fa mbola teofania iray foana Izy ankehitriny, hitanareo, ary tahaka ny naha-izy Azy tamin'izany.

⁸³² Ankehitriny dia tonga teto ny olona iray ary izy—nahafinaritra izy; ary tian'Andriamanitra izany, hoy Izy hoe, “Tsara tarehy izany, aoka ho eny ambonin'ny tany izy ireo ka hiaina any mandrakizay. Izay ihany; mandritry—mandritry ny Mandrakizay, ary mitohy sy mitohy ary mitohy. Aoka hitombo izy, ary hamao ny zava-maniry rehetra, sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Ary aoka ny olona ho velona, ary ny biby ho velona, sy ny zavatra hafa rehetra, mandrakizay sy mandrakizay. Tena tsara izany.” Hitanareo?

⁸³³ Ary avy eo dia niditra ny fahotana. Ary tiako ny hanao an'ity fanambarana ity. Ao amin'ny . . . Marobe ny olona manao fahadisoana tahaka an'izany eo amin'ity Soratra anankiray ity, ary izany dia ao amin'ny Salamo faha-23. Tahaka an'izao no amakian'izy ireo an'izany, “Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha *maizin'*ny aloky ny fahafatesana aza aho.” Ankehitriny, tsy misy ny zavatra tahaka an'izany. Ny Baiboly dia tsy milaza, hoe, “Ny aloka *maizin'*ny lohasaha . . . ny lohasaha *maizin'*ny aloky ny fahafatesana.”

⁸³⁴ Hoy Izy, “Na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho.” Ankehitriny, alohan'ny ahafahan'izany ho aloka iray, dia tsy maintsy misy hazavana mba hanao an'ilay aloka. Hitanareo, satria mpaminany iray i Davida ary teo ambanin'ny hosotra, dia tsy nanao fahadisoana iray izy, nilaza ny Fahamarinana fotsiny izy: “Eny, na dia izaho aza . . .” tsy hoe, mandeha mamaky ny lohasaha *maizina*, fa, “mamaky ny lohasaha *aloky* ny fahafatesana.”

⁸³⁵ Noho izany dia tsy maintsy manana isan-jatony iray an'ny hazavana ianareo mba hanao aloka iray. Ary tahaka an'izany ilay izy eto. Isika dia ara-boajanahary sy ivelan'ny voajanahary. Ity vatana ity dia eo ambany fifehezan'ny fahafatesana, ary nateraky ny vehivavy iray; tsy avy tamin'ny inona na inona afa-tsy tamin'ny alàlan'ny . . . Tsy avy tamin'Andriamanitra, famokarana indray avy tamin'i Adama sy Eva ianareo. Na mainty, fotsy, na inona ianareo na inona, dia famokarana iray ianareo, solofo iray avy tamin'i Adama sy Eva. Izany no manao ny vatanareo hoe “nateraka tamin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga eto amin'izao tontolo izao miteny lainga.” Voaozona sy voaheloka ianareo tany amin'ny fiandohan'ny fiainanareo, tsy nisy akory aza, tsy nanana anjara iray.

⁸³⁶ Ankehitriny, satria ilay fanahy izay anananareo dia tonga aminareo tamin'ny alàlan'ny natiora, ary tamin'ny alàlan'ny natiora tonga avy tamin'ny firaisana ara-nofo, dia ny filàn'ny lehilahy sy vehivavy no mamokatra zanaka avy eto an-tany iray. Ary avelao hipetraka tsara io zaza io, ka aza mampianatra azy na inona na inona tsara, fa ho lasa ratsy izy. Aza mampianatra azy na ny tsara na ny ratsy, fa haka an'izay ratsy izy. Satria efa natiorany ny manao an'izany.

⁸³⁷ Diniho ny zazakely antitra iray, tsy avo mihoatra an'izao, lasa tena tezitra fotsiny; izy fotsiny dia . . . izy—hamolapolaka ny tànany izy, ary hivadika mena eo amin'ny tarehy, ka hihazona ny fofon'ainy. Azo antoka. Inona izany? Izany no natiorany. Azony avy tamin'ny papany sy ny mamany izany, ny anankiray; nanana fahatezerana betsaka iadivana amin'ny tsofa mihodina izy, na ny dadany. Raha tsy izy ireo izany, dia ny raibeny na ny renibeny. Hitanareo, solofo izy.

⁸³⁸ Koa izany no manao... Teraka tao amin'izao tontolo izao ianareo. Tonga tamin'ny alàlan'ny natiora ianareo, ary ny maha-izy anareo manontolo dia mainty sy maloto, sy voaheloka, sy voaozona ary handeha any amin'ny helo. Marina izany!

⁸³⁹ Fa rehefa nateraka indray ianareo, amin'izay fotoana izay dia ny Hazavan'Andriamanitra no mamiratra ao amin'io aina io (haleloia) amin'izay fotoana izay dia tsy lohasaha maizina intsony izany, fa lohasaha miaraka amin'ny aloka iray ao anatin'ny. Mety ho voasaron'ny nofo ianareo eto, ary manarona ny tarehintsika ireo zavatra, saingy misy Hazavana betsaka ao anatin'ny ao. Ary indray andro any dia tsy maintsy hisaraka io Hazavana sy aizina io! Ary rehefa mamiratra ny hazavana, dia mandositra ny aizina. Ary rehefa handeha hiaraka amin'i Kristy isika ao amin'io vatana io, dia manjavona ny aizina sy ny fahafatesana, ary mivoaka ao anatin'ny Hazavana tanteraka isika. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Eo isika izao; tsy misy aretina intsony, tsy misy aizina intsony mifangaro amin'izany.

⁸⁴⁰ Izao ankehitriny izao dia manana aretina sy fifaliana isika, ary manana fahasalamana sy hery, ary manana ny *miditra* sy *mivoaka* isika, sy ny *ambony* sy *ambany*, ary fifaliana sy alahelo, sy ny sisa. Eny, aloka iray fotsiny izany. Manana hazavana betsaka isika mba hahafantatra fa misy Hazavana eo; ary mbola ao anatin'ny vatana foana isika, ao amin'ny nofo. Fa indray andro any dia hiposaka ilay Andro. Izany dia rehefa mipetraka eo an-tongom-pandriana ilay anjelin'ny fahafatesana, izany dia rehefa milaza ny dokotera fa vita ny rehetra; ary ity ara-boajanahary ity dia misaraka amin'ilay ivelan'ny voajanahary, ka miposaka hankany amin'ny Hazavana ilay hazavana, ary ny aizina miverina mankany amin'ny aizina. Amin'izay fotoana izay ity mety maty ity dia mitafy ny tsi-fahafatesana. Izany dia rehefa mitafy ny tsi-fahalòvana ity fahalòvana ity. Izany dia rehefa mitafy ny tsi-fahafatesana ity mety maty ity, ka isika dia lasa avy amin'ny famoronan'ny fotoana ho amin'ny famoronan'ny Mandrakizay. Tsy afaka mandeha any miaraka amin'ny aizina manontolo ianareo, tsy maintsy manana hazavana ianareo ao amin'ny aizina. Eo ianareo izao. Izany ilay vatana izay raisinareo.

⁸⁴¹ Inona no ataontsika? Eny, ry rahalahiko masina malala, ry anabaviko masina malala, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa namorona anareo araka ny Endriny Andriamanitra, na namorona ny—ny olona araka ny Endriny, ka namorona ny vehivavy araka ny endriky ny lehilahy ho voninahitry ny lehilahy, dia nanao anareo ho teofania iray Izy. Tahaka ny Tenany mihitsy, rehefa hoy Izy hoe “ndao Isika” tamin'ireo zava-manan'aina izay Nataony, “ndao Isika hanao olona araka ny Endritsika Manokana, amin'ny fitoviana Amintsika, teofania iray.” Tsy mbola lasa nofo mihitsy Andriamanitra, tao amin'ny teofania iray Izy.

842 Ary nahita Azy i Mosesy. Niantsoantso i Mosesy hoe, “Tampo, avelao aho hahita Anao.”

843 Hoy Izy hoe, “Mandehana any ka miafena ao anatin’ny vatolampy, ao amin’ily antsefatsefany.” Dia niditra tao amin’io antsefatsefany io i Mosesy; ary rehefa nandalo Andriamanitra, ny tselatra sy ny kotroka . . . Ary raha nandalo Andriamanitra, dia nanatodika ny Lamosiny tahaka an’izao Izy.

Dia hoy i Mosesy hoe, “Izany dia lamosin’ny Lehilahy iray.” Haleloia!

844 Iza Izany? Ilay Melkizedeka izay nidina, ilay Mpanjakan’i Salema, tsy nanana ray na reny, tsy nanana fiandohan’andro na fiafaram-piainana. Izy izany! Ary nidina Izy. Izany ilay Anankiray izay niresaka tamin’i Abrahamana; izay namorona vatan’ny nofo kely iray ho Azy tahaka an’izany, ary “Fioo!” nitsoka tao anatin’izany, niditra tao anatin’izany, ary nidina ka nihinana zanak’omby, nisotro ronono avy tamin’ny ombivavy iray, ary nihinana dibera vitsivitsy sy mofo katsaka vitsivitsy. Ary ireo Anjely roa.

845 Ary rehefa nandeha tany izy ireo, io karazan-javatra rehetra io fotsiny dia, “Fioo!” nanjavona ary lasa.

846 Tsy nieritreritra an’izany mihitsy aho. Teto fotoana vitsy lasa izay, namahana bala tao amin’ny basy lava iray, nanana .22 rifle iray aho, izany dia .220 Swift iray. Ary ianareo rahalahy mpitifitra ato dia mahafantatra. Ilay bala kely, voam-bala valo amby efapolo izany, saiky tahaka an’izao fotsiny ny halavany, bala tsootra .22. Izany dia mamahana ao amin’ny tranom-bala iray .30-06. Ankehitriny aho . . . Ilay ozinina dia mamahana fotsiny ihany an’izany hahatratra any amin’ny efajato sy efatra arivo dian-tongotra isan-tsegondra. Eny àry, saingy afaka mametraka betsaka ianareo . . . ianareo ihany no mamahana azy, ka afaka hampakatra azy hatrany amin’ny dimy arivo dian-tongotra isan-tsegondra. Ary—ary raha tsy izany, raha nitifitra ianareo . . . Nitifitra izahay, indray andro, tany amin’ny roanjato yards, ka nahavao ny vovoka ilay bala, hanidina izany alohan’ny handrenesana ny akon’ily basy mihitsy. Izany hoe haingana toy ny ahoana ilay izy.

847 Avy eo dia alaivo ny fisokira-nify iray (fantatrareo, ilay ampahany fisaka eo amin’ny fisokira-nify iray) ka atsofohy ao anatin’ny vanjanareo ary ataovy feno vanja io zavatra io, eo amin’ny vaingany kely efatra na dimy, ary apetraho eo amin’ny tampony izany, ary avy eo dia apetraho ao anatiny ao ny balanareo. Mijoroa eo, fa mahazo bala iray ianareo eo an-tananareo ao anatin’ny iray segondra. Ary tifiro eo ilay biby mpikiky hazo izay mipetraka any amin’ny roanjato dian-tongotra avy eo aminareo, fa tsy hihetsika akory aza ilay biby kely mpikiky hazo. Hiverina any amin’ny toerany tany am-boalohany ilay bala, miverina ho entona. Ity misy bala izay

varahina mena sy firaka mainty nafangaro miaraka, fa piti-tsegondra iray, dia hiverina izy hany ka tsy hahita azy intsony indray ianareo. Niverina tahaka azy tany amin'ny an-jatony lavitrisa taona lasa tany izy, niverina ho entona. Tsy maintsy hivaingana ireo entona ireo ka hiverina ho varahina mena sy firaka mainty, sy ny sisa, tahaka an'izany. Tsy maintsy mipetraka ireo entona ireo.

⁸⁴⁸ Ankehitriny, eo ianareo izao. Tahaka an'izany isika eto, avy tany amin'ny vatana iray avo kokoa isika. Tany amin'ny voalohany dia araka ny endrik'Andriamanitra isika. Ny voaly sy ny aizina no nanakana antsika tsy hahafantatra an'izany ankehitriny. Fa Jesosy dia niteny tamin'ireo mpianany fa Izy “dia efa niaraka tamin'izy ireo talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.” Hitanareo? Izany isika! Tsy afaka mahafantatra an'izany ianareo ankehitriny, fa efa tany amin'ny voalohany ianareo. “Ary raha ravàna ity tabernakelin'ny tany ity, dia manana anankiray efa miandry isika!” Haleloia! Ary amin'izay fotoana izay isika dia miditra ao amin'io teofania io, izay niainantsika fahiny, mba ahafahantsika mihinana sy mandray tànana. Ary ireo fanahy eo ambanin'ny alitara dia miantsoantso hoe, “Mandra-pahoviana, Tompo?”

⁸⁴⁹ Misy fito ireo zana-tohatra izay mandeha mankany amin'Andriamanitra, ho an'ireo Fanahy fito raha—raha midina Izany. Eny àry, raha mandeha eo ambanin'ny alitaran'Andriamanitra ianareo, dia niantsoantso izy ireo hoe, “Tompo, mandra-pahoviana? Afaka miverina ve izahay, avy eto ambany eto?”

⁸⁵⁰ Hoy Andriamanitra hoe, “Mandritry ny vanim-potoana kely iray fotsiny, mandra-piaritr'ireo namanareo an'ilay zavatra iray ihany izay niaretanareo.” Hitanareo?

⁸⁵¹ Ary avy eo dia miverina ireo fanahy ireo, ary lasa lehilahy sy vehivavy indray izy ireo, ary velona mandrakizay rehefa manjavona ny aizina rehetra sy ny fahafatesana sy ny aretina sy ny alahelo'ny fahamaizinana; tsy misy aloka intsony, hazavan'ny masoandro tanteraka tokoa izany!

⁸⁵² Henoy. Ity izany. Avelao izy ho maizina arak'izay tiany hahamaizina azy; tsy mety ho lasa tena maizina loatra izany hany ka ny masoandro no hanamontsana ny aizina kely tsirairay. Tsy afaka miara-monina ny aizina sy ny hazavana. Satria ny... Iza no mahery indrindra? Ny hazavana izany. Ary rehefa mamiratra ny hazavana, dia mandositra ny aizina. Amena. Tsy faly ve ianareo? Tsy faly ve ianareo fa mahafantatra? Tsy isalasalana, tsy misy aloka iray na aiza na aiza. Fa io Hazavana voatahy izay ao am-pontsika izao ankehitriny izao io, dia zavatra iray izay mijoro vavolombelona hoe: ny Zanak'Andriamanitra, ny herin'Andriamanitra.

853 Ary mandeha eto isika, mandinika an'ilay herin'ny Fanahy Masina midina ka miditra ao anatin'ny fivoriana iray, ary manao hoe, "Ianao no Rtoa. *Izao-sy-izao*, hoe ianao dia nanao zavatra *izao*, tao amin'ny toerana *izao*. Efa tratran'io ianao hatramin'*izao*, saingy HOY NY TOMPO HOE, 'Mitsangàna, sitrana ianao.'" Ary mitsangana ny kilemaina sy jamba iray. Ary ny alok'olona iray, lanin'ny homamiadana, dia mitsangana ho amin'ny fiainana sy fahasalamana vaovao indray.

854 Tsy misy fisalasalana, hoy Jesosy hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa." Ary hoy Izy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho Amiko."

855 Inona izany? Izany no Hazavana izay tonga mifangaro ao amin'io aizina io, hitanareo, mba hanavotra antsika. Azonareo ve izay tiako lazaina?

856 Ankehitriny, indray andro any dia hiverina any avy hatrany, ary amin'izay fotoana izay rehefa lasa nofo tsy mety maty indray ilay teofania tahaka ny naha-izy azy tany amin'ny voalohany, amin'izay fotoana izay dia tonga Jesosy, ary Andriamanitra . . . rehefa ho iray Kristy. Hipetraka eo amin'ny Seza fiandrianana Kristy, ary ho olombelona ny olona rehetra. Ho eo ambonin'ny seza fiandrianan'i Davida Kristy, Lehilahy iray, ny Tompo Jesosy; tsy ho faty intsony. Tsy ho faty intsony isika, tsy harary intsony isika, tsy hanana alahelo intsony, ary ho velona mandritry ny arivo taona isika.

857 Ary rehefa tapitra ireo arivo taona eto amin'ity tany ity, amin'izay fotoana izay dia hiseho ny devoly; ary tonga ny fitsanganana faharoa, ny fitsanganan'ny tsi-marina. Hanangona tafika lehibe iray tahaka ny fasiky ny ranomasina izy ireo, ary ho tonga hanodidina ny tobin'ireo olo-masina, ary rehefa tonga izany, dia mandrotsaka afo sy solifara avy any an-danitra Andriamanitra ka mandevona azy ireo.

858 Ary hoy i Jaona hoe, "Nahita lanitra vaovao sy tany vaovao aho, fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary tsy nisy ranomasina intsony. Ary izaho, Jaona, dia nahita ny Tanàna Masina, ilay Jerosalema Vaovao, nidina avy tamin'Andriamanitra any An-danitra, voamana tahaka ny ampakarina efa nihaingo ho an'ny vadiny." Eo ianareo izao.

859 Nilaza izy teo hoe, "Ny vadiny. . . Ny Zanak'ondry sy ny Ampakarina dia ho ao mandrakizay." Hisy tany vaovao iray, antapitrisany sy an-tapitrisany maily tora-droa. Oh, oadray. Ilay Tanàna, ny Baiboly dia mandrefy an'ilay Tanàna ho dimy arivo sy iray alina maily tora-droa. Izany dia dimy arivo sy iray alina maily ny halavany, dimy arivo sy iray alina maily ny sakany, ary dimy arivo sy iray alina maily ny haavony. Izany marina tokoa no famaritana omen'ny Baiboly an'ilay Tanàna. Tsy mahagaga raha tsy misy ranomasina intsony, tsy nisy toerana ho an'izany.

⁸⁶⁰ Oh, ho tena hatsaran-tarehy izany! Ary ao anatiny ao, dia misy loharano iray mihitsy eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra, izay mikoriana eo anoloan'ilay Seza fiandrianana. Misy hazo iray eo amin'ny ilany rehetra an'ilay hazo. . . an'ilay reniranon'Aina. Ary eo amin'io hazo io dia misy voa roa ambin'ny folo samihafa, ary mamoa ny voany isambolana.

⁸⁶¹ Eo ireo loholona efatra amby roapolo. Eo ny Ampakarina. Eo ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, ireo ionoky ny tempoly. Oh rahalahy, handeha any ho any isika! Mipetraka eo alohantsika ireo zavatra. Ireo efatra. . . Ireo loholona efatra amby roapolo. Ireo ionoka efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ny Ampakarina dia mipetraka miaraka amin'i Kristy. Oadray, miresaka ianareo. . . Ny Tranoko, Trano mamy! Amena.

⁸⁶² Ny mieritreritra fa manana tombontsoa handeha any aho, ary ianareo dia manana ny tombontsoa handeha any. Nefa nahoana ianareo no hisafidy ny handeha ao anatin'ity aizina ity sy tsy hahita Hazavana, ary ho faty sy hiditra ao anatin'ny fahapotohana ka ho lasa tsinontsinona? Fa rehefa mandray ny fahefany faratampony ny Hazavana, dia tsy misy toerana ho an'ny aizina. Mandehana dia tadiavo izay nalehan'ny aizina rehefa tonga ny hazavana. Tahaka an'izany ilay izy amin'izay fotoana izay, rehefa miverina amin'Andriamanitra ireo zavatra rehetra ireo. Izany dia nanana, nanana fiandohana iray ny aizina, manana fiafarana iray ny aizina. Ny hazavana dia tsy nanana fiandohana iray mihitsy na tsy manana fiafarana iray mihitsy. Andriamanitra dia tsy nanana fiandohana iray mihitsy na tsy manana fiafarana iray mihitsy. Noho izany, indray andro any, izao tontolo rehetra simba izao miaraka amin'ny fahotany sy ny hatsaran-tarehiny, mody antsoina, ary ireo zava-poroniny sy ny fahatsapany rehetra, sy ny famitahany rehetra sy ny sisa dia ho levona ao amin'ny tsinontsinona, ary tsy hisy intsony izany. Tsy hisy intsony izany, tsy hisy fisainana an'izany intsony! Voalaza, mihitsy aza hoe, "Tsy hisy fahatsiarovana an'izany intsony akory aza."

⁸⁶³ Fa ireo notahian'ny Tompo no hiaraka Aminy foana. Hanana vatana mitovy amin'ny Vatany be voninahitra Manokana isika; ary hiaina miaraka Aminy, sy hihinana miaraka Aminy, sy hipetraka miaraka Aminy, ary hitoetra miaraka Aminy mandrakizay sy mandrakizay ary mandritry ny fotoana tsy hay refesina; ka ireo taona Mandrakizay no handeha miaraka amin'ny tontolo tsy manam-pahataperana.

⁸⁶⁴ Ary manana safidy iray ianareo izao hariva izao. Raha tsy voamana hihaona amin'io toerana io ianareo, tsy mampaninona na impiroy no andehananareo any am-piangonana, na mambra tsara toy ny ahoana ianareo, dia very ianareo raha tsy Kristy no nanome anareo Fiainana vaovao ao anatin'ity aizina izay andehananareo ity. Mety ho mpivavaka ianareo. Mpivavaka,

henoy, ry sakaiza, ny fivavahana dia ara-tsaina. Hitanareo? Ireo zanak'i Kaina rehetra dia efa nanana fivavahana. Ireo Jiosy ireo dia efa nanana fivavahana iray rehefa tonga Jesosy, saingy nandà ny famonjena izy ireo.

⁸⁶⁵ Mety ho tena mpivavaka ianareo izao hariva izao. Mety ho Presbyterana ianareo, Metodista, Pentekotista, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana. Mety ho ara-pivavahana mihitsy ianareo; mandeha any amin'ny fiangonanareo ary mijoro vavolombelona, mety mihira sy mihiakiaka ary midera ny Tompo ianareo, mety mitondra ny fahafolon-karenanareo any amin'ny fiangonana ianareo, mety mitondra tsara ny mpiara-monina aminareo ianareo, tsy misy idiran'izany amin'ny fitodihanareo Mandrakizay izany. Nanao ny kely tsirairay tamin'izany i Kaina. Tanteraka tokoa.

⁸⁶⁶ Ny Baiboly dia nilaza fa “tonga miaraka ny vary sy ny tsimparifary.” Ilay andiam-bary antitra kely, mangetaheta orana mafy, ary ireo—ireo ahi-dratsy dia mangetaheta ihany koa. Rehefa tonga ny orana, dia tena faly tahaka ny vary ireo ahi-dratsy fa nahazo orana. “Fa, ny voany, no hahafantaranareo azy ireo.”

Ankehitriny dia ndao isika hivavaka raha mbola mandinika ny voanareo ianareo:

⁸⁶⁷ Ankehitriny, Ray, Andriamanitra, nisy fanontaniana sasantsasany sarotra teto izao hariva izao. Mety tsy nanao an'ilay zavatra marina aho, saingy tamin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako; Ianao no mahafantatra ny foko. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Handraisanao an'izany. Ary ankehitriny, angamba, tao amin'ny sasany amin'ireo fanontaniana ireo, raha tsy nahavita tsara azy ireo aho, amin'izay fotoana izay dia mitenena Ianao amin'ny fon'ny olona, ary Ianao no hanao azy ireo mihitsy arak'izay tokony haha-izy azy ireo. Tsapako fa Ianao no niteny tamiko. Fa raha sendra diso aho, amin'izay fotoana izay dia mamelà ahy Ianao.

⁸⁶⁸ Ary mivavaka aho, Andriamanitra, mba handraisanao amin'izy ireo an'ireo zavatra ireo ao am-pony, ary enga anie izy ireo hisaintsaina azy ireny ka hieritreritra tahaka an'izao hoe, “Eny, eo no misy ny fiangonana, eo no misy an'ireo zavatra ireo. Izany no nolazain'ny Baiboly.”

⁸⁶⁹ Angamba ireo ramatoa, Tompo, Ianao no mahafantatra fa tsy nikendry olona manokana mihitsy aho tamin'ny fitenenana azy ireo. Fa, Andriamanitra, izaho—tiako ireo anabaviko, ary Fantatrao izany, Ray. Fantatrao hoe toy ny ahoana ny isainako azy ireo. Fa ny mijoro ka miteny zavatra diso amin'izy ireo, izaho dia ho—ho mpamitaka iray amin'izy ireo. Tsy maniry ny ho mpamitaka iray aho amin'ireo anabaviko, te-hiteny amin'izy ireo ny Fahamarinana aho. Ary, Ray, alaiko avy hatrany avy amin'Ny Teninao Izany.

870 Ary ankehitriny dia tsy manameloka an'ireo rahalahiko aho, fa, Tompo, milaza aho fa diso izy ireo rehefa mamela an'ireo zavatra ireo. Ary raha nahafantatra hafa ilay ramatoa ka nandeha ary nanao an'ilay izy, amin'izay fotoana izay dia miankina aminy izany, tsy tompon'andraikitra ny pasitera.

871 Ilay Aba Ray, ireo zavatra ireo dia Ny Teninao, ary Anao izy ireo. Ankehitriny dia mitenena Ianao amin'ny fon'ny olona. Apetrako Aminao izy rehetra ireo. Ho hitako izay Nataonao, Ray; Ianao no mahafantatra. Mitenena amin'ny fo tsirairay. Mangataka amin'ny Anaran'i Kristy izahay.

Ary miaraka amin'ny lohantsika miondrika:

872 Manontany aho raha hanangana ny tãnany ny olona iray, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy fotsiny aho mba ahafahako ho mpandresy iray feno, ka amin'ny andro farany dia hanao an'ilay akanjon'ny mpanambady aho ka hiaraka amin'i Kristy." Hanangana ny tãnanareo ve ianareo, hanao hoe, "Mivavaha ho ahy"?

873 Ny olona rehetra hihazona ny lohany miondrika ankehitriny, ary miondreha fotsiny. Andriamanitra hitahy anao, tsara izany. Etsy, Andriamanitra hitahy anao, ry anabaviko; ary ireo rahalahiko, ihany koa, izay manangana ny tãnanareo. Mahafinaritra izany.

874 Ankehitriny, Ray, Ianao no mahita ny tãnan'izy ireo. (Fantatro, fa indraindray ianareo dia mieritreritra hoe, "Eny, vavaka kely tahaka an'izao fotsiny ve?") Andriamanitra, mieritreritra an'ilay reny aho, nilaza omaly hoe, "Vavaka kely fotsiny tao an-tranony tamin'ny andro izay naha-teo am-pahafatesana an'ilay zazalahy, telo herinandro mba hahavelomana, ilay fivontosana fetsy teo amin'ny ati-doha, ary ankehitriny dia manova an'ireo zavatra."

875 Mieritreritra an'i Hezekia aho, nanankina ny tarehiny teo amin'ny rindrina, ary nitomany hoe, "Tompo, miangavy Anao aho, mamindrà fo amiko. Tsarovy aho, satria nandeha teo Anatrehanao tamin'ny fo iray tanteraka aho." Izany no nanova ny fahafatesana ho fiainana.

876 Antsoantso iray avy amin'ilay Zanak'Andriamanitra hoe, "Lazarosy, mivoaha!" dia nivoaka ny lehilahy maty iray.

877 O Andriamanitra, hoy Ianao hoe, "Mitenena, mangataha, dia homena izany. Rehefa milaza zavatra iray ianareo, dia minoa fa hiseho izay lazainareo, dia ho azonareo izay lazainareo."

878 Ankehitriny, Ray, mivavaka aho mba hahazoan'ny tsirairay izay nanangana ny tãnany an'izay nananganany ny tãnany. Ary enga anie izy ireo ho voatahy. Ary Andriamanitra, mivavaka aho mba Hanampiana an'ireo anabavinay, mba hahatonga azy ireo. . . hamela azy ireo hitondra ny tenany, ka i Satana amin'ny alàlan'ny televiziona sy ireo magazina *True Story* sy ny sisa, izay

nampiasaina tena tamim-pahamaivanana, sy ireo fandaharana tsy voasivana, toy ny ahoana ilay loto sy faharatsiana eo amin'ny televiziona sy ny sisa, izay ho . . . Afaka ny ho fitaovana iray hahazoana fanahy an-tapitrisany ho Anao izany, saingy tsy voasivana toy ny ahoana izy ireo, ary mamoka an'ireo zavatra ratsy maloto rehetra ireo izay izy ireo . . . Oh, mampalahelo toy ny ahoana! Ary ny mahafantatra fa miditra sy manodidina an'ireo anabavinay ilay fanahin'ny devoly, ary miezaka ny hanao azy ireo ho lamaody ka mitafy tahaka an'izany.

⁸⁷⁹ Ary hitanay fa ao amin'ny . . . ao amin'ireo rahalahinay, ihany koa, Tompo, hoe ahoana fa mihevitra izy ireo fa afaka mifoka sy misotro, ary manao hadalana tahaka an'izany, nefa mbola Kristiana foana satria milaza izy ireo fa izy ireo dia “mino.” Aoka izy ireo hahafantatra fa “ny devoly dia mino, ihany koa.” Ary tsy voavonjy izy, “mino izy ary mangovitra.”

⁸⁸⁰ Ary ankehitriny, Ray, mivavaka izahay mba Hamindranao fo aminay rehetra, ka mamela anay ny amin'ny fahotanay, ary angamba tsy nanangana ny tãnany ny sasany, O Andriamanitra, mamindrà fo. Enga anie amin'ny fanararaotra manaraka izay ananan'izy ireo, eng a nie hanangana ny tãnany izy ireo.

⁸⁸¹ Miomana ny handray ny fandraisana izahay, Tompo. Mamelà anay nohon'ny helokay sy ireo fiainanay lasa. Ka eng a nie izahay handray avy amin'ny Fitahianao, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

⁸⁸² Ny Tompo hitahy anareo. Miala tsiny aho nihazona anareo tahaka an'izao. Manontany fotsiny aho, alohan'ny fandraisana mihitsy, raha misy olona iray tonga mba hivavahana, te-hivavahana, eny, ho faly izahay hanao an'izany amin'ity fotoana ity mihitsy, raha misy olona hivavahana.

⁸⁸³ Eny àry, rahalahy, ento miakatra avy hatrany izy, ho tsara izany. Ary vetivety fotsiny, ary avy eo isika dia—dia hirava isika. Ary rehefa mirava isika, amin'izay fotoana izay ireo izay te-hijanona ho an'ny fandraisana, dia afaka mijanona. Fa hanolotra vavaka ho an'ny marary isika izao ankehitriny izao. Inona no nolazain'ny Baiboly?

⁸⁸⁴ Raha tsy afaka mitsangana ilay rahalahy . . . Mety tsara izany, avelao fotsiny izy hipetraka eo, hanatona azy izahay. Mety tsara izany, avelao fotsiny izy hipetraka eo mihitsy. Dia hidina izahay ary hivavaka ho azy. Mety izany. Eny àry, tompoko, avelao fotsiny—avelao izy hipetraka eo mihitsy. Sarotra ho azy ny hitsangana eto, nahoana, ho faly izahay hanatona azy avy hatrany.

⁸⁸⁵ Ankehitriny dia te-hanao an'ity filazana kely ity aho, ry sakaiza malalako. Hitanareo, izaho—fantatro fa ny Tompo no efa nanaporofa an'izao hatrany sy hatrany imbetsaka. Hitanareo? Tsy mpitory teny malaza iray aho, tsy manana fianarana sy ny sisa aho. Tiako ny Tompo Jesosy, Andriamanitra no

mahafantatra fa tiako Izy. Fa ny zavatra anankiray izay niantsoana ahy mba hataoko, dia ny mivavaka ho an'ny marary. Mino an'izany ve ianareo? Talohan'ny mba nahafantarako mikasika ny fanomezam-pahasoavana mihitsy aza, dia nandeha tany amin'ny hopitaly teto aho taloha; ary tsaroako ireo mpampivelona nanao hoe, “Ho salama ianareo ankehitriny.” Hitanareo? Ary zavatra iray fotsiny, hoe efa tena niahy Andriamanitra ka nanome voninahitra an'ireo fivavahako ho an'ny olona.

⁸⁸⁶ Heveriko, izao hariva izao, fa raha ho antsoina izany, dia ny manerana an'izao tontolo izao manontolo no hipoaka hatraiza hatraiza eto amin'izao tontolo izao. Ka hilaza, fa ny olona rehetra izay nivavahan-dRahalahy Branham, tongava eto, dia tiako ianareo hanome valiny iray ho an'ny governemantan'i Etazonia, amin'ny taratasy iray. Ary dia ho fampitana iray manerana an'izao tontolo izao izany. Heveriko, angamba olona efatra na dimy tapitrisa no hamaly an'izany antso izany raha fantatra izany. Hitanareo?

⁸⁸⁷ Ary ireo olona ireo, na ny sasany tamin'izy ireo dia efa maty, napetrak'ireo dokotera, sy—sy ny mpikarakara faty. Ny sasany tamin'izy ireo dia maty tao anatin'ny lozam-pifamoivoizana; ny sasany tamin'izy ireo maty tamin'ny fahafatesana ara-boajanahary. Ny sasany tamin'izy ireo dia jamba, mandringa, kilemaina, torotoro, ory, ara-tsaina . . . tany amin'ireo hopitaly, tsy nahafantatra akory aza fa tao amin'ilay hopitaly izahay mba hivavaka ho azy ireo. Nampidirina izy ireo, tsy maintsy nentina izy ireo. Niady ny lâlany hivoahana izy ireo ary nanao ny tenany ho torotoro, tsy mahafantatra akory aza hoe aiza no misy azy. Tao anatin'ny dimy minitra, dia lasa ara-dalàna, malemy fanahy, olona tia, ary salama saina tamin'ny sisa tamin'ny andron'izy ireo. Hitanareo?

⁸⁸⁸ Izany dia . . . Inona izany? Tsy Rahalahy Branham izany. Jesosy Kristy izany, Izy no naniraka ahy hivavaka ho an'ny marary. Ankehitriny dia izany ilay izy. Tsy nahomby loatra izany teto Jeffersonville, satria, ity no antony. Ankehitriny, tiako ho fantatrareo fa ny ananako ny sakaizako akaiky indrindra sy tsara indrindra dia eto amin'ity tanàna ity mihitsy. Na dia ilay tanàna izy tenany aza, ilay fanjakan'ny tanàna, dia tsy tiako izy. Tsy tiako ity toerana ity, ary efa tsy tiako mihitsy; fony aho zazalahy kely iray, nipetraka, namaky ny bokin'ny tantarako, dia hoy aho hoe, “Hiala eto aho indray andro any.” Hitanareo?

⁸⁸⁹ Tsy tiako i Jeffersonville, honahona iray izy, ambany eto. Tena feno honahona izy, ary—ary tena ratsy. Miakara eto eny an-tampon'i Spickert Knobs na any ho any, dia mijere ambany mankany New Albany sy Jeffersonville, raha te-hahita ianareo. Jereo eto, ireo dokotera aza dia milaza mihitsy ankehitriny, hoe, “Ho lasa tsy ampy rà ny olona avy eto amin'ity lohasaha ity noho ilay toe-javatra.”

⁸⁹⁰ Ramatoa kely iray teto, Rtoa. Morgan, izay sitrana tamin'ny homamiadana, dia nitondra ny alikany tany amin'ny toeram-pitsaboana teto, nihevitra fa tratry ny lagaly izy. Fantatrarao ve hoe inona izany? Ireo fakofako avy amin'ny Colgates sy ny sisa eny amin'ireo ahitra izay nandalovany. Izy no toerana tsy mahasalama indrindra.

⁸⁹¹ Tao amin'ny Tafika ny lehilahy iray, nandeha teto ary tratra . . . Tratry ny sohiaka izy. Nandeha tany Florida teto ka lasa tena mainty ny masonry, dia nandeha nankany amin'ny dokotera izy, ary hoy izy hoe, “Dokotera . . .”

⁸⁹² Hoy ilay dokotera hoe, “Ankehitriny, niady ianao, sa tsy izany?”

⁸⁹³ Hoy izy hoe, “Tsia, tompoko, tsy niady aho.”

⁸⁹⁴ Raha tianareo ho fantatra hoe iza izany, ny anarany dia Herby. Ankehitriny, raha afaka mieritreritra fotsiny aho . . . Izany dia—izany dia ao amin'ny Union National Bank, any New Albany, mpamoaka sy mpandray vola izy. Mandehana fotsiny any dia jereo ilay anankiray atao hoe “Herby,” anontanio izy.

⁸⁹⁵ Ary nilaza izy . . . Lasa izy, hoy izy hoe, “Dokotera,” hoy izy, “tratry ny aretin'ny taolan'orona aho.”

⁸⁹⁶ Dia nandinika azy izy, hoy izy, “Marina izany.” Hoy izy hoe, “Noheveriko fa niady ianao.” Hoy izy, “Ry tovolahy, aiza ianao no mipetraka?”

⁸⁹⁷ Hoy izy hoe, “Mety tsy fantatrao ilay toerana,” hoy izy, “mipetraka ao amin'ny tanàna kely iray eo am-pitan'i Louisville aho, Kentucky, antsoina hoe New Albany, Indiana.”

⁸⁹⁸ Hoy izy, “Ny tianao lazaina amiko ve dia hoe tratran'ny aretin'ny taolan'orona avy tamin'ity rano masira eto Miami ity ianao, rehefa tonga?” Hoy izy, “Raha afaka mipetraka any Jeffersonville ianao, Indiana, na New Albany, Indiana, dia afaka mipetraka na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao izay andefasan'ny tafik'i Etazonia anao.” Izay ihany. Hitanareo?

⁸⁹⁹ Izany no toerana tsy mahasalama indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao, izay fantatro, afa-tsy ao amin'ireo honahona sasany misy malaria. Hitanareo? Ary izaho—izaho—izaho—manana sakaiza aho eto.

⁹⁰⁰ Jereo eto, afaka mandeha fotsiny aho ka miantso azy ireo tahaka an'izao. Jereo i Dr. Sam Adair, namako. Eny àry, misy an'i Mike Egan, mipetraka eo. Oh, oadray, firy no azoko hantsoina! Tena namana tsara an-jatony, sakaizako fahiny, izay nisakaizako . . . Tsy mampaninona na sakaiza firy no hitako, dia tsy misy na inona na inona haka ny toeran'ny namana fahiny iray. Fantatrarao izany.

⁹⁰¹ Misy ny reniko antitra mipetraka iry aoriana iry, tsy manana andro maro intsony ho an'ny tany, ao amin'ny faha-enimpolo taonany izy ankehitriny. Io ny renin'ny vadiko, fitopolo taona,

hiditra amin'ny iraika amby fitopolo taona; mipetraka eto any ho any, heveriko, izao hariva izao. Ary eo, handao azy. Milevina eto ny dadako; milevina eto ny vadiko ao amin'ny Walnut Ridge; mandry any ny zazakeliko. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁹⁰² Izaho—izaho—tsy tiako. . . izaho—izaho—izaho—tsy te-hijanona eto aho, ary mino aho fa tsy ho ela, avy hatrany, dia tsy maintsy hiala eto aho. Hitanareo, satria tonga tamiko izany, milaza an'izao eto amin'ny polipitra sy ny Baiboliko aho, tsy ankitsahatra.

⁹⁰³ Rehefa niteny tamin'ny vadiko aho, rehefa nanome anay ny vola hanorenana an'izany presbytera izany izy ireo izay natolotro ho an'ity fiangonana ity. . . Ity fiangonana ity no tompon'izany presbytera izany; mandehana any, dia jereo raha tsy izany ilay izy. Hitanareo, tsy tiako ny haka azy ho an'ny tenako.

⁹⁰⁴ Ankehitriny, rehefa hanorina aho, dia hoy i Meda hoe, “Te-hijanona eto aho nohon'ny reniko.”

⁹⁰⁵ Hoy aho hoe, “Malala, azo antoka mihitsy fa raha manao isika, dia hanenina ny amin'izany. Hitanao, tsy hety fotsiny izany. Andriamanitra no nilaza hoe, ‘Misaraha,’ dia tsy maintsy manao an'izany aho.”

⁹⁰⁶ Dia hoy izy, “Eny, ny reniko!”

⁹⁰⁷ Hoy aho hoe, “Ny reniko, ihany koa. ‘Fa izay tsy hahafoy ny azy manokana, ka manaraka Ahy, dia tsy mendrika ny hantsoina hoe Ahy.’ Ary marina izany.”

⁹⁰⁸ Indray andro any, tsy ho ela, dia tsapako fa tsy maintsy hifindra aho, izany hoe, handeha. Fa ity ny antony, tsy hety eto ireo fivoriana. Tsy hety tahaka ny ataony any an-kafa rehetra any izy, ary ny olona rehetra izay efa mba tao amin'ny fivoriana dia mahafantatra fa marina izany, satria eto mihitsy no tanindrazako manokana. Izay ilay izy.

⁹⁰⁹ Nilaza an'ilay zavatra iray ihany Jesosy rehefa tonga Izy.

⁹¹⁰ Hoy izy ireo hoe, “Iza io zalahy io? Tsy io ve no zanakalahin'ilay mpandrifitra eto? Sekoly inona no mba nandehanany? Taiza no nahazoany an'io fianarana io? Ankehitriny avelao aho hahita anao. . . Ianao no nilaza fa nanao fahagagana teto, avelao aho hahita anao manao an'ilay zavatra iray ihany eto. Izay nataonao tany Kapernaomy, dia avelao aho hahita anao manao an'izany eto.”

⁹¹¹ Hoy Jesosy hoe. . . “Talanjona Izy nohon'ny tsi-finoan'izy ireo.” Nitodika Izy ka nanao hoe, “Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, tsy misy mpaminany iray tsy mahazo valisoa raha tsy eo anivon'ny olony manokana ao amin'ny taniny manokana.” Marina ve izany?

⁹¹² Ary fantatsika. . . jereo i. . . Raiso i Finney, raiso i Sankey, Moody; raiso i John Wesley, tsy nety nahatafavoaka an'izany mihitsy, hitanareo, talohan'ny nandaozany ny fireneny. Jereo

i—jereo i—i—i Moody. Rehefa i Moody, mpanjaitra kiraron'i Boston, tsy afaka nandeha mihitsy, tonga tany Chicago izy talohan'ny nahalasa azy ho malaza. Hitanareo? Tsy maintsy nitondra an'izany niala tamin'ny azy manokana izy. Tsy maintsy hanao an'izany foana ianareo.

⁹¹³ Fa ankehitriny, eto, dia hamaly vavaka Andriamanitra raha hanadino ianareo fa William Branham izany (Hitanareo?), raha hanadino ianareo fa misy zavatra idiran'i William Branham amin'izany, anankiray fotsiny ihany mba hitsangana sy hivavaka ho anareo. Jesosy Kristy no efa nanao an'izay nangatahanareo mba hatao, raha hino an'izany fotsiny ianareo. Hitanareo? Tsy misy na inona na inona idiran'izany. . . tsy misy na inona na inona idirako amin'izany, hijoro vavolombelona fotsiny. Fa toy ny hoe rehefa avy nihalehibe teto niaraka taminareo, ary ianareo dia mahafantatra ny fahalemena rehetra izay ananako, sy ny fahadisoana rehetra izay ananako. . . Ary fantatrarao izay nataon'Andriamanitra, teto amin'ity tanàna ity mihitsy.

⁹¹⁴ Ity tanàna ity, amin'ny andron'ny fitsarana, dia hamaly amin'ny vidiny lehibe iray indray andro any, satria efa nisy fanasitranana an-jatony sy an-jatony teto mihitsy (Marina izany.), teto mihitsy. Ireo famantarana sy fahagagana, sy ny fisehoan'ilay Anjely tany, ary ireo gazety no namoaka an'izany sy ny sisa, nefa ny olona dia mbola tsy. . . Nahoana izany?

⁹¹⁵ Ankehitriny indray andro any, dia hiala eto aho. Manontany aho hoe: "Ho inona no fiafarako? Tapitra ve ilay izy? Saiky izay ihany ve ilay izy? Valo amby efapolo taona aho. Saiky tapitra mihitsy ve ilay izy?" Manontany an'izany aho. Raha izany ilay izy. . .

⁹¹⁶ Jereo, nahoana izao tontolo izao no tsy nahalala an'io sary etsy io? Nahoana izy ireo no tsy nahatakatra haingana mihitsy an'izany? Nahoana izy ireo no tsy mahatakatra an'ireo zavatra hafa ireo? Nahoana izy ireo no tsy mahatakatra an'ireo faminaniana sy ny sisa ireo? Fantatrarao, tsy afaka manao an'izany izy ireo ankehitriny, fa indray andro any dia handao an'izao tontolo izao aho, ary rehefa mandao aho, amin'izay fotoana izay dia hanaiky an'izany izy ireo. Ny sasany aminareo olona tanora dia hahalala an'izany aorian'ny andehana. Hitanareo? Fa Andriamanitra no tsy mamela an'izany ho vita ankehitriny. Hitanareo hoe inona. . . azonareo izay tiako lazaina. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

⁹¹⁷ . . . Fehin-tànan-jazavavy kely iray fotsiny. Afaka maka azy ny olona iray. Ary mino aho fa Rahalahy Sothmann no nilaza fa namela Baiboly iray teto izy tamin'ny fotoana farany naha-teto azy, mino aho. Nisy olona nahita Baiboly iray ve, ny—Baiboly iray tavela teto? Raha mahita ianareo, dia an-dRahalahy Fred Sothmann avy any Canada izany. Ankehitriny dia ndao isika hivavaka.

⁹¹⁸ Tompo, mamindrà fo, raha mitendry moramora ny zava-maneno ary Rahalahy Neville no hanosotra diloilo, dia handeha hametra-tànana eo amin'ny marary amin'ny Anaran'i Jesosy aho. Ekeo izany, Tompo, ho an'ny fahasitranan'izy ireo. Amena.

⁹¹⁹ Ny olona rehetra mivavaha, ankehitriny, ny rehetra. Eny àry.

Tompo, ilay anankiray kely, raha mitsangana ho azy eto ny raibeny. Tsy mahazaka ronono izy, ny ronono rehetra. Fa Ianao no manana ny Hery rehetra ary ity ankizy kely ity dia tsy afaka hanana finoana ho an'ny tenany. Ary noho izany, Tompo, manana finoana ho an'izany aho, miaraka amin'ireo raiamandreny sy ireo raibe sy renibe ka milaza izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy, fa ho afaka hisotro ronono ity zazakely ity ary ho velona ho an'ny voninahitr'Andriamanitra. Amena. Ho tahaka an'izany ilay izy.

Oh, Andriamanitra, mivavaka ho an'ny rainy izy. Mivavaka miaraka aminy aho mba Hanasitrananao ny rainy ka hanome azy an'izay ilainy, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena.

⁹²⁰ Ankehitriny, tsotra sa tsy izany? Mivavaka ny olona, saingy izay ataon'ny olona. . . Miandry zavatra goavana iray izy ireo ka manasarotra an'ilay izy. Andriamanitra manao an'ilay izy tsotra. Ianareo manao an'ilay izy ho sarotra ka diso an'izany. Hitanareo? Ataovy fotsiny. . . Aoka ho tsotra ilay izy tahaka ny nolazain'Andriamanitra hoe: “Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino; raha mametraka ny tânany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny,” tahaka ny nolazain'Andriamanitra.

⁹²¹ Mametra-tànana eo amin'ity vehivavy ity izahay, Tompo, ity anabavinay mitsangana eto ity, ary enga anie izy ho sitrana raha mangataka an'izany izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

⁹²² Ray, raha mametra-tànana eo amin'ny anabavinay izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ho fahatsiarovana ny Baiboly sy ny fampianaran'ny Tompo, enga anie izy ho sitrana.

Ray, amin'ny Anaran'i Kristy, mangataka ny fahasitranan'ny anabavinay izahay, ary mivavaka aho mba Hanaovanao azy ho salama raha mankatò Ny Teninao izahay, tsy misy fisalasalana anankiray ao an-tsaiko fa izy dia afaka ny ho . . . ? . . . Amena.

⁹²³ Ray, mametra-tànana eo amin'ny anabavinay izahay, ary mangataka mba, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba hanasitrananao azy sy hanaovanao azy ho salama. Amena.

Amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mametra-tànana eo amin'ny rahalahinay izahay ka mangataka mba Hanaovanao azy ho salama ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

Ray, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, manosotra ny anabavy izahay, ary mametra-tànana eo aminy ka mangataka ny fahasitranany amin'ny Anaran'i Jesosy.

Andriamanitra Ray, mametra-tànana eo amin'ny rahalahinay izahay, mangataka izahay mba, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raha manosotra azy izahay mba Hanaovanao azy ho salama.

Ray, indro, ny vady malalany...?....manosotra azy ary mametra-tànana eo aminy, mangataka an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

924 Tompo Andriamanitra, manosotra an'i Edith kely izahay, mametra-tànana eo aminy, ary mangataka amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo mba Hanekenao ny fangatahany.

Ray, ho an'ny reniny, manosotra ihany koa izahay ary mametra-tànana eo aminy ka mangataka ny fahasitranany, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, enga anie izy ho salama.

925 Ray, manosotra an'ity vatosoa sarobidy kelin'ity fianakaviana ity izahay, malalan'ny fo kely, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, izay napetraka teo Aminy indray andro, ary mivavaka aho mba Hanasitrananao azy...?....

926 Oh Andriamanitra, Ianao no mahafantatra ny fangatahan'ny anabavinay ary misaotra Anao izahay ny amin'ny finoany mahery. Ankehitriny, dia enga anie ireo zavatra izay nangatahany ireo, io...?....narahany nilalao fony izy kely, ary Andriamanitra, enga anie hamaha an'ilay vehivavy ny fahavalo ka enga anie izy hody any an-trano salama, Tompo. Izahay dia mivavaka ho an'izany lehilahy izany, ihany koa, izay nangatahany, Ianao no nampanantena hoe, "Raha mangata-javatra amin'Ny Anarako ianareo, dia Hataoko izany." Mivavaka aho mba Hanekenao an'io fangatahana io, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena. Andriamanitra hitahy anao.

927 Tompo, raha eo am-pahafatesana io hozatra eo amin'ny handrin'ny rahalahiko io, dia mangataka ny aina hiposaka izahay, raha mametra-tànana eo aminy izahay ka mangataka an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy, mba ho salama io hozatra io.

Andriamanitra Ray, mametra-tànana eo amin'ny anabavinay izahay rehefa avy nanosotra diloilo azy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, mangataka ny fahasitranany izahay. Amena.

928 Ray any An-danitra, raha nitsangana ny anabavinay nohon'ny fahombiazana lehibe maro izay Nasehonao, dia mitsangana izy ho an'ny anankiray amin'ny Mpanomponao, mpitoriteny iray, tena mikorontan-tsaina; ny fangorahan'ny fonay dia mankany aminy satria fantatray izay andalovany. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanosoranao ny anabavinay nohon'ny fitsanganany eto ho azy ary manosotra azy ho an'ny fahasitranany. Mivavaka aho, amin'ny Anaran'i Kristy. Amena...?....Ny Tompo no mahafantatra...?....

929 Tsara. Tena faly aho. Izany marina tokoa no hosotry ny Tompo. Tompo Andriamanitra, rehefa avy afaka tamin'ny demony iray izay niadivany nandritry ny taona maro ity vehivavy ity, indray andro dia nanao azy handalo tany an-trano ianao ary avy eo dia nidina ny Fanahy, "HOY NY TOMPO HOE," rehefa avy niantsoantso izy, dia nipetraka teo amin'ny alitara izy, nataony ny zavatra rehetra izay fantany hatao, saingy izany dia nila ny HOY NY TOMPO HOE. Ankehitriny, dia tonga ho an'ny zanaky ny rahavaviny izy izay mandô; tsy afaka mamindra, efa maherin'ny herintaona. Mivavaka aho, Tompo, mba Hanekenao an'ireo fitahian'Andriamanitra ho azy amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tena faly aho ny amin'izany, ranabavy, endrika hafa, ihany koa. Ary lavitry ny ho faty ianao ankehitriny, sa tsy izany?

Andriamanitra Ray, mivavaka izahay mba Hitahiano ny anabavinay raha manosotra azy izahay ka mametra-tànana eo aminy ary mangataka an'ity zavatra izay Nolzainao ity hoe: "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino. Hametra-tànana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Milaza ny ho mpino izahay, Tompo, noho izany dia mivavaka izahay mba Hanaovanao zavatra, amin'ny Anaran'i Jesosy...?...

930 Andriamanitra Ray, eo am-pahafantarana fa ny fon'ity vehivavy kely ity, satria nosokafany izany, dia mivavaka izahay mba Hamindranao fo aminy ka hanekenao ny fangatahana izay nangatahany. O Andriamanitra Ray, ho an'ny fianakaviany, ho an'ireo zanany, ho an'ny zananilahy, indrindra, Andriamanitra, mivavaka aho ankehitriny, mba Hanekenao an'ireo zavatra ireo...?...amin'ny foko rehetra, no angatahako an'izany, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Andriamanitra Ray, raha manosotra diloilo an'ity vehivavy ity izahay, ka mivavaka ho azy amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, mba Hanasitrananao azy ary hanaovanao azy ho salama ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

931 Tsy ho West ve ny anaranao, sa tsy izany?

Ray, mivavaka izahay ho an'ilay ramatoa kely. Mangataka ho an'ny dadany izy. Ankehitriny, mivavaka aho mba Hanekenao ho an'ny dadany, miantsoa eo amin'ny fony, Tompo. Tiany ho voavonjy izy. Tsy tiany ho any amin'izao tontolo izao araka ny misy azy izy, ity, ny zanany manokana, ny solofony. Mivavaka aho, Ray, mba Hamindranao fo aminy, amin'ny Anaran'i Kristy.

932 Ho tahiana ianao, ry zanakovavy, enga anie Andriamanitra hanome anao, an'ilay zavatra izay nangatahanao.

Andriamanitra malala, mivavaka izahay ho an'ny famindrampo ho azy, ary mangataka izahay mba Hamindranao fo, raha manosotra azy izahay...?...



FANONTANIANA SY VALINY MIKASIKA
NY HEBREO FIZARANA III MAG57-1006
(Questions And Answers On Hebrews Part III)

ANDIAN'NY FITONDRANA, LAMINA ARY FOTO-PAMPIANARAN'NY FIANGONANA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady hariva, 6 Oktobra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org